

UNIVERSITE D'ANTANANARIVO
ECOLE NORMALE SUPERIEURE
DEPARTEMENT DE LA FORMATION INITIALE
C.E.R. LANGUE ET LETTRES MALGACHES

**MEMOIRE DE FIN D'ETUDES POUR L'OBTENTION DU
CERTIFICAT D'APTITUDE PEDAGOGIQUE DE L'ECOLE
NORMALE**

**NY HAIFAMPIANARANA MIFOTOTRA AMIN'NY
FIFANOHANAN'NY TARANJA JEOGRAFIA,
MALAGASY, FRANTSAY - ADY AMIN'NY TENY
BEMIRAY NA SAFIOTRA**

Tohanan-dRAMANGAHARIVELO Marie Mélanie

Mpitarika ny sehokaroka : RATIARAY Suzette Malalatiana

Maître de conférences

Date de Soutenance : 13 Janvier 2007

Antananarivo
2007

TENY FISAORANA

Alohan'ny hanombohana dia tsy hainay ny tsy hisaotra izay rehetra mendrika izany.

Isaoranay voalohany indrindra Ilay Nahary nandrotsaka taminay ny fahasoavany ka nahavitanay izao asa izao. Ho Azy irery anie ny Haja sy ny Voninahitra.

Isaorana lehibe indrindra Andriamatoa Talen'ny Sekoly eto amin'ny E.N.S, raiamandreny mpanabe, nitantana ny Sekoly hamokatra olom-banona ilain'ny Firenena nandritra ny taona maro.

Isaorana Andriamatoa RAHARIJAONA Alphonse izay nanaiky ho Filoha mpitarika ny fanohanana, namoy ny adidy aman'andraikitra maro mba hanampy anay. Ho feno ny fahasoavana ilainao hatrany anie ny fiainanao.

Isaorana feno sy mitafotafo toy izany koa Andriamatoa RANDRIAMAHAZO Jean Claude izay tsy nitandro hasasarana fa nahafoy tena sy fotoana, tsy nitarain-tana-miempaka, tsy nikely soroka fa nilanja fahazotoana hatrany nitsara ity asa ity ary nivimbina risi-po sy finiavana tamin'izany. Hambinin-java-manasatra anie ianao.

Tolorana fisaorana manokana eto Ramatoa RATIARAY Suzette izay nitarika anay tamin'ny fikarohana ka nanoro lalana sy nanitsy ny dia ary nanampy anay, nitoto nahafotsy, nahandro nahamasaka izao asa izao. Hitombo ao aminao hatrany anie ilay harem-pahalalana efa nanananao ka nifampizaranao taminay.

Isaorana eram-po, eran-tsaina ireo mpampianatra sy mpanabe ary ny mpiara-miasa rehetra eto amin'ny Sekoly izay nikolokolo sy nampiana-mamindra anay. Hioty voka-tsoa amin'izay hatao hatrany anie ianareo.

Isaorana etoana ny mpiara-mianatra rehetra eto amin'ny E.N.S, indrindra ny Andiany M.A.T.E.Z.A izay niara-nanavatsava taminay ny taona maromaro, eo koa ireo tapaka sy namana rehetra sy ny olona rehetra izay nanampy anay, na mivantana izany na ankolaka, tamin'ny fanatontosana ny asa. Samia ho tafita amin'izay iriny avy.

Tsy dikaina fisaorana ireo rahavavy ao amin'ny Fikambanan'ny Zanaka Vavin'ny Fitiavan'ny Fo Masin' i Jesoa izay nanohana anay tamin'ny lafiny rehetra sy nanampy betsaka anay tamin'ny fanatontosana ny asa ary nankahery anay tsy ho kivy na hiraviravy tanana teo am-piatrehana ny sedra aman'olana maro

nifanehatra taminay. Ny andon'ny lanitra sy ny tsiron'ny tany anie hirotsaka sy hitsimoka ao amin'ny Fikambanana ka hampamokatra ny soa sy ny tsara ao anatiny.

Isaorana ihany koa ireo havana sy fianakaviana tsy mahafofy, indrindra ireo ray aman-dreny nahitana masoandro. Tsy ho very izay anjara fahasoavana ilainareo anie ianareo.

Isaorana ireo Talen-tsekoly maro sy ireo mpampianatra ary ireo mpianatra rehetra nandray anay, tsy nanosi-bohon-tanana fa vao mainka aza nanampy. Tena nahafa-po anay daholo izay rehetra nataonareo taminay. Misaotra tamin'ny fiaraha-miasa fa sitraka enti-matory tokoa ny vitanareo ka hovaliana raha mahatsiaro.

Isaorana isika rehetra mamaky ny boky sy manovo hevitra ao anatiny. Hitombo fahalalana hatrany anie ianareo ka hanatevina izay kely vitanay.

Isaorana izay rehetra tsy nanadino anay tamin'ny fomba samy hafa. Samia mahita izay tadiaviny sy mahazo izay katsahiny eto amin'ity fiainana ity.

Ho samy hahazo ny soa sy ny tsara anie isika rehetra ka hioty fahombiazana, higoka ny mamy, handidy hahita ny vaniny, hikapa hahita ny tonony ; ho toy ilay nitady sakafo nahita ny mamy anie isika eo amin'ny fiainana ka sady hiloloha tantely, no hivimbina akondro, no hisakelika fary ka izay entina mamy avokoa, izay atao mendrika avokoa, ary izay hitodihana lafatra avokoa.

Tsy lany hamamiana tokoa, hono, ny fisaorana ka averinay impolo, injato ho anareo, ho antsika izany na ny voalaza teto na ny tsia. Irinay ny hanomezantsika rehetra lanja ny teny malagasy na dia zava-dehibe aza ny fahaizana teny vahiny, mba ho araka ilay filamatra hoe : "Andrianiko ny Teniko, ny an'ny hafa koa feheziko". Koa satria samy manana ny hanitra ho azy ireo, dia hoy izahay mamarana ny teninay : "Ny Tenin-drazako lalaiko, ny an'ny hafa koa ilaiko".

Misaotra Tompoko,

Soeur Mélanie

FANONDROAN-TAKILA

0.TENY FAMPIDIRANA	1
0.1. Petrakolana	1
0.2. Antony nisafidianana ny lohatenim-pikarohana	2
0.3. Zava-kendrena	3
0.4. Ireo haitsikera nampiasaina nenti-nanatanteraka ny asa	4
0.5. Fomba nanatanterahana ny asa	5
0.6. Ny fahasahiranana tamin'ny fikarohana	6
0.7. Ny fetran'ny asa	7
0.8. Ny drafitra itondrana ny asa	7
 I. FIZARANA VOALOHANY : NY LALAN-TSAINA MOMBA NY FAHAFFEHEZANA NA TSIA TENY ROA	 12
1.1. Famaritana	12
1.1.1. Ny fahafehezana teny roa	12
1.1.2. Ny teny bemiray sy safiotra	15
1.2. Ny tombontsoa azo amin'ny fahafehezana teny roa	19
1.2.1. Eo amin'ny lafiny fifandraisana	19
1.2.2. Eo amin'ny lafiny toe-karena	22
1.2.3. Eo amin'ny lafiny haren-tsaina	23
1.3. Ny fepetra hanehoana ny fahafehezana teny roa	24
1.3.1. Ny fanajana ny maha-izy azy ny teny tsirairay	24
1.3.2. Ny tsy fampifangaroana teny samy hafa	26
1.4. Ny antony mahatonga ny mpianatra ho zatra mampiasa teny bemiray na safiotra	27
1.4.1. Antony ara-tantara	27
1.4.2. Antony ara-piarahamonina	31
1.4.3. Antony ara-toe-tsaina	33
1.4.4. Antony ara-toe-karena	34

II . FIZARANA FAHAROA : NY FANADIHADIANA SY NY VOKATRA AZO	38
2.1. Ny fomba fiasa tamin'ny fanadihadiana	38
2.1.1. Fanatrehana fampianarana	38
2.1.2. Fandinihana ny vokatry ny asa an-tsoratra nataon'ny mpianatra	42
2.1.3. Fanomezana fanontaniana fanadihadiana hofenoin'ny mpianatra	47
2.1.4. Resadresaka mivantana tamina mpianatra	50
2.2. Ny zava-kendrena	51
2.2.1. Teo amin'ny fanatrehana fampianarana	51
2.2.2. Teo amin'ny fandinihana ny asa novokarin'ny mpianatra	52
2.2.3. Teo amin'ny fanomezana fanontaniana fanadihadiana	52
2.2.4. Teo amin'ny resadresaka mivantana tamin'ny mpianatra	53
2.3. Ny vokatry ny fanadihadiana	54
2.3.1. Ny tsy fahazoan'ny mpianatra kilasy fahasivy ny teny frantsay, teny enti-mampianatra	54
2.3.2. Ny tsy fahafehezan'ny mpianatra kilasy fahafito ny teny frantsay sy ny teny Malagasy, hita taratra tamin'ny asa novokarin'ny an-tsoratra	58
2.3.3. Ny fahazaran'ny mpianatra any amin'ny ambaratonga faharoa manokana mampiasa teny <i>bemiray</i> na <i>safiotra</i>	68
 III. FIZARANA FAHATELO : NY FIFANOHANAN'NY TARANJA SAMY Hafa eo amin'ny fampiasana voambolana manokana	 76
3.1. Ny olana momba ny teny eo amin'ny haifampianarana	76
3.1.1. Olana eo amin'ny fifandraisan'ny mpampianatra sy ny fahalalana	77
3.1.2. Olana eo amin'ny fifandraisan'ny mpampianatra sy ny mpianatra	78
3.1.3. Olana eo amin'ny fifandraisan'ny mpianatra sy ny fahalalana	81

3.2. Ny vahaolana enti-manarina ny fitenin'ny mpianatra	84
3.2.1. Ireo paika samihafa handentehana voambolana	85
3.2.2. Paika fampifanohanana taranja amin'ny fampiasana voambolana	93
3.2.1. Fanatanterahana	103
 Teny famaranana	119
Conclusion	122
Tahirin-kevitra	124
 Tovana I : Fanadihadiana	
Tovana II : Fanadihadiana	
Tovana III : Ny fomba fanoratra ireo teny vahiny nogasiana	

0. TENY FAMPIDIRANA

Heverinay fa fomba iray iadiana amin'ny teny bemiray ny fahaizan'ny mpianatra miteny frantsay tsara sy teny malagasy ranoray. Koa manampy azy amin'izany ny fananany voambolana manokana hampiasaina amin'ny teny malagasy, ka sady hainy mampiasa amin'ny teny frantsay izany, no hainy mampiasa amin'ny teny malagasy.

Mila fanazarana izy amin'izany satria ny voambolana amin'ny teny frantsay no hainy taloha : nisy talohan'ny voambolana amin'ny teny malagasy (vao noforonina taty aoriana) ka mahazatra sy mahavantana ny vavany kokoa. Tsapanay amin'izany ny maha-zava-dehibe ny fifanohanan'ny taranja amin'ny fampiasana voambolana manokana mba hifankazaran'ny mpianatra aminy, na ny amin'ny teny frantsay, na ny amin'ny teny malagasy. Tsy hampifangaroany ireo teny ireo rehefa samy hainy tsara ny fampiasana azy.

0.1. PETRAKOLANA

Manana ny maha-izy azy ny Malagasy eo amin'ny serasera izay hiangaliany ny fahaizany miteny. Tsapa anefa ankehitriny fa mihamiova ny fomba fitenin'ny mpianatra, indrindra ireo tanora miala sakana eny amin'ny ambaratonga faharoa manokana. Te haneho ny faniriany haharaka ny fivoarana amin'ny fanatontoloana izay malaza eran-tany izy ireo ary rariny tokoa izany satria mila mivelatra sy misokatra amin'ny hafa izy mba hivoaran'ny fahalalany sy hampandroasoany ny fiainany. Ny fahitany sy ny fifaneraserany amin'ny hafa mantsy dia anisan'ny mpianatra azy zavatra betsaka, sady ny soa tokoa moa fianatra. Mila mailo sy mandray an-tanana ny fanitsiana ny fihetsika amampitenin'izy ireo izay mbola tsy voafehiny anefa ny mpanabe omban'ny fampianarana mba hahalalany ny mahaso sy ny tokony harahina.

Ny teny frantsay izay teny enti-mampianatra eto amintsika sy ny teny malagasy izay tenin-dreny ibeazana mantsy no ezahiny samy ampiasaina, saingy afangarony amin'ny alalan'ny teny bemiray, noho ny tsy fahafehezany azy roa. Mba te haneho ny fahaizany teny roa izay zava-dehibe eo amin'ny sehatry ny serasera sy ny fampandrosoana ny fiainana izy ireo ka mampiasa ny teny frantsay sy ny teny malagasy izay samy nianarany sy heveriny ho samy hainy. Tsy mety ny fampiasany izany raha vao afangarony amin'ny alalan'ny teny bemiray ireo teny roa samy manana ny maha-izy azy ireo. Tsy fantany fa

mifanohitra amin'ny fanehoana ny fahafehezana teny roa ny fampifangaroana teny izay maneho ilay tsy fahafenoam-pahalalana sy ny tsy fahaiza-mampiasa ny teny tsirairay.

Ny tena loza dia mananontanona ny hiovan'ny teny malagasy ho teny *créole* ka ho very ny fototra maha-malagasy, hiova haingana io teny io raha ny teny frantsay izay teny matanjaka eo amin'ny sehatra iraisam-pirenena no hahery eo amin'ny fifangaroan'ny teny rehefa ela ny ela. Fanampin'izany, ny ankizy sy ny tanora izay maro an'isa eto amintsika sady hanankinana ny ho avy no tena miserasera betsaka amin'ny teny bemiray. Koa dia halaky hiparitaka sy hihanaka ary hiorim-paka, hanjary ho fiteny manjaka eto amintsika izany fomba fiteny izany. Nanentana anay hisafidy ny lohatenim-pikarohana izany.

0. 2. ANTONY NISAFIDIANANA NY LOHATENIM-PIKAROHANA

Nosafidinay manokana ny lohateny hoe : « *Ny haifampianarana miompana amin'ny fifanohanan'ny taranja jeografia, malagasy, frantsay – Ady amin'ny teny bemiray na safiotra* » satria sady te hanampy ny mpianatra izahay no te hanampy ny mpampianatra amin'ny fiarovana ny teny malagasy tsy ho tototry ny teny frantsay noho ny tsy fahaiza-mampiasa azy roa mba ho samy ampiasaina amin'ny maha-izy azy ireo teny ireo, mba hitazonana kolontsaina malagasy sy hisokafana amin'ny any ivelany. Koa hohazavaina tsirairay eto izany faniriana te hanampy ny mpampianatra sy ny mpianatra izany.

0. 2. 1. Fanampiana ny mpampianatra

Iantsorohan'adidy mavesatra ny mpampianatra satria tsy ny fiandraiketana ny fampitana fahalalana fotsiny no ataony fa misahana ny fanabeazana ny maha-olona manontolo mihitsy izy, hahazoana olom-banona ilain'ny firenena.

Tsapan'ny mpampianatra tokoa ny olana sy ny rivotra iainan'ny mpianatra amin'izao fotoana izao, nefa toa tsy afa-manaoatra ihany izy, satria na izy mpanabe koa aza mba sempotra sy miaina ao anatin'ilay rivotry ny fampiasana teny *bemiray*. Te hanarina ny lesoka tokoa ny maro tonga saina amin'izany nefa tsy hitany ny lalan-kombana. Koa dia ampahany amin'ny ezaka azo tanterahina ihany no efanay ka entina eto ho anjara biriky amin'izany. Izany moa dia tanterahinay amin'ny alalan'ny fanomezana torohevitra sy tetika amam-paikam-pampianarana, handraiketana voambolana ao an-tsain'ny mpianatra sy hahavantana ny vavany ka tsy hindramany voambolana amin'ny teny frantsay foana. Ary mahakasika ny ambaratonga rehetra izany, manomboka any amin'ny

ambaratonga voalohany izay fototra, ka hatrany amin'ny ambaratonga faharoa manokana izay tena anjakan'ny fampiasana teny *bemiray*.

0. 2. 2. Fanampiana ny mpianatra

Tsy ho tsapan'ny mpianatra mihitsy hoe tsy mety ny ataony raha tsy ampahafantarina azy izany. Izy ireo moa, amin'ny ankapobeny, dia mora entanina amin'izay mahaliana azy ary mora tonga saina rehefa mazava tsara aminy ny tiana hambara.

Koa ity asa fandinihana izay niainga avy tamin'ny olana hita teo amin'ny mpianatra ity, dia entinay hampahafantarana azy ny tokony hahafehezany tsara ny teny malagasy sy ny teny frantsay izay samy tiany hampiasaina ary afangarony rehefa miteny izy nefa tokony samy hapetraka amin'ny sehatra ilana azy avy. Hanainganay ny mpianatra koa mba hirisihany hianatra teny vahiny izay ahafahany misokatra amin'ny hafa sy mivelatra amin'ny fanatontoloana, ary mampitombo ny seraseram-pifandraisana amam-panatsarana ny fiainana ity asa fikarohana ity. Ary entaninay izy ireo mba hanome lanja ny teny malagasy sy hiaro azy tsy ho voatsindrin'ny teny frantsay izay matanjaka kokoa, fa antoky ny fiandrianam-pirenena ny fitazonana ny teniny sy ny kolontsainy tsy hifangaro amin'ny an'ny hafa na hiova loko.

Tsy mifanalavitra amin'ireo voalaza ireo akory ny zava-kendrena tamin'ny fikarohana.

0. 3. NY ZAVA-KENDRENA

Raha nifidy ity lohahevitra ity izahay dia nikendry indrindra ny hanome tetika amam-paikam-pampitana ny mpampianatra mba hanampiana ny mpianatra tsy hampiasa teny *bemiray* intsony. Koa kendrenay ny mba hananan'ny mpampianatra :

1. ohatra aseho ny mpianatra eo amin'ny fomba fiseho, fiteny,
2. fampianarana mahaliana sy mandretsika ny fitadidiana,
3. fampianarana mampisokatra amin'ny hafa ka miteraka fampitahana amin'ny an'ny tena,
4. fampianarana mandalina ny teny malagasy izay mampanan-karena azy.

Nisy ny haitsikera nenti-nanatanteraka ny asa mba haha-siantifika azy.

0.4. IREO HAITSIKERA NAMPIASAINA NENTI-NANATANTERAKA NY ASA

Mampanan-danja ny asa ny tsy fiononana amina haitsikera tokana ka nampiasainay daholo ireo fomba fijery samy hafa hoenti-mampanjary ny asa fampianarana.

Fomba fijery mivelatra amin'ny fifanohanan'ny taranja

Ny fomba fijery nentinay niasa dia tsy nifintina tamin'ny zavatra tokana na sehatra iray fa mivelatra ho amin'ny fifanohanan'ny taranja samy hafa mihitsy. Eto dia ny taranja jeografia, malagasy, frantsay no notsongaina tamin'izany. Anisan'ny nanoritra lalan-tsaina tamin'izany i LENOIR.¹

Fomba fijery mifototra amin'ny fandinihana ny fiarahamonina

Eo am-pandinihana ny fiarahamonina no ahafantarana ny teny mahavantana ny vavan'ny olona sy ny fomba hanazarana azy amin'izany ka dia tsy nodianay tsy hita ny fanabeazana omen'ny fiarahamonina ny mpianatra sy ny fahombiazan'izany eo amin'ny fomba fiteniny. Anisan'ny nanoritra lalan-tsaina tamin'izany i BABAULT.²

Fomba fijery mifototra amin'ny fiasan'ny saina

Matoa ny olona manana izay teny mahavantana ny vavany, dia efa manana hevitra ao an-dohany izy ka ny teny ilazany azy no izay tonga voalohany ao an-tsainy no avoakan'ny vavany, na ny teny frantsay izany na ny teny malagasy, araka ny lalan-tsaina nosoritan'i HAGEGE³. Ka ny hanazarana ny mpianatra hanana fahalalana raikitra ao an-dohany no ampianarana azy voambolana amin'ny alalan'ny fanabeazam-boho ny teny, ary mora voaray ilay voambolana manokana raha ampiarahina amin' ny teny iray fototra na hevitra aminy izy mba hahazoan'ny mpianatra azy tsara.

¹ Yves LENOIR, *Les enseignants du primaire entre disciplinarité et interdisciplinarité*, Les Presses de l'Université Laval, 2004, pp. 5-10.

² Sophie BABAULT, "Le paysage sociolinguistique actuel de Madagascar" in *Langues, Ecoles et Société à Madagascar : Normes scolaires, pratiques langagières, enjeux sociaux*, l'Harmattan, Paris, 2006, pp. 27-36.

³ Claude HAGEGE, *L'enfant aux deux langues*, Odile Jacob – Poches, pp. 233-238.

Fomba fijery miainga amin'ny ankapobeny mankany amin'ny antsipiriany

Niainga tamin'ny fahitana ny zava-misy ankapobeny teo amin'ny mpianatra izahay vao nandinika izany akaiky, nikaroka ny antony sy ny vahaolana mifandraika aminy.

Fomba fijery miainga amin'ny manontolo mankany amin'ny ampahany

Hitanay fa mipetraka eo amin'ny ambaratonga rehetra ny tsy fahafehezana ny teny na dia ny mpianatra ny ambaratonga faharoa manokana aza no tena misongadina amin'ny teny *bemiray*, ka izany no nahatonga anay hamaritra hoe ny fototra aloha no hitondrana ny fanarenana voalohany. Nifameno tamin'ireo haitsikera ireo ny fomba nanatanterahana ny asa.

0. 5. FOMBA NANATANTERAHANA NY ASA

Mba hahitana ny tena zava-misy sy handinihana ny fanarenana ny lesoka, dia niezaka nijery akaiky sy nanatona ny mpianatra, ny sekoly sy ny mpampianatra, isan'ambaratonga izahay. Nohatoninay misimisy kokoa tamina fomba samy hafa izy ireo mba handinihanay ny fisehon'ny fomba fiteny mahazatra ny mpianatra. Teny amin'ny ambaratonga faharoa manokana izay nanatonanay sekoly sivy dia nanatrehanay fampianarana taranja malagasy sy nanaovanay fanadihadiana an-tsoratra tamin'ny mpianatra, ary nandinihanay manokana ny fihetsiny sy ny fiteniny na tao an-dakilasy na teny ivelany, miaraka amina resadresaka ombieny ombieny. Tsy nifidy kilasy moa izahay fa izay vonona rehetra ka nanaiky handray anay na kilasy faharoa, na kilasy voalohany, na kilasy famaranana, dia nidiranay daholo.

Teny amin'ny ambaratonga faharoa fototra dia sekoly tokana no vitanay ary ny kilasy fahefatra izay misy ny mpianatra mahery vaika amin'ny fialana sakana, no nohatoninay nanaovana fanadihadiana an-tsoratra.

Teny amin'ny ambaratonga voalohany kosa dia sekoly tokana ihany koa no nohatoninay ary ny kilasy fahasivy, nisy telo, no natrehinay fampianarana ka tsy nifidiananay taranja natrehina izany fa izay tojo anay dia natrehina daholo. Fanampin'izany, dia nikirakira ny asan'ireo mpianatra, kilasy fahafito marobe saika manerana ny Nosy izahay, ka nisy fiaraha-niasa tamin'olona izany : nanao fandinihana asana mpianatra miisa 345, amin'ny teny malagasy sy amin'ny teny frantsay. Teo dia niarahy fa tsy mahafehy ny teny roa ny mpianatra kilasy fahafito izay mamarana ny ambaratonga voalohany . Ary tsikaritray tany an-

dakilasy fa tsy mahazo teny frantsay mihitsy ny mpianatra ao amin' ny kilasy fahasivy izay eo anivon'ny ambaratonga voalohany.

Koa rehefa hitanay fa mahazo vahana noho ny tsy fahalalana ny fampiasana teny *bemiray* ary avy any amin'ny fototra, any amin'ny ambaratonga voalohany mihitsy no misy ny loharanon'ny lesoka, dia nitodihanay manokana ny ambaratonga voalohany mba hanompanana ny fanarenana eo amin'ny lafiny fampitam-pahalalana ary azo ampiharina amin'ny ambaratonga rehetra izany. Nohalalininay ny fanadihadiana rehetra natao, nikaroka vahaolana hanatsarana ny fampianarana sy hamonjena ny fitenin'ny mpianatra izahay ka nasehonay ny paikady fanarenana mifototra amin'ny fampianarana voambolana manokana sy ny fifanohanan'ny taranja eo amin'ny fampiasana azy, ary nataonay ny andrana fampiharana.

Betsaka ny sedra-pahasahiranana tojo anay nandritra ny fandinihana natao nefa dia nataonay fanoitra nenti-niroso hatrany ireny.

0. 6. NY FAHASAHIRANANA TAMIN'NY FIKAROHANA

Toe-javatra efa nampoizina satria mpitranga eo amin'ny fiainana ny fisian'ny olana eny am-panatanterahana asa ka tsy nataonay sakana velively ny fitrangan'izany. Ny olona sendra anay dia noraisinay ho sedra tsy maintsy hihoarana, hampandroso sy fanoitra hoenti-mandavorary ny asa. Tojo anay avokoa ny olana ara-kevitra, ara-potoana, ara-pifandraisana.

Olana ara-kevitra

Nitranga taminay ny fanovana lohahevitra tanelanelam-potoana, noho ny fahasahiranana namoaka ny hevitra tena nilaina. Toa very maina ny fotoana lany talohan'izany nefa dia dingana nenti-niroso nandavorariana ny lohahevitra manaraka daholo ireny.

Tsapanay ihany koa ny hasarotr'ilay lohahevitra voalohany nofidinay ka nahatonga anay ho tsy nety tafavoaka tamin'izany na dia maro aza ny sahanasa tianay hasongadina tao anatiny. Koa vokatr'ilay fiovana, dia nitranga ny olana ara-potoana nefa ny fotoana no tena kitro ifaharan'ny asa.

Olana ara-potoana

Tery dia tery taminay ny fotoana satria tapatapany ihany sisa no tena nahafahanay nifototra tamin'ity asa ity vokatr'ilay fanovana ny lohahevitra. Ary tamin'ny fitsidihana sekoly ambaratonga voalohany sy ambaratonga faharoa fototra, tamin'ny volana Mey 2006, dia efa tratran'ny fe-potoana tsy nahafahana

niditra tan-dakilasy intsony izahay, noho ny fanadinana antomotra ka dia sekoly tokana ihany no vitanay tamin'ireo ambaratonga ireo.

Tsapanay, araka izany fa tsy nahazo nivalampatra teo amin'ny fotoana izahay fa tena nanenjika ka lasa zary hazakazaka arahin-tosika tokoa no nianjady taminay. Nanampy trotraka izany ny fisian'ny olana ara-pifandraisana.

Olana ara-pifandraisana

Mila fanatonana olona, sekoly, tranom-boky, sns ..., ny fanaovana asa fikarohana, ka tojo anay izany hoe voatosi-bohon-tanana izany na dia tsy nateti-pitranga aza akory io olana io. Nisy ny sekoly tsy nety nandray anay noho ny antony tsy fantatra, nisy koa ny mpampianatra tsy nanome fotoana hanaovana fanadihadiana tamin'ny mpianatra fa ny fanatrehana ny fampianarana ihany no nekeny, noho ny fotoana tsy ampy ka tsy dia afa-nanoatra firy izahay satria ny fangatahana tsy voatery hahazo valiny mahafa-po foana. Mazava, araka izany, fa voafetra ihany ity asanay ity.

0.7. NY FETRAN'NY ASA

Noho ireo olana ireo, dia voafetra tokoa ny asanay : tsy voavahanay daholo ny olana mikasika ny teny bemiray fa ny momba ny voambolana teknikina eo amin'ny taranja jeografia ihany no tena nifotoranay.

Ary alohan'ny hidirana amin'ny tena vontoatin-dresaka, dia tsara raha hatao indray mijery ny drafitra itondrana ny asa.

0. 8. DRAFITRA ITONDRANA NY ASA

Mba handrindrana ny fizotran'ny fandinihana sy hilaminan'ny asa ary hahazoana izay hambara ao amin'ny vontoatim-pikarohana, dia toy izao ny drafitra arahina sy itondrana ny asa :

1. ny lalan-tsaina momba ny fahafehezana na tsia teny roa ;
2. ny fanadihadiana sy ny vokatra azo ;
3. ny fifanohanana ny taranja samy hafa eo amin'ny fampiasana voambolana.

FIZARANA VOALOHANY

NY LALAN-TSAINA MOMBA NY
FAHAFEHEZANA TENY ROA

FIZARANA FAHAROA

NY FANADIHADIANA SY NY
VOKATRA AZO

FIZARANA FAHATELO

**NY FIFANOHANAN'NY TARANJA
SAMY Hafa EO AMIN'NY
FAMPIASANA VOAMBOLANA
MANOKANA**

FIZARANA VOALOHANY

**NY LALAN-TSAINA MOMBA NY
FAHAFFEHEZANA TENY ROA**

I . NY LALAN-TSAINA MOMBA NY FAHAFEHEZANA NA TSIA TENY ROA

Maro ny seho aman-trangam-piainana maneho fa ilaina ny mahafehy teny roa. Ho an'ny mpianatra, dia tombontsoa lehibe ho azy ny mahafehy ny teny frantsay sy ny teny malagasy. Ny teny malagasy moa no tenin-dreny, teny ibeazany ary ny teny frantsay kosa no teny vahiny manokatra azy hifandray amin'ny hafa firenena sy haharaka ny fivoaran'ny tontolo, amin'ny maha-fitaovam-pifandraisana ny teny.

Toa mbola lavitra ny afo ny kitay raha ny mpianatra tonga eny amin'ny ambaratonga faharoa manokana no tiliana momba ny fahafehezana ny teny malagasy sy ny teny frantsay, satria dia ny teny *bemiray* no mahavantana azy ireo amin'izao vaninandro, taona arivo fahatelo izao.

Koa mahaliana ihany ny hamantatra ny antsoina hoe : ny olona tena mahafehy marina izany teny roa izany sy ny tombontsoa azo avy aminy, ny fepetra enti-maneho azy ary ny antony mahatonga ny mpianatra hivarina any amin'ny fampiasana teny *bemiray* na *safiotra*.

Ny lalan-tsaina efa nosoritan'ireo mpandinika no hizorana hoenti-mamotopototra ny tiana ho fantatra, ka ny famaritana no iaingana amin'izany.

1.1. FAMARITANA

Maro ireo mpandinika namaritra ny momba fahafehezana teny roa, izay mahatonga ny olona ho toy ny sabatra roa lela, ka tsy ho very mandeha izy amin'izany. Hojerentsika tsirairay izy ireny mba hahafahana manatsoaka hevitra avy amin'izay nosoritany.

1.1.1. Ny fahafehezana teny roa

Tsapa fa efa saika mahenika izao tontolo izao ity resaka fahafehezana teny roa ity. Mampifanatona firenen-tsamy hafa sy mampisokatra ny olona samihafa eran-tany hifanerasera sy hifanampy izany. Efa maro moa ny nandalina ny momba azy io, saingy samy manana ny heviny izy ireny, araka ny traikefam-pandinihina hitany avy.

Amin'i BLOOMFIELD ny fahafehezana teny roa dia miseho amin'ny fampiasana azy roa ho toy ny samy tenin-dreny nibeazana.⁴

⁴ « C'est avoir la maîtrise de deux langues comme si elles étaient toutes deux la langue maternelle ». (BOLOOMFIELD, 1935).

Ary i HAUGEN dia naneho fa rehefa mamokatra lahateny amin'ny tenin'ny hafa ka manaja ny hevitra raketiny amin'ny fandraisan'ny tompon-teny azy (izay mety tsy hitovy amin'ny hevitra mahazatra ny tena) no tena mahafehy teny roa. (HAUGEN, 1953).

Araka i WEINREICH ny fahafolahana teny roa dia ny fahaizana miteny, mahazo, mamaky ary manoratra na farafahakeliny ny iray amin'ireo, amin'ny teny hafa ankoatra ny tenin-dreny.⁵

Araka ny hevitr'i Miguel SIGUAN sy i William F. MACKEY kosa dia mahafehy teny roa izay mahay mampiasa azy roa amin'ny fomba mitovy, tsy misy tombo sy hala.⁶

Ary araka ny hevitr'i Claude HAGEGE, ny tena mahafehy teny roa dia izay mahay miteny azy roa, mahazo azy tsara sy manoratra azy avy ara-pitsipika, ary samy mahavantana ny vavany ireo teny roa ireo : samy hainy mampiasa amin'ny ilàna azy avy tsy am-pihambahambana.⁷

Araka ireo hevitra samy hafa novokarin'ny mpandinika tamina vanim-potoana samy hafa ireo, dia hita fa mivoatra araka ny firoson'ny vanim-potoana ny fomba fiheverana. Satria raha mbola tsy naka sarotra loatra ry zareo taloha, toa an-dry WEINREICH sy ry HAUGEN fa rehefa mahita mangirana kely amin'ilay teny hafa ankoatra ny an'ny tena, dia efa mahafehy teny roa. Saingy nokianin-dry SIGUAN sy i MACKEY ny hevitra naroson'i WEINREICH fa hoe tsy mendrika ny

⁵ « *Est bilingue celui qui possède au moins une des autres compétences (parler, comprendre, lire, écrire) dans une langue autre que sa langue maternelle* ». (WEINREICH, 1963).

⁶ « *Le bilingue possède deux systèmes linguistiques mais nous insistons sur le fait qu'il les maîtrise et les utilise de manière semblable* ». (SIGUAN (M) et MACKEY (W. F.), 1986 : 11).

⁷ « *Etre vraiment bilingue implique que l'on sache parler, comprendre, lire et écrire deux langues avec la même aisance. Un critère sûr de cette perfection des deux compétences est, dans le maniement de chacune des deux langues, l'égale connaissance, c'est-à-dire l'égale rapidité d'emploi* ». (HAGEGE (C), 2005 : 218).

hisalotra ilay anarana mahafehy teny roa akory raha nianatra teny hafa fotsiny ka afaka mahazo sy mandefa hafatra amin'izany.⁸

Ary notohanana'i HAGEGE izay mpandinika amin'izao vaninandro iainantsika izao, tamin'ny fomba lalindalina sy hentitra kokoa izany tamin'ny filazany fa tokony ho hita taratra eo amin'ny fampiasana azy tsy am-pihambahambana sy ara-pitsipika ilay fahafehezana teny roa.

Ka ny tena mahafehy teny roa izany dia izay kinga mampiasa ny teny tsirairay amin'ny sehatra sy ny fotoana ilana azy avy. Ohatra, raha miresaka ny olona roa samy mahafehy teny roa amin'ny teny A, ka tonga ny olona hafa tsy mahay izany teny izany, dia miara-mifindra amin'ny teny B azon'ilay olona vaovao hiresaka aminy tsy amim-pihambahambana izy ireo.

Afaka mahazo hafatra sy mampita izany amin'ny teny roa, eo no ho eo izy ary manaja ny hevitra andraisan'ny tompo-teny azy, araka ny kolontsainy, toy ny ataon'ny mpandika teny.

Ny mahafehy teny roa koa dia tsy mirona amin'ny anankiray fotsiny ka tsy hampiasa mihitsy ny iray mba hipetraka ho fahaizana fotsiny. Noho izany dia misy ambaratongany ny fahafehezan'ny olona teny roa : misy ny manana fahalalana tapatapany amin'izy roa, misy ny eo ho eo ihany ny fahaizany azy roa, misy ny mahay tsara azy roa fa ny iray ihany no ampiasainy, misy ny sady mahay azy roa no mampiasa azy amin'ny ilana azy avy (tonga lafatra).

Ka ilay fahafolahana teny roa dia miseho amin'ny fahaiza-manao ireto lafin-javatra ireto :

- fahazoana ny an-tsoratra sy ny am-bava,
- fahafahana maneho hevitra an-tsoratra sy am-bava na amin'ny tenin-dreny nibeazana na amin'ny teny hafa,
- fitazonana ny hevitra raketin'ny teny manaraka ny kolontsaina sy ny fomba fijerin'ny tompo-teny azy.

Manoloana ireo fomba fijery samy hafa ireo, dia tafiditra ho anisan'ny mahafehy teny roa ihany ireo mpianatra eny amin'ny ambaratonga faharoa manokana izay mba efa mahita mangirana kely amin'ny teny frantsay, raha ny hevitr'I WEINREICH no arahina. Rehefa tena dinihina anefa, amin'ny hevitra hentitra naroson'ireo mpandinika tamin'ny vanim-potoana taty aoriana toa

⁸ « *Le bilingue composé, qui pour comprendre et émettre un message dans une autre langue doit traduire successivement chacun de ses éléments, ne mérite pas le nom bilingue et n'est tout compte fait qu'un individu faisant l'apprentissage d'une seconde langue* ». (SIGAN (M) et MACKEY (W. F.), 1986 : 16).

an-dry SIGUAN, ry MACKEY, ry HAGEGE, dia sady tsy mahafehy ny teny malagasy izy ireo no tsy mahafehy ny teny frantsay, hany ka teny *bemiray* na *safiotra* no fampiasany. Napetrak'i SIGUAN sy MACKEY tsara ao anatin'ny haabon'ny fahafehezana teny roa ny fanazavana izany. Ny famaritana ny teny hoe : *bemiray* sy *safiotra* no andeha hanokafana ny fanazavana izay tiana hambara.

1.1. 2 . Ny teny *bemiray* sy *safiotra*

Fomba fiteny vokatry ny fifangaroana no tiana haseho amin'ireo teny roa ireo. Nefa tsara raha haseho tsirairay ny famaritana nahatonga izany hevitra izany.

Ny *safiotra* dia ilazana ny zanaky ny olona roa samy hafa firenena amam-bolon-koditra, toy ny Vazaha sy ny Malagasy, ka nalaina ho fanoharana ny teny malagasy mifangaro teny frantsay ihany koa. Ny mpandinika sasany moa dia mampiasa ny teny hoe : *fran-gasy* mba hanehoana ilay hevitra maha-*safiotra* azy. Anisan'izany RANAIVO sy RANDRIAMAROTSIMBA izay naneho fa ny tanàn-dehibe no nahaterahan'io teny *safiotra* io voalohany.⁹

Ny *bemiray* dia ilazana ny lamba azo avy amin'ny fanambatambarana ireo tapatapa-damba ambin-jaitra isankarazany izay tsy tiana ho verivery foana, samy manana ny sorany, ny lokony, ny karazany ary ny habeny. Ka ny tsy mahatakatra ny halafon'ny vidin-damba dia mionona amin'ny *bemiray* fa zara aza misy an'io. Io sary io no nenti-naneho ny fanambatambarana teny samy hafa samy tsy voafehy tsara fa samy hay tapatapany fotsiny.

Fanamarihana :

Misy ny mampiasa ny teny hoe *teny variamananana* saingy ny *variamananana* dia sakafo tsara amin'ny Malagasy ka tsy dia mifanaraka loatra amin'izay tiana hasongadina eto na dia nasehon'i Norbert DODILE aza fa ny fifangaroan'ny teny frantsay sy ny teny malagasy dia *variamananana* no ahafantaran'ny rehetra azy.¹⁰

⁹ « Une pratique métissée baptisée *fran-gasy* naît alors dans les rues des grandes villes malgaches ». (RANAIVO (V) et RANDRIAMAROTSIMBA (V), 2005 : 7).


¹⁰ « La variété métissée *malgache/français* est connue sous le nom de *variaminanana* ». (DODILE (N), 2005 : 27).

Manazava ny hevitra tiana hambara misimisy kokoa ny fanehoana etoana ny fomba fisehon'ny teny *bemiray* izay tsy mitovy arakaraka ny olona mampiasa azy.

➤ Ny fomba fisehon'ny teny bemiray


Azo lazaina ho teny *bemiray* foana raha vao miseho amin'ny endrika fifangaroana ny teny frantsay sy ny teny malagasy, fa ny fisehony no tsy mitovy.

a. Misy ny fitsofohan'ny voambolana amin'ny teny malagasy any anaty fehezanteny amin'ny teny frantsay. Ary rehefa mitohy izany dia mety hivadika ho teny malagasy mihitsy ny fehezanteny, araka izao kisary izao :




Ohatra : Merci pour le *zavatra* ! Vraiment tu es *mahafinaritra* ! Dia aza manahy ianao fa hiezaka aho.

b. Misy fehezanteny amin'ny teny malagasy ampidirana voambolana amin'ny teny frantsay. Ary io no matetika mitranga sy ampiasain'ny mpianatra : resaka amin'ny teny malagasy nefa feno voambolana amin'ny teny frantsay, na teny frantsay nogasiana, araka ny kisary :



Ohatra : Tena tsara ilay *projet* fa tsy mbola azo *réaliser-na* satria tsy mbola nahazo *permission* isika.

d. Misy ny resaka amin'ny teny malagasy itsofohana fomba fitenenana amin'ny teny frantsay ombieny ombieny.



Ka ny 1= fomba fitenenana amin'ny teny frantsay ; ny 2 = fehezanteny amin'ny teny frantsay.

Ohatra : Aleo atao ihany fa *vaut mieux tard que jamais* sady mahamenatra kokoa ny tsy manao mihitsy no *je ne trouve plus une autre occasion*.

Tsy mahafehy teny roa ireo mpampiasa teny *bemiray* ka tsara dinihina ihany ny karazan-teny frantsay matetika tafatsofoka any amin'ny resaka ataon'ny mpianatra amin'ny teny malagasy.

➤ *Ny karazan-teny frantsay miditra any amin'ny teny malagasy*

Matetika dia ny voambolana fampiasa andavanandro amin'ny teny frantsay no ampiasain'ny mpianatra satria io no mora voasambotry ny vavany haingana, fa sady fohy no mora tenenina no mora azo.

Ohatra : anarana = *frais, bus, avion, montre, feuille, signal, ...*

matoanteny = *assurer, payer, essayer, garantir, bloquer, ...*

mpamari-toetra = *difficile, bonne, dangereux, rapide, intelligent, ...*

Indraindray dia fomba fiteny, fehezanteny na tsia no ampiasainy satria mora azo sy mora ampiasaina ka mahazatra sy mahavantana ny vava.

Ohatra : - *vaut mieux tard que jamais !*

- *les absents ont toujours tort !*

- *quand même ! / justement !*

- *tu parles ! / tu vois ! / ça fait rien ! / s'il te plaît !*

Misy koa ny voambolana manokana sy ny voambolana tekinka izay mahavantana ny vava kokoa amin'ny teny frantsay na dia efa misy teny andikana azy aza amin'ny teny malagasy, satria sady vaovao amin'ny sofina no mavesatra ho an'ny vava.

Ohatra : ny *formule* dia adika hoe *raikipohy*, ny *ordinateur* dia adika hoe *solosaina*, ny *théorie* dia adika hoe *lalan-tsaina*, ny *critère* dia adika hoe *mason-tsivana*, ...

Ary misy ny teny frantsay tsy nahitana voambolana mifanandrify aminy ka nogasiana fotsiny toy ny hoe : *akademia, bisikileta, ministera, masinina*, ...

Misy ny ajanona ho teny frantsay foana, toy ny hoe : *poulet de chair, embouteillage, gradin, sns...*

Azo lazaina ho sehatra ianaran'ny mpianatra io teny *bemiray* io ihany koa ny any an-dakilasy, satria misy fotoana ampiasan'ny mpampianatra sy ny mpianatra izany, arakaraka ny taranja.

➤ *Ny taranja ampiasana teny bemiray*

Amin'ireo taranja sasany ampianarina amin'ny teny frantsay no matetika ampiasan'ny mpampianatra teny malagasy ombieny ombieny, satria manahy izy sao tsy azon'ny mpianatra ny lesona. Ka na ny fanazavana iray manontolo no averiny amin'ny teny malagasy, na teny vitsivitsy sarotsarotra no adikany ho an'ireo sahirana amin'izany.

Mandritra ny taranja frantsay izay tokony hitenenan'ny mpianatra sy ny mpampianatra teny frantsay koa dia manontany amin'ny teny malagasy ny mpianatra satria tsy mahay miteny frantsay tsara na tsy mahatafavoaka ny heviny raha miteny frantsay.

Manoloana ny tranga maro mety hanimba ny teny, dia tokony harovana izy. Tsapa anefa fa anisan'ny loza mitatao ho an'ny teny malagasy ity teny *bemiray* ity. Andeha hasiana topin-dresaka izany.

➤ *Ny maharatsy ny teny bemiray*

Noho ny teny *bemiray* efa maneho fifangaroana loatra dia mety hiafara amin'ny tranga mahazo ny firenena sasany amin'ny *créolisation* ny tenintsika raha tsy malaky mitandrina isika.

Anisan'ny kolontsaina sy enti-maneho kolontsaina ny teny ka ny fampifangaroana izany amin'ny hafa tsy misy fetra na fatrany dia manova tanteraka azy. Mety ho ny fototra mihitsy no ho very rehefa tafaharo amina teny hafa na kolontsaina hafa ny teny sy ny kolontsaina malagasy izay hita efa mihamiova tsikelikely, satria marefo ihany ny antsika manoloana ny an'ny hafa izy matanjaka tokoa eo amin'ny sehatra iraisam-pirenena.

Ny tena loza mitatao mantsy dia ny hahafaty tanteraka ny teny malagasy ho toy ny teny maty sasany (teny latina) izay tsy ampiasaina intsony. Satria ny ankizy sy ny tanora izay maro an'isa indrindra eto amintsika sady miantoka ny ho avy indray no tena mampiasa betsaka io teny *bemiray* io eo amin'ny serasera, ka azo antoka fa raha tsy voatsabo ny aretina, dia halaky hihanaka sy hitombo ny teny *bemiray* ary hiorim-paka mihitsy ; hiova haingana ny kolontsaina aman-toe-tsaina ary ny toetra amam-pihetsika maha-malagasy ny Malagasy, ka ny

atahorana dia sao hiova ho ratsy sy tsy mahasoana antsika izany, araka ny efa hitahita taratra amin'izao vaninandro izao. Koa dia andraikitra ny fanabeazana sy ny fampianarana no manetsika ny fahatongavan-tsain'ny tanora sy manitsy dieny mialoha ny famindran'ny ankizy.

Tsapa fa ny tsy fahafenoan'ny fahafehezana ny teny roa mihitsy no mahatonga ny mpianatra hampiasa ilay teny *bemiray* na *safiotra*. Midika izany fa tsy tafiditra ao anatin'ilay mahafehy teny roa ireo mampiasa teny *bemiray* ireo na dia samy hainy mampiasa potipotiny avy aza, ohatra, ny teny frantsay sy ny teny malagasy. Matetika mantsy dia voambolana mitsitokatokana amin'ny teny frantsay no ampidiriny ao anaty fehezanteny amin'ny teny malagasy, na nogasiana ireny voambolana amin'ny teny frantsay ireny mba ho lasa teny malagasy ampidirina anaty fehezanteny malagasy, na koa hoe ny fomba fitenenana amin'ny teny frantsay no ampiasaina anatina lahateny amin'ny teny malagasy ka mahatonga ny fivadihany'ny lela amin'ny teny roa.

Tsy izany anefa no filamatra satria maneho ilay tsy fahafahana mifehy ny maha-izy azy ny tenim-pirenena tsirairay izany, fa ilaina ny fahaizana mampiasa ny fahafehezana ny teny roa, ary izay mahay azy roa nefa tsy mahay mampiasa azy dia tsy mahafehy akory na dia iray aza, araka ny lazain'ny mpandinika iray.¹¹

Fa tombontsoa maro no azon'ireo mahay mampiasa ny fahafehezany teny roa. Hojerentsika izany tombontsoa izany.

1. 2 . NY TOMBONTSOA AZO AMIN'NY FAHAFEHEZANA TENY ROA

Antoka iray hampivoarana ny tena sy ny tontolo ny fahafehezana teny roa satria sady mitondra akony eo amin'ny lafiny fifandraisana sy ny toe-karena no mampitombo ny haren-tsaina.

1. 2 .1. Eo amin'ny lafiny fifandraisana

Tsy mahavery mandeha ny olona ny fahafehezany amin'ny ilany azy ny teny roa ary tsy ho sahirana izy miditra anaty fiarahamonina samy hafa sy hisokatra amin'ny hafa firenena ary hivelatra amin'ny tontolo hafa ka handray kolontsaina samy hafa sy hampivoatra ny fiainany.

¹¹« Un vrai bilingue ne mélange jamais ses deux langues. Ceux qui mélangent ne maîtrisent aucune des deux langues correctement », Barbara ABDELILAH-BAUER, *Le défi des enfants bilingues : Grandir et vivre en parlant plusieurs langues*, Ed. La Découverte, (<http://www.Languagelizard.com/Default.asp?Click=675>)

Fisokafana amin'ny hafa firenena

Satria fitaovana entina mifandray ny teny, dia ho mora ho an'ny olona mahafehy ny teny roa ny hifandray amin'ny vahiny mampiasa ilay teny faharoa voafehiny. Ohatra, ny Malagasy mahafehy tsara ny teniny sy ny teny frantsay dia hifandray mora foana amina vahiny mampiasa teny frantsay. Ilaina amin'izany ny fifanakalozan-kevitra, ny fifanoroana, ny fifampizarana traikefa, ny fifanampiana sy ny fiaraha-miasa enti-mampandroso ny tena sy ny firenena ary mipaka any amin'ny fivelarana amina tontolo hafa izany.

Fivelarana amin'ny tontolo hafa

Ny fanatontoloana izao no manjaka ka izay mahafehy teny samy hafa, fara fahakeliny roa, no mahafehy ny tontolo. Miainga eo amin'ny fanarahana sy ny fahalalana ny zava-misy mitranga eran-tany izany izay aseho an-tsoratra (amina boky, gazety, tendrilavitra) na amina haino aman-jery (fahitalavitra, vata fandraisam-peo, kapila mangilatra) sy am-bava izay amin'ny teny hafa no tena ahazoana azy betsaka, matetika amin'ny teny iraisam-pirenena toy ny frantsay sy ny anglisy.

Manampy amin'ny fanaraham-baovao mitondra ny fivelaran'ny saina hanitapahalalana hatrany izany. Ka izay Malagasy mahafehy ny teny frantsay, ohatra, dia afaka mampitombo ny haren-tsainy amina fahalalana vaovao maro arosan'ny mpandinika amin'ny alalan'ny boky sy ireo fitaovana avo lenta hafa, ary afaka mandranto fahalalana any ivelany mba hampivoarany ny tenany sy ny taniny amin'ny alalan'ny fampitahana tena amin'ny hafa izy. Ka tsy latsa-danja amin'izany ny resaka kolontsaina.

Fandraisana kolontsaina samihafa

Ny fahafehezana ny tenin'ny firenen-kafa dia efa maneho taratra ny fandraisana ny kolontsainy, satria anisan'ny kolontsaina ny teny. Samy manana ny fomba fitenenana fampiasany amina sehatra sy tranga samy hafa avy, ohatra, ny firenena tsirairay, ka ny fanajana ny fampiasana azy ireny araka ny sehat-pitenenana sy araka izay rafitra napetraky ny fiarahamonina, dia efa fandraisana ny kolontsainy. Manamafy izany i HAGEGE raha nilaza fa mitondra lovan-kolontsaina daholo ny teny tsirairay.¹²

Ary i SIGUAN sy i MACKEY kosa naneho fa tsy ny fitaovana ampitomboana ny fahafaha-miserasera ihany no tombontsoa azo avy amin'ny

¹² «Toute langue est porteuse d'un héritage culturel particulier». [HAGEGE (C), 2005 : 221].

fahafehezana teny hafa, fa eo koa ny haren-kolontsaina mampitombo ny maha-izy azy ananany.¹³

Tsy mifanipaka amin'ny tanjom-pivoarana izany ny fahafaha-mifandray sy misokatra amin'ny hafa fa azo entina hampivoarana ny fiainana tsara.

Fampivoarana ny fiainana

Zava-dehibe anisan'ny mampirindra ny fiainam-piarahamonina sy ny fiainam-pirenena ny fivoaran'ny fiainan'ny olona tsirairay ary anisan'ny mampivoatra ny fiainan'ny tsirairay kosa ny fahitana ny hafa. Koa raha tsy ny fiainan'ny tena ihany no mivoatra amin'izany fa ny fiainam-piarahamonina sy ny tontolo manodidina ihany koa, dia tena fahasoavana tokony katsahina izany.

Manova ny fiainan'ny tena ny fifandraisana amin'ny hafa sy ny fahalalana zava-baovao mitranga eran-tany, satria mitondra fiantraikany eo amin'ny fisainana sy ny fomba fiainan'ny tena foana ireny. Ohatra, lasa maniry ny hihatsara na hanatsara hatrany ny fomba fiainany amin'ny alalan'ny fanovana ny toetra amam-pihetsika, ny fiharian-karena, ny fomba fiasa, ny fomba fijery amam-pisainana ny olona iray mahita ny fahambonian'izany rehetra izany amin'ny hafa, ka miezaka hanondrotra ny fari-piainany amin'ny alalan'ny fanondrotana ny fari-pahaizana ho amin'ny ambonimbony kokoa.

Mivoatra manaraka izany koa ny fiainam-piarahamonina satria ny soa fianatra ka ny fivoaran'ny olona iray amin'ny tsaratsara kokoa dia manentana ny mpiara-monina aminy hianatra izay nataony sy hikaoka ny loharanon'izany fivoarana izany, dia ny fahafehezana teny roa. Koa raha mivoatra ny tsirairay, dia mivoatra ho azy ny fiarahamonina sy ny firenena.

Fanampin'izany, mivoatra koa ny tontolo manodidina satria ny fivelarana amin'ny tontolo hafa, dia ahazoana fahalalana hiarovana sy hanatsarana ny tontolon'ny tena. Eo ihany koa ny fanitaram-pahalalana sy ny fikarohana izay trandrahina amina sehatra maro eran-tany amin'ny alalan'ny fahaizana sy fahafehezana ny teny iraisam-pirenena, entina manabe voho ny tontolo, hifanaraka amin'ny filàn'ny mponina. Koa mahazo anjara tombontsoa lehibe amin'izany ny eo amin'ny lafiny toe-karena.

1. 2. 2. Eo amin'ny lafiny toe-karena

¹³ « La maîtrise d'autres langues a été considérée non seulement comme avantage d'un point de vue instrumental, puisqu'elle augmente les possibilités de communication de l'individu, mais aussi comme authentique enrichissement culturel et personnel ». (SIGUAN et MACKEY, 1986 : 23).

Zava-dehibe sy manan-danja eo amin'ny fiainana ny fahaizana teny roa ka azo lazaina ho harena satria ahafahana mihary harena amin'ny alalan' ny fifanakalozana sy ny fahazoana asa.

Fahafahana mifanakalo

Ny olona afa-mifandray amina vahiny hafa firenena aminy noho ny fahafehezany ny tenin'io vahiny io, dia mora azon'ny vahiny ifanakalozana zavatra maro, toy ny zavatra azo kirakiraina (fitaovana, vola, boky, akora samihafa), sy ny traikefa aman-torohevitra ary mety ho tonga hatramin'ny fahafahany mitsidika firenena maro izany.

Eo ihany koa ny fahafahana mifanakalo ara-barotra : ny olona mahafehy ny tenin'ny hafa dia mora mahita lalam-barotra misandrahaka any ivelany izay ahazoany tombom-barotra be dia be sy sandam-bola vahiny (manan-danja kokoa) ka mampanan-karena azy. Ary tsy ara-barotra ihany, fa eo koa ny fifanakalozana eo amin'ny sehatry ny fizahan-tany, ny fampianarana eny amin'ny ambaratonga ambony, ny fifandraisana ara-siantifika sy kolontsaina azon'ny firenena samy hafa atao.

Tombony eo amin'ny fitadiavana asa

Ankehitriny dia sarotra ny mitady asa ary anisan'ny mason-tsivana takina amin'izany ny fahaizana teny frantsay na teny anglisy izay teny iraisam-pirenena.

Ka ny mahafehy teny roa eto amintsika izany (ny teny frantsay sy ny teny malagasy), dia tsy sahirana mitady asa satria ny toa azy no ifandrombahan'ireny tolotra asa maro ireny, indrindra moa raha vahiny no ifampiraharaha na iandraiketana. Ohatra, eo amin'ny fiandraiketana ny mpizaha tany na ny fandikana teny atao amina olo-manan-kaja, dia manana ny lanjany tokoa ireny olona mahafehy tsara ny teny vahiny ireny, ary dia hanana ny lanjany ihany koa ny tambin'asany amin'izany.

Manamafy izany i SIGUAN sy I MACKEY raha nilaza fa manolotra ho avy azo antoka eo amin'ny sehatry ny asa sy ny fampivelarana ny maha-olona ny fahafehezana teny roa.¹⁴

¹⁴ « Depuis la nécessité inévitable et urgent de disposer d'une langue un instrument de travail jusqu'au sentiment que la maîtrise de la langue peut offrir à l'avenir plus de possibilités de développement professionnel et personnel ». (SIGUAN et MICKEY, 1986 : 77).

Tsy ny harena ara-bola vokatry ny fihariana ihany, no soa azon'ny olona mahafehy teny roa, fa eo koa ny haren-tsaina.

1. 2. 3. Eo amin'ny lafiny haren-tsaina

Ny olona mahafolaka teny roa dia efa azo lazaina ho olona manan-tsaina sy mahay, nefa mbola afaka mampitombo izany haren-tsaina sarobidy izany ho azy sy ny fiarahamonina izy.

Haren-tsaina ho azy

Ny fianarana dia mandritra ny fiainana satria tsy misy ny tapi-pahaizana. Ka ireo mahafolaka teny roa dia afaka manita-pahalalana amin-javatra maro.

Mitombo ny fahalalana sy ny fahaizana izay mirakitra ho haren-tsaina ho azy raha tsy mionona amin'izay efa hainy sy fantany ny olona fa manaraka sy mianatra hatrany ireo zava-baovao izay tsy mitsaha-mitombo eran-tany. Matetika dia amin'ny teny frantsay sy amin'ny teny anglisy no ahazoana izany betsaka. Toy izany koa ny fihanaky ny haitao sy ny fitaovana maro avo lenta, dia voazava amin'ireo teny iraisam-pirenena ireo. Koa afa-mampitombo ny haren-tsainy izay mahafehy tsara, na dia ny iray amin'ireo teny ireo aza, raha tiany izany.

Haren-tsaina ho an'ny fiarahamonina

Amin'ny maha-olon'ny fiarahamonina ireo olona mahafehy teny roa, dia harena ho an'ny fiarahamonina izy ireny.

Tsy ny tenany ihany no mahazo tombontsoa amin'ny haren-tsaina ananan' izy ireny fa mitobaka ho an'ny fampandrosoana ny fiarahamonina izany. Satria, sady soa fianatra alain'ny hafa taratra izy ka mandrisika azy ireo hifehy ny tenin'ny hafa sy ny an'ny tenany, no mitondra ihany koa fahalalana vaovao hanairana ny sain'izy ireo mba ho liana. Koa raha maro no mitondra taratra toy izany eo amin'ny fiarahamonina, dia mazava ho azy fa handroso ny fiainam-piarahamonina : maharaka ny fivoarana atolotry ny fanatontoloana. Nefa mba ho anisan'ilay mahafehy teny roa dia tsy maintsy hajaina ny fepetra enti-maneho izany.

1. 3. NY FEPETRA HANEHOANA NY FAHAFFEHEZANA TENY ROA

Miseho eo amin'ny fahaiza-mampiasa azy ny fahafehezana teny roa. Ny fepetra takina amin'izany dia mipaka any amin'ny toe-tsaina sy ny fahaiza-

manao, toy ny fanajana ny maha-izy azy ny teny tsirairay, ny fahafaha-mifandray amin'ny tompo-teny ary ny fampiasana azy amin'ny ilana azy ihany.

Mpandinika roa no manoritra ny lalana amin'izany, dia i Claude HAGEGE sy MACNAMARA.

1. 3.1. Ny fanajana ny maha-izy azy ny teny tsirairay

Manana ny maha-izy azy ny teny tsirairay, koa ny fampifangaroana teny roa dia efa maneho ny tsy fahafehezana azy roa. Ny olona mahafehy azy roa tsara izany, dia izay mametraka azy amin'ny toerany avy.

Araka i HAGEGE, dia anisan'ny fepetra mametraka ny fahafehezana'ny olona teny roa ny fahaizany manaja ny maha-izy azy ilay teny, na eo amin'ny lafiny fitenenana azy ara-pitsipika (fanononana) izany, na eo amin'ny lafiny hevitra ananany mampiavaka azy, na eo amin'ny lafiny fampiasana azy, izay tokony hifanaraka amin'ny seha-pitenenana sy ny kolontsain'ny tompo-teny.¹⁵

Koa raha hampiasa ohabolana na ohapitenenana malagasy mandritra ny lahateny iray, dia hampifanarahana amin'ny seha-pitenenana misy izany : ny toerana, ny olona itenenana, ny vanim-potoana sy ny zava-misy mba ho tonga dia azo ny tiana hambara. Ohatra : raha hanolotra fisaorana olo-manan-kaja, dia tsy hampiasa mihitsy hoe : « *ianareo no hitsikitsika hivavahana sy papango mifaoka ny akoho* », satria tena mamely an-kolaka ny hevitr'izany. Ny tena izy mantsy dia hoe : « *ianareo natao ho toy ny hitsikitsika hivavahana indray ity no toy ny papango mifaoka ny akoho* », ka raha izay no mitranga dia tsy mifanaraka amin'ilay fisaorana ny ohatra ampiasaina ka mety hampahatezitra ilay iantefan'ny fitenenana.

Toy izany koa, samy hafa ny ohabolana amam-pitenenana fampiasa amin'ny fifaliana sy ny fahoriana ka tokony hohajaina ilay kolontsaina malagasy maneho izany. Ohatra : tsy amin'ny fahoriana mihitsy no ampiasana ny hoe : « *amin'izao andro iray toa zato izao* », satria maneho fotoana feno hafaliana noho ny hasarobidin'ny zava-nitranga lehibe ifalian'ny rehetra io fomba fiteny io. Ary


¹⁵ « *Les critères du bilinguisme idéal, il faut se garder de toute attitude normative : bien parler deux langues, c'est aussi les parler telles qu'elles sont [...] Qu'il (le bilingue) connaît les principes d'utilisation de chacune des deux langues dans des situations concrètes de communication selon les langues et les cultures* ». (HAGEGE (C), 2005 : 223).

tokony hohajaina ny fitsipi-panononana ny teny sy ny fehezanteny, raha tsy izany dia miova ny hevitra.

Ohatra : - mila hajaina ny tsindrim-peo eo amin'ny teny fa tsy mitovy hevitra ny hoe : *lalana sy lalàna*.

- manova hevitra na dia fiovana zanatsoratra iray aza, ka ny *very* tsy mitovy amin'ny *vory*.

- mila hajaina ihany koa ny lantom-peo fa manjary miova ny hevitra tiana hambara raha vao diso ny lantom-peo. Ohatra, tsy mitovy hevitra ireto fehezanteny roa ireto :



satria amin'ilay voalohany, dia ny zokinao (izay atao hoe *Rahely*) no lazaina fa miantso, fa amin'ilay faharoa kosa dia antsoin-*dRahely* ny zokinao.

1.3.1.2. Araka i MACNAMARA kosa, dia fepetra voalohany mamaritra ny fahafehezan'ny olona iray teny ny fahafahany mifandray tsara amin'ny tompon-teny tsirairay avy.¹⁶

Ohatra : ny Malagasy mahafehy ny teny frantsay sy ny teny malagasy dia tsy misalasala raha hiresaka amina Frantsay sady afaka mifandray aminy antsoratra ihany koa. Tsy vitan'izay, fa mahavita mifandray amin'ny Malagasy rehetra koa izy.

1. 3. 2. Tsy fampifangaroana teny samy hafa

Ny olona heverina ho mahafehy teny roa nefa mampiasa teny *bemiray*, dia tsy mahaja ny fepetra ka tsy tena azo antsoina hoe mahafehy teny roa.

¹⁶ « Dans ce cas, les bilingues peuvent communiquer avec des locuteurs de l'une et l'autre langue », MACNAMARA, cité par WHORF, 1980 in *L'enfant aux deux langues*, HAGEGE, p. 230 .

Ny Malagasy mahafehy ny teny frantsay sy ny teny malagasy miaraka, dia tsy tokony hampiasa teny *bemiray* izay maneho ny mifanohitra amin'ny fahafehezana ny teny tsirairay.

Ny mpanafangaro teny samy hafa dia ireo tsy mahay azy roa : sady tsy mahafehy ny momba ny teny tsirairay, no tsy mahafehy ny fomba fampiasana azy araka ny seha-pitenenana : ny olona itenenana ; ny toerana sy ny fotoana ilana azy. Ohatra : tsy ireo olona tsy nianatra any ambanivohitra mihitsy no itenenana teny frantsay fa hanafintohina azy sy heveriny ho fanambaniana azy izany.

Ka ny fampifangaroana teny izay antsoin'i HAGEGE hoe : *semi-linguisme* dia maneho ny tsy fahafehezana ny teny tsirairay.¹⁷

Noho izany, ny fepetra maneho ny fahafehezana teny roa dia ny fahaiza-mampiasa azy tsara ara-pitsipika sy amin'ny seha-pitenenana ilana azy. Fitaovana enti-mifandray amin'olona ny teny, noho izany ny mahafehy teny roa dia hampiasa azy tsirairay hifandraisana amin'ny olona, na ny iray firenena aminy na ny hafa firenena koa. Mitaky fanajana ny maha-izy azy ny teny tsirairay ny fampiasana izany, na eo amin'ny lafiny hevitra na eo amin'ny lafiny fomba filazana, na eo amin'ny lafiny fitsipika sy fanononana. Ary tsy adino ny fanarahana ny kolontsain'ny firenen'ny tompon-teny izay aseho amin'ny alalan'ny teny.

Araka izay voalaza rehetra momba ny fahafehezana teny roa izay, dia tsapa fa tsy tafiditra ao anatin'ny olona mahafehy teny roa ny mpampiasa teny *bemiray* fa toa ny mifanohitra amin'ny fahafehezana teny roa aza no asehony : sady tsy voafehy ny teny frantsay no tsy voafehy ny teny malagasy ka ampiarahina satria samy tsy feno ny fahafehezana azy. Nefa dia io teny *bemiray* io no mahavantana ny vavan'ny mpianatra, indrindra ireo tanora miala sakana eny amin'ny ambaratonga faharoa manokana. Ny fijerena ny anton'izany no ho vontoatin-dresaka manaraka.

1.4. NY ANTONY MAHATONGA NY MPIANATRA HO ZATRA MAMPIASA TENY *BEMIRAY*

¹⁷ « On doit voir un critère de bilinguisme réel, en excluant, évidemment, les cas de mélange par semi-linguisme, où aucune des deux langues n'est dominée » (HAGEGE (C), 2005 : 242).

Maro ny lafin-javatra mifamahofaho eo amin'ny fiainan'ny mpianatra ka mahatonga azy ho zatra mampiasa teny *bemiray* na *safiotra*, ary mandray anjara lehibe amin'izany ny rivotra iainany eo amin'ny tontolo ivelaran'ny maha olona azy. Anisan'ny miantoka izany fomba fiteniny izany ny antony ara-tantara, ny antony ara-piarahamonina, ny antony ara-toe-tsaina sy ara-toe-karena. Ny fijerena izany tsirairay no isavasavana ny raviny mba hahitana ny fotony.

1. 4. 1. Antony ara-tantara

Misy akony eo amin'ny fiainana sy ny fitenin'ny olona tokoa ny zava-mitranga ara-tantara. Ho an'ny Malagasy izao dia efa ela no niharoharoany tamina vahiny saingy ny toe-java-nitranga tamin'ny fanjanahantany no tena nisongadina ho nitondra fiantraikany lehibe teo amin'ny fomba fiteniny ho lasa nifangaro teny frantsay. Ary taorian'io vanim-potoana io moa, dia nifandimby hatrany ny toe-java-nitranga nandrafitra ny tantara sy nampitondra faisana ny mpianatra.

Tamin'ny fanjanahantany

Tamin'ny fanjanahantany dia ny teny frantsay no nampanjakaina ho fitaovan-tserasera ara-panjakana sy ho teny enti-mampianatra ka ny fiainana tsotra andavanandro no nampiasan'ny Malagasy ny teniny.

Amin'ny maha-zanatany ny Malagasy dia voazanaka ara-tsaina koa izy. Nataon'ny mpanjanaka izay hanapotehana ny maha-izy azy : tsy hanana ny fiandrianam-pireneny, tsy ho zatra mampiasa ny teniny, hanaratsy ny fombany sy tsy hanome hasina ny kolontsainy. Nampanjakaina ny "*zarazarao hanjakana*" mba hisaratsarahan'ny Malagasy amin'ny alalan'ny adim-poko. Niova tokoa ny toe-tsaina amam-pomban'ny maro, ny fiteny amam-pihetsiny. Lasa teny fampiasa sy teny "mihaja", nanehoana ny fahamboniana sy ny fahaizana ny teny frantsay, ary nisongadina ny naha"*teny baiko*", teny nenti-nifehy azy. Nifanohitra tamin'izany kosa ny niheverana ny teny malagasy : teny fampiasan'ny tsy mahay, ny mahantra, ny eo ambany fahefana ka baikoana hatrany. Koa mazava ho azy fa ireo tsy nahita fianarana firy na tsy nianatra mihitsy, dia tsy maintsy ho niaina tamin'ny ny fakana tahaka raha te hiteny frantsay. Saingy namerina fotsiny izay kely mba voarainy izy ireny na mampiasa izay voambolana na fomba fitenenana kely mba hainy.

Ny zava-mitranga nifanesy taorian'ny fanjanahantany, dia samy nametraka ny tantara nampanan-daza azy avy ka tsy hadinon'ny maro izay niseho tamin'ny 1972-1990.

Ny vanim-potoanan'ny fanagasiana

Nitranga teo amin'ny tantara ny fiovam-penitra mahery vaika vokatry ny fahatongavan-tsainan'ny Malagasy izay nahita fa mbola mitohy amin'ny fomba ankolaka ny fanjanahana, satria dia mbola ny rafitra napetraky ny mpanjanaka ihany no narahina sy niainana.

Koa tamin'ny taona 1972, dia nihetsika ny mpiasa sy ny mpianatra nitaky ny *fanagasiana*, indrindra teo amin'ny fampianarana. Voatsikera tamin'izany fa manaraka an-jambany ny fampianarana izay ho an'ny Frantsay ny Malagasy fa tsy mba mitady izay sahaza azy.

Tamin'ny volana Jolay 1978, dia nivoaka ny didy hitsivolana laharana 78-040, andininy faha 10 nilaza fa ny teny malagasy no teny enti-mampianatra.

Fa na dia nampiharina aza ny fanagasiana ny fampianarana, dia maro no nitsipaka sy nitsikera ary nanatsatso izany, hany ka nisavorovoro be ihany ny olona nanoloana ny mpankasitraka sy ny tsy mpankasitraka. Fa ny tena lasibatra dia ny mpianatra izay sahirana teo anatrehan'izany toe-javatra izany, satria na ny mpampianatra aza dia tsy niasa tamim-pahamatorana loatra intsony, fa sady tsy ampy ny fanomanana azy hatrika ny fanovana natao, no tsy voafehiny izay nampanaovina azy. Toa tery vaimanta ihany ilay fanagasiana nokasain-kahomby, kanefa dia ny nifanohitra tamin'izany no nitranga : nihena ny fari-pahaizan'ny mpianatra sy ny mpampianatra ary nitombo ny namerin-taona sy ny nandao ny fianarana, araka ny fanamafisan-dRANDRIAMAROTSIMBA sy RANAIVO izany.¹⁸

Koa tsy nahagaga raha sady tsy nahay ny teny frantsay ny mpianatra no tsy nahafehy ny teny malagasy.

Taorian'io vanim-potoana fanagasiana io, dia niezaka namalona ny tantara tamin'ny alalan'ny fiovam-penitra indray ny olona ka nanao ny hetsika tamin'ny 1991.

Ny vanim-potoana 1991-1992

¹⁸ « En l'absence de volonté politique pour la rendre effective, la malgachisation de l'enseignement préconisée par les tenants du nouveau pouvoir eux-mêmes se solde par un échec. Son bilan peut se résumer par une baisse généralisée du niveau des élèves et de celui des enseignants et par des taux élevés de redoublement et d'abandon ». (RANAIVO (V) et RANDRIAMAROTSIMBA (V), 2005 : 6).

Miteraka hetsika fitakiana fanovana foana ny fahatongavan-tsainan'ny olona manoloana ny lesoka miharihary toy ny vay an-kandrina.

Fa tamin'ny taona 1991 dia nisy ny fihetseham-bahoaka nitaky fanovana. Koa rehefa nikatso nandritra ny fotoana naharitra ny asa sy ny fianarana, dia naroso ny fanarenana. Natao ny *Forum National* ka lany fa hiverenana ho teny enti-mampianatra indray ny teny frantsay. Koa dia nifaninanan'ireo sekoly tsy miankina maro sy natao toy ny dokam-barotra hisarihana mpianatra betsaka ny filazana ny fampianarana ao aminy hoe fampianarana amin'ny teny frantsay (*école d'expression française*), indrindra tamin'ny tanàn-dehibe. Nivadika, araka izany ny rasa, ka ny teny malagasy indray no napetraka ho teny “ambany” nanoloana ny teny frantsay.

Ny teny frantsay anefa tsy mora noraisina na nianarana intsony rehefa nodilirina tamin'ny fanagasiana nandritra ny 19 taona ny mpianatra. Koa dia nanjaka ny teny *bemiray* na *safiotra* (fran-gasy) tamina tanàn-dehibe maro.

Ary tamin'ny volana 13 Marsa 1995, dia navoaka ny didy hitsivolana laharana 94-033 nanamafy ny ilana ny fianarana teny vahiny maro afa-mifameno sy mifandrindra amin'ny teny malagasy mba hampivelarana ny maha olona, hampivoarana azy ara-tsaina, ary hananana lalana misokatra hirosoana any amin'ny fampandrosoana amam-pivoarana.

Saingy ny fifandimbiasan'ny zava-nitranga dia nampiharihary ny fahantran'ny Malagasy hatrany. Ary mifanindran-dalana manampy trotraka an'izany koa ny hazakazaka arahin-tosiky ny fanatontoloana izay ahazoan'ny firenen-dehibe vahana amin'ny fanangonan-karena, amin'ny alalan'ny fanaovana taingim-bozona ny firenena madinika sy ho tohatra fiakarana.

Reraky ny fahantrana àry ny olona ka ny seho vokatry ny valim-pifidianana tsy nangarahara natao tamin'ny volana Desambra 2001 indray no kihon-dalana nanararaotany ny hetahetam-piovana efa tsy hariny ka nanetsika azy hitaky ny marina hanarenana ny fiainany.

Ny fiovana nentin'ny hetsika tamin'ny 2002

Noho ny fiainam-bahoaka nitsingilahila, ny fianaran'ny mpianatra novaovain'ny rivotra pôlitika, dia niandry ny kendry tohana hahafahany mitaky fanovam-penitra ny vahoaka. Kihon-dàlana nanapoahany ny hetsika ny olona vokatry ny fifidianana tamin'ny volana Desambra 2001 izay tsy nekeny ho nangarahara. Nahomby ny tolona tamin'ny hoe: “*tsy maintsy mipoaka ny sarombilany*”, taorian'ny filaharam-be naharitra amam-bolana.

Nitodika betsaka tamin'ny fianarana teny anglisy indray ny mpianatra noho ny fanomezan-danja izany teto amin'ny firenena, satria io no teny iraisam-pirenena matanjaka indrindra eran-tany miaraka amin'ny teny frantsay. Hany ka feno mpianatra daholo ireo sehatra fianarana teny anglisy samihafa, raha ny teto Antananarivo no resahina, ary lasa teny niamboniana izany teny izany. RANAIVO sy RANDRIAMAROTSIMBA dia nanamarika izany koa.¹⁹

Andanin'izany anefa dia voaentana hamelona sy hanandratra indray ny teny malagasy ny tanora mpianatra ka maro no nirotsaka hianatra *kabary* sy *hainteny* malagasy, izay maneho ny fahaizana mandaha-teny amin'ny fomba kanto. Nohamafisina ny fanatsarana ny fampianarana tamin'ny alalan'ny ezaka hahafehy ny teny frantsay ho teny enti-mampianatra amin'ny ambaratonga rehetra ary ny teny anglisy ho teny enti-mifandray.

Tsapa ho mitsingilahila anefa ny fampianarana any amin'ny ambaratonga voalohany hatramin'izao noho ny tsy fahampian'ny fahaiza-manao eo amin'ireo mpampianatra maro izay afaka BEPC ka noraisina hampianatra rehefa avy nomena fiofanana enim-bolana monja. Fanampin'izany, tsy voafehiny tsara akory ny teny frantsay, teny enti-mampianatra.

Koa tsy mahagaga raha sahirana ny mpianatra eo amin'io lafiny fampiasana ny teny io. Maro loatra ny koa ny zava-nitranga ara-tantara, niantraika teo amin'ny fianarany, hany ka miseho ho azy ilay tsy fahafehezany ny teny roa izay samy ampiasainy sy ianarany, fa dia ny *teny bemiray* no mahavantana kokoa ny vavany.

Tsapa koa fa sarotra amin'ny mpianatra ny miteny frantsay misosa satria tsy mba nampianarina ho toy ny teny vahiny ifandraisana io teny io, tahaka ny teny anglisy izay mora hay, fa nampianarina ho toy ny tenin-dreny ibeazana mihitsy : idirana daholo ny antsipirian-javatra izay tsy mahaliana ny mpianatra akory, sady hita fa tsy sahaza azy satria tokony ho an'ny mpianatra frantsay ihany izany.

Raha vao miresaka tantara, dia tsy maintsy voatohina ny fiaraha- monina izay manana anjara lehibe eo amin'ny fomba fitenin'ny mpianatra.

1. 4. 2. Antony ara-piarahamonina

¹⁹ « L'anglais devient ainsi la deuxième langue de prestige à Madagascar avec le français ». (RANAIVO (V) et RANDRIATSIMBA (V), 2005 : 8).

Mandray anjara betsaka eo amin'ny fanabeazana ny mpianatra ny fiarahamonina ka ny tsy fahafehezany ny teny ampiasainy dia betsaka no avy amin'ny fiainam-piarahamonina, tontolo ivelany.

Ny fiarahamonina ihany no mifidy ka mifanaraka amin'ny teny ifaneraserany amin'ny alalan'ny fampiasana izany ho mariky ny fanekena azy. Miditra an-tsehatra amin'izany ny fanabeazana sy ny fakana tahaka.

Ny fanabeazana

Ny fanabeazana atolotry ny fiarahamonina miseho amin'ny alalan'ny fihetsika sy ny fiteny hanazarany ny mpianatra, no tena mora voarain'izy ireo kokoa noho ny fanitsiana atao azy any an-dakilasy.

Anisan'ny mpanabe mampianatra ny mpianatra hampiasa teny *bemiray* amin'ny fomba mahomby tokoa ireo mpiteny ao amin'ny haino aman-jery, indrindra ny ao amin'ny fahitalavitra izay tena mahasondriana ny mpianatra ary anokanany ny fotoanany ny mijery sy mihaino azy. Ary tsy ny mpilaza vaovao na ny mpanolotra fandaharana ihany no manabe azy amin'izany, fa eo koa ireo mpanankanto izay tena mahasarika ny mpianatra, ianarany ny teny *bemiray* sy zavatra maro na ratsy na tsara. Ary ny tena misongadina dia ny mpitondra sy ny manam-pahefana maro izay mampiasa ny teny *bemiray* amin'ny vahoaka mba ho ohatra.

Manoloana izany moa, dia ny mpanabe ao anatin'ny fiarahamonina izay raiamandreny mihitsy azo lazaina no manaiky satria tsy manitsy na mitsipaka ireny fampiasana teny *bemiray* ireny. Hany ka na izy tokony hanitsy aza mba mampiasa teny *bemiray* ihany koa. Ary rehefa mateti-pitranga ny seho toy izany dia raikitra ho azy ho fahazarana ka tsy mahataitra na mandratra ny sofina intsony.

RASOLONIAINA Brigitte koa dia tena nahatsapa izany ka nanambara fa lasa fampirantiana sisa ny fampiasana ny teny frantsay na any an-dakilasy na eny amin'ny andavanandrom-piainan'ny mpianatra izay atolotry ny haino aman-jery, indrindra ny fahitalavitra, satria tsy andraisany anjara mavitrika velively. Ary manampy trotraka izany ny fampirantiana ny teny *bemiray* izay lasa mahazatra ny olona sy ampiasainy izay midika fa ekeny.

Ary dia manjary re amina sehatra maro ny fampiasana teny *bemiray* izay manjary lasa teny ifampitaizan'ny fiarahamonina ka na ireo olo-manan-kaja sy manam-pahaizana aza dia mampiasa izany fiteny izany na rehefa any anaty birao na rehefa mikabary. Fa ny tena mampalahelo dia rehefa miresaka amina

tambanivohitra ny tekisihanina manam-pahaizana : tsy tafita ny hafatra satria tsy voaray tsara ilay teny *bemiray* miraradraraka.

Mifandraika amin'io fanabeazana io koa ny fakana tahaka izay tena mahery vaika eo amin'ny tanora mpianatra miala sakana.

Ny fakana tahaka

Maro amin'ireo heverin'ny mpianatra ho modely alaina tahaka no mampiasa teny *bemiray*, toy ny mpiteny amina haino aman-jery sy ny mpanankanto (araka ny efa voalaza teo aloha), ny olo-manan-kaja, mpitondra sy ny manam-pahaizana, ka tsy mahagaga raha ankafizin'ny mpianatra ny fampiasana teny *bemiray*.

Ny mpiara-monina moa dia mifampitsinjo sy mifampaka tahaka eny ary mora liana amina toe-java-baovao. Ka ny fahitany ireo Malagasy manambady vazaha na miara-miasa amina vahiny, dia manintona azy. Ny fitenin'izy ireny anefa rehefa henoiny na rehefa miresaka aminy amin'ny teny malagasy izy ireny, dia ny teny *bemiray* no reny mipoapoaka manaitra ny sofiny. Ho an'ireny olona ireny mantsy, dia ny fampiasana teny *bemiray* no hitany fa moramora kokoa ho azy, ary mora aminy ny mitsaingoka oha-pitenenana amin'ny teny frantsay rehefa miresaka amin'ny teniny.

Toy izao, ohatra, ny fanazavana nomena vehivavy iray manambady vazaha : *“Raha ohatra misy vazaha iray eo, tsy normal ve raha miteny vazaha isika, parce qu’il n’est pas Malgache, on doit s’adapter à sa vie fa tsy mi-s’adapter amin’ny fiainantsika hoe miteny gasy. Et ce qui est très marrant, parce que ohatra ny vadiko izao eo...”*.

Hany ka alain'ny mpianatra tahaka ny fiteny toy izany. Fanampin'izany rehetra izany ny fakana tahaka izay zava-baovao rehetra manaitra avy any ivelany.

Vokatry ny fihanaky ny kolontsaina vahiny asongadina sy ahindrahindra eto amintsika, dia roboka amin'ny fakana tahaka ireny ny mpianatra. Anisany amin'izany ny fihetsika sy ny fitafy ary ny fiteny izay mifangarika tanteraka amin'ny maha-malagasy. Ary maro ireo efa nanary ny hasin'ny teniny mba hanenjika hiteny frantsay nefa tsy mahafehy izany akory, ka lasa sady tsy an'ny atsy no tsy an'ny aroa fa mitsingevaheva amin'ny fampiasana teny *bemiray* izay maneho ny tsy fahafehezana ireo teny roa afangaro ireo. Lasa sady tsy gasy no tsy vazaha ; sady tsy miteny malagasy no tsy miteny frantsay fa eo anelanelany (miteny *safiotra* ka fahalalana tapany no arafidrafitra), satria teny "mihaja" ny teny frantsay.

Mifanohy amin'ny resaka fiarahamonina sy fakana tahaka, dia eo ihany koa ny fandraisan'ny toe-tsaina anjara lehibe.

1. 4. 3. Antony ara-toe-tsaina

Miankina amin'ny toe-tsain'ny tsirairay sy ny fiarahamonina ilay fampiasana na tsia ny teny *bemiray*. Fa indraindray mantsy ny fiarahamonina mihitsy no mametraka ilay foto-pisainana hanomezaana lanja ilay teny *bemiray*, indraindray ny tsirairay no te hiavaka ka manambony tena amin'ny fampiasana azy.

Foto-pisainana apetraky ny fiarahamonina

Tsy afaka miala amina lafin-javatra maro ny fiarahamonina satria izy dia anisan'ny manefy ny fisainan'ny olona.

Koa matoa ny rehetra tafaroboka amin'ny fampiasana teny *bemiray*, dia satria ny fiarahamonina mihitsy no manaiky sy manome lanja azy, toy ny mandrisika izay tsy mbola mampiasa hanao izany. Hany ka heverin'ny olona fa mariky ny fiamboniana ny fitenenana mifangaro teny frantsay, ka ampiasany izay rehetra hainy, na voambolana, na fomba fiteny aman'oha-pitenenana, na teny frantsay nogasiana. Koa dia tsy misy sehatra tsy aharenasana izany: na amina kabary, na any an-tsekoly, na eny an-dalambe, na eny amin'ny mpivarotra samy hafa, any amin'izay lehibe indrindra ka hatramin'izay madinika indrindra. Tsy mahagaga, araka izany, raha voasarika ao anatin'ny haraton'ny fampiasana teny *bemiray* ny mpianatra.

Tsy voatery ho ny fiarahamonina foana akory no mandrisika amin'ilay toe-tsaina manome lanja ny teny *bemiray* fa mety ho ny tsirairay mihitsy no te hanambony tena, hisongadina ao anatin'ny fiarahamonina.

Toe- tsaina te hisongadina

Toe-javatra mpitranga eo amin'ny tsirairay ny faniriana te ho ambony, te ho voalohany, tsy manaiky gisitra na hosongonan'ny sasany, indrindra eo amin'ireo mpianatra miala sakana.

Mihevitra izy ireo fa mariky ny famboniana ka mampanan-danja azy ny fampiasana teny frantsay isaky ny miresaka amin'ny teny malagasy. Ary dia lasa entiny mirehareha sy anamboniany tena ilay fampiasana teny *bemiray*, nefa dia tsy mifandraika na tsy manaja ny seha-pitenenanana ny fampiasana izany indraindray ka manafintohina ny itenenana sy ny mpihaino.

Ankoatra izany, dia ao ireo efa zatra manambony tena eo amin'ny fiarahamonina amin'ny lafiny rehetra, amin'ny alalan'ny fanehoana fiainana

miavaka amin'ny besinimaro (snob), ka ataony tsy latsa-danja amin'izany ny fiteniny. Heveriny fa mampisongadina azy ny fitenenana teny malagasy laroina teny frantsay, nefa tsapa ny maha-tsy tsara fototra azy noho ny fahafehezany tapany avy ny teny roa. Koa dia izy no tojon'ilay fitenenana hoe : « *ny tapany ihany no mikobana* ».

Misy ny te hisongadina nefa tsy maharaka ary misy ny misongadina ho azy satria ny lafiny toe-karena no manandratra azy.

1. 4. 4. Antony ara-toe-karena

Azo lazaina fa misy fiantraikany any amin'ny fomba fitenin'ny olona ny haavon'ny toerana misy azy ara-toe-karena. Ka azo tarafina amin'ny fihetsiny sy ny fiteniny ny fari-piainana misy azy : na manan-karena izy, na antonony, na tena mahantra.

Ny manan-karena

Ny manana ny ampy sy ny manan-katao, matetika, dia « mihaja » sy « miaingitra » eo amin'ny fomba fiseho sy fiteny.

Eo amin'ny fomba fiseho dia hita fa maharaka fandrosoana izy : fitafy ara-damaody, fitaovana harifomba, ary eo amin'ny fomba fiteny kosa dia miteny frantsay ary mahafehy tsara ny teny (na dia tsy ny rehetra aza).

Nohamafisin'i HAGEGE izany tamin'ny nilazany fa ny ankamaroan'ny ankizy mahafolaka tenim-pirenena roa dieny mbola kely, dia matetika zanaka mpanan-karena manana fomba hivezivezena amina firenena samy hafa.²⁰ Nefa tsy ny mpanan-karena rehetra akory no mahafolaka teny roa, ka any amin'ny ny fitenin'ny sokajy misy ny antonony no ifaharan'ny maro an'isa.

Ny antonony

Maro amin'ny Malagasy no nianatra teny frantsay, nijanona tamin'ny antsoratra fotsiny ka tsy mahay mampiasa azy eo amin'ny fiainana andavanandro.

Ireo no maro an'isa ary amin'ny ankapobeny, dia tsy ambony tsy ambany toy ny fari-piainany ny fiteniny, satria dia ny fampiasana teny *bemiray* no tena ifankahazoany tsaratsara kokoa.

²⁰« On retiendra que la plupart des cas connus d'enfants bilingues précoces d'âge préscolaire appartiennent à des familles relativement aisées, lesquelles possèdent les moyens de voyager abondamment. » (HAGEGE (C), 2005 : 51).

Mora ho azy ireo ny teny *bemiray* ka mahavantana ny vavany sy ankafiziny, ifanarahany sy ifaneraserany.

Ka ny sady tsy « mihaja » fiteny amin'ny teny frantsay, no tsy dia mampiasa teny *bemiray* loatra noho ny tsy fahaizany izany, dia ireo tena mahantra.

Ireo tena mahantra

Miharihary eo amin'ny fomba fisehony ny tena mahantra amin'ny alalan'ny fitafy tsizarizary. Ary dia manaraka izany koa ny fomba fiteniny.

Teny malagasy ihany no ampiasainy saingy efa maro miova ho fitenin-jatovo izany. Maro amin'izy ireo no tsy nianatra ka tsy mahay mampiasa teny frantsay na potipotiny aza, ary dia ny teny malagasy ihany no amboariny ho teny ifankahazoan'izy samy izy sy mahafinaritra kokoa azy ary mahavantana ny vavany.

Ireo mpitondra entana eny an-tsena kosa, dia voatery mahay sy mampiasa, araka izay azony hatao, teny frantsay vitsivitsy izay tena ilainy amin'ny asany ka ahazoan'ny vahiny ny tiany hambara, teny misingantsingana, toy ny hoe : "*Porter Madame ; de l'argent ; merci ;...*"

Fehiny

Araka ny fandinihana ny fomba fitenin'ny mpianatra, indrindra ireo tonga any amin'ny ambaratonga faharoa manokana, dia tsapa fa tena tsy mahafehy ny teny ampiasainy izy ireo. Misongadina amin'ny fampiasana teny *bemiray* na *safiotra* (fran-gasy) mantsy izy ireo satria sady tsy voafehiny ny teny malagasy no tsy hainy tsara ny teny frantsay. Tsy tafiditra velively ao anatin'ny antsoina hoe mahafehy teny roa velively izy ireo fa vao mainka aza ny mifanohitra amin'izany no ilazana azy noho ny fampifangaroany ireo teny samy manana ny maha-izy azy ireo. Tsy tongatonga ho azy eo amin'ny mpianatra io fahazarana io fa maro ny antony nandrafitra izany teo amin'ny fiainany, toy ny pôlitikan'ny fampianarana miovaova mirakitra ho tantara sy ny rivotra iainany eo amin'ny tontolo ivelaran'ny maha-olona azy.

Tsara raha itadiavana hevitra hamahana azy ny olana ka tsy maintsy jerena sy hadihadiana tsara aloha izany. Koa ny fandehanana ifotony sy ny

firotsahana an-tsehatra amin'ny fanaovana fanadihadiana samy hafa, eny amin'ny sehatry ny sekoly no ahitana izany misimisy kokoa.

FIZARANA FAHAROA

**NY FANADIHADIANA SY NY
VOKATRA AZO**

II - NY FANADIHADIANA SY NY VOKATRA AZO

Zava-dehibe eo amin'ny asa fikarohana ny fanaovana fanadihadiana izay fomba enti-mitrandraka ny zava-misy sy antoka manamarina izay ambara. Koa ny fanadihadiana notanterahinay teny anivona sekoly samy hafa sy isan'ambaratongany : ambaratonga voalohany, ambaratonga faharoa fototra, ambaratonga faharoa manokana, dia antoka manaporofa ny zava-misy hitanay eo amin'ny mpianatra : ny tsy fahafehezany ny teny ampiasainy ka mahatonga ny teny *bemiray* ho eo am-bavany hatrany.

Nanampy anay hahita ny toe-java-misy sy hijery ifotony ny olana misy mahatonga ny fihetsika sy ny fitenin'ny mpianatra hibirioka any amin'ny tsy tokony ho izy izany ka ilana vahaolana. Ka eo ny vokatry ny fanadihadiana hanambara amintsika izany zava-misy izany. Nefa alohan'ny hamakafakana ny vokatry ny fanadihadiana, dia tsara raha hasiana teny etoana ny momba ny fomba fiasa sy ny zava-kendrena tamin'izany.

2.1. NY FOMBA FIASA TAMIN'NY FANADIHADIANA

Tsy natao zara fa vita na nohamavainin-danja ho alasafay ny fanadihadiana nirotsahanay an-tsehatra fa nilofosanay mafy tokoa tamin'ny alalan'ny fangatahana tetsy sy teroa, ny fanomanana, ny fifampidinihana, ny fifandaminana ary tena nandaniana fotoana betsaka izany. Araka izany, dia tsy fomba fiasa tokana no nanatanterahanay azy fa niovaova, ka teo ny fanatrehana fampianarana, ny fandinihana ny vokatry ny asa nataon' ny mpianatra an-tsoratra, ny fanomezana fanontaniana hofenoin'izy ireo ary ny resadresaka mivantana taminy.

2.1.1. Fanatrehana fampianarana

Tsapanay ny maha-zava-dehibe ny fanatrehana fampianarana fa nahafantarana ny tena zava-misy marina momba ny fifandraisan'ny mpampianatra sy ny mpianatra, ny fomba fampitan'ny mpampianatra ny lesona, ary ny fihetsiky ny mpianatra manoloana izany izy io, ka ahafahana mitily ny lesoka mila fanarenana na fanatsarana sy ahafahana mitady izay vahaolana mifandraika amin'izany.

Koa raha nanatrika fampianarana izahay, dia nijery ifotony ny fandehan'ny fampianarana. Satria miainga any amin'ny fototra ny zava-drehetra, dia tsy hadinonay ny nijery ny tany amin'ny ambaratonga voalohany izay sehatra fototra

namolavola ny mpianatra tonga any amin'ny ambaratonga faharoa fototra sy ny ambaratonga faharoa manokana (sehatra isongadinan'ny olana izay ifotoran'ny asa fikarohana, noho ny fampiasan'ny mpianatra ny teny *bemiray*).

Nizara ho sokajy roa, araka izany, ny fanatrehana fampianarana nataonay

- tany amin'ny ambaratonga voalohany, tamina kilasy fahasivy niisa telo, tao amin'ny sekoly Victoire Rasoamanarivo-Soamanandrany, tamin'ny volana Mey 2006 ;

- tany amin'ny ambaratonga faharoa manokana, niisa sivy teto Antananarivo Renivohitra (Ampefiloha, Antanimena, Ambatomainty, Amboditsiry, Analamahitsy, Nanisana) sy Antananarivo Avaradrano (Soamanandrany, Ambohitrahaha, Sabotsy Namehana), nanomboka ny volana Febroary ka hatramin'ny volana Avrily 2006.

Ny enina amin'ireo dia sekoly tsy miankina amin'ny Fanjakana ka :

- telo an'ny sekolim-pinoana Katolika : ny Lycée Luigi Oréone - Sabotsy Namehana sy ny Lycée Kristy Mpanjaka – Ambatomainty ary ny Lycée François Xavier – Antanimena;
- iray an'ny sekolim-pinoana Protestanta : ny Lycée FJKM Andriamanarefo – Ambohitrahaha;
- roa an'ny sekoly tsy miankina amin'ny Finoana : ny Lycée Fanilo – Analamahitsy sy ny Lycée Sénévé – Amboditsiry.

Ny telo kosa dia avy amin'ny sekolim-panjakana : ny Lycée Andrianampoinimerina – Sabotsy Namehana sy ny lycée Nanisana ary ny Lycée Moderne – Ampefiloha.

Safidinay ireo toerana ireo noho ny lohahevitra notrandrahina mahasahana indrindra ny fihetsiky ny mpianatra an-tanàn-dehibe. Nefa na nisy aza ny safidy natao, dia voafetra ihany izany fa tsy nahafaha-nanoatra firy. Koa azo lazaina ho manana antony mifandraika amin'ny lohahevitra nosafidinay izany ny sehatra misy ireo sekoly ireo, ary antony ara-potoana indrindra no nahavitsy ny sekoly ambaratonga voalohany.

Araka ny efa voalaza dia nisy antony ilay fanatrehana fampianarana sy ny sehatra nanaovana azy, ary nilana fiomanana sy resaka mialoha tamin'ireo tompon'andraikitra isan-tsokajiny miaraka amin' ny mpampianatra ny fanatanterahana izany, mba ho fiaraha-miasa, fa tsy azo natao

tefitefy maika akory. Koa nisy ny fetra teo amin'ny lafiny sehatra nefa heverinay fa tsy ho sakana amin'ny fitiliana ny zava-misy akory izany.

a. Teo amin'ny ambaratonga voalohany :

Ny antony nanatrehanay fampianarana tany amin'ny ambaratonga voalohany, dia noho ny mahafototra io ambaratonga io ary tsy maintsy miainga amin'ny fototra ny zava-drehetra, na ny lesoka izany na ny fanarenana. Fa matoa zatra mampiasa teny *bemiray* ny mpianatra tonga any amin'ny ambaratonga manaraka rehetra, dia satria ny fampianarana tany amin'ny fototra mihitsy no tsy nahafeno ny fampahombiazana ny ankizy hahafolaka ny teniny sy ny tenin'ny hafa.

Sekoly iray ihany no voatsidikay tany amin'ny ambaratonga voalohany satria efa an-katroka ny fanadinana telovolana farany ny mpianatra tamin'ny volana Mey, fotoana nahafahanay nanatanteraka izany, ary nisy aza moa ny efa nikatroka izany mihitsy tamin'ny fotoana nandalovanay, ka tsy nety intsony ny nidirana tan-dakilasy.

b. Teo amin'ny ambaratonga faharoa manokana :

Tsapanay ho zava-dehibe tokoa ny nanatrehanay fampianarana tany amin'ny ambaratonga faharoa manokana, satria nahafantarana lafin-javatra betsaka momba ny fivoaram-pahalalan'ny mpianatra ny fahitana mivantana ny fihetsiny an-dakilasy sy ny fifandraisany amin'ny fahalalana omena azy.

Sekoly teto Antananarivo Renivohitra sy Antananarivo Avaradrano avokoa ireo ambaratonga faharoa manokana ireo, satria mifandraika tsara amin'ilay asa fikarohana ifotoranay ny sehatra misy azy ireo, amin'ny maha eto an-tanàn-dehibe sy ny manodidina azy (voakasiky ny resaka fampiasana teny *bemiray* betsaka kokoa).

Ny kilasy nolalovana

Tsy ny dingana amin'ny kilasy rehetra akory no nolalovanay tany amin'ny ambaratonga I fa nisy ny safidy natao. Heverinay mantsy fa ny ambaratonga voalohany manontolo mihitsy no fototra ka kilasy iray ihany (ny eo anivo, ohatra), dia efa ampy hitiliana ny zava-misy miorim-paka eo amin'ny mpianatra. Tsy mba

toy izany kosa ny tany amin'ny ambaratonga faharoa manokana izay tena isongadinan'ny olana eo amin'ny lafiny fomba fiteny.

Tany amin'ny ambaratonga voalohany dia ny kilasy fahasivy ihany no natrehinay. Santionany amin'ireo kilasy isaky ny dingana any amin'ny ambaratonga voalohany izy io, ary efa hahatsinjovana ny fipetraky ny fototra izay tokony hitombina tsara ao amin'ny kilasy fahasivy. Eo amin'io kilasy io mantsy no mba tsy misy ny dingana 1 sy 2 amin'ny firosoana, toy ny an'ny eo alohany sy ny an'ny ao aoriany:

- ny kilasy fahasivy sy fahafolo, dia antsoina hoe Cours Préparatoire 1 sy 2 (CP1 sy CP2) ;

- ny kilasy fahavalo sy fahafito, dia antsoina hoe Cours Moyen 1 sy 2 (CM1 sy CM2).

Tany amin'ny ambaratonga faharoa manokana kosa, dia ny dingana rehetra no nolalovanay. Saingy tsy voatery ho isaky ny sekoly akory izany fa niparitaka tamin'ireo sekoly sivy ka arakaraka izay kilasy vonona isaky ny sekoly no natrehinay na ny kilasy faharoa izany, na ny kilasy voalohany sokajy A-C-D, na ny kilasy famaranana sokajy A-C-D. Ireo mpianatry ny ambaratonga faharoa manokana ireo mantsy no tena ifantohan'ny resaka napetrakay. Ny sehatra ianarany no tsy dia azo atao hoe fototry ny olana loatra intsony sy ilana ny fitsaboana voalohany, fa kosa lasa sehatra isehoan'ilay tarazon'olana azo avy any amin'ny fototra izay manosika ho amin'ny fiverenana ifotony. Manamarina izany ny taranja natrehina tamin'ireo ambaratonga roa samy hafa ireo.

Ny taranja natrehina

Tsy ny taranja rehetra akory no natrehinay fa izay tena nilainay teo amin'ny asa fikarohana sy natolotry ny fotoana ihany.

Koa tany amin'ny ambaratonga voalohany, dia tsy nifidy taranja hatrehina izahay satria 30 minitra ihany dia misolo ny taranja ampianarina ary tokana ny mpampianatra ho an' ny taranja rehetra. Koa dia izay sendra anay dia nilainay avokoa : tamin'ny kilasy telo natrehinay, dia nahitanay ny taranja jeografia, kajy, fahalalana tsotsotra, frantsay, malagasy.

Tany amin'ny ambaratonga faharoa manokana kosa niompana manokana tamin'ny taranja malagasy ny fandinihanay : taranja anisan'ny ampiasan'ny mpianatra ilay teny *bemiray*.

Ankoatra ny fanatrehana mivantana fampianarana, dia nisy koa ny fandinihana ny vokatry ny asa an-tsoratra nataon'ny mpianatra izay nilainay

tamin'ny fikarohana nataonay satria nanampy anay handrefy ny fetra sy ny fatran'ny fahafehezan'ny mpianatra ny teny eo amin'ny fanoratana azy.

2.1. 2. Fandinihana ny vokatry ny asa an - tsoratra nataon'ny mpianatra

Ny fandinihana ny fomba fampianarana, dia mifantoka betsaka amin'ny am-bava izay aharenasana ny fomba fitenin'ny mpianatra sy ny mpampianatra ary ahatsapana ireo lesoka amin'izany. Tsy ny am-bava ihany anefa no isehoan'ny lesoka fa ny an-tsoratra ihany koa. Ary araka ny dingam-pivoaram-piainana, dia ny am-bava no mialoha ny an-tsoratra. Hamafisin'ireo mpandinika, toa an-dry VERDELHAN sy i BOUGARDE izany raha nilaza izy ireo fa ampiharin'ny ankizy aloha ny fahaizany miteny mba hidirany amin'ny an-tsoratra.²¹

Ary matetika ny votsa amin'ny am-bava, dia tsy mahafehy loatra koa ny an-tsoratra, araka ny voalazan'ireo mpandinika etsy aloha ireo ihany fa ny an-tsoratra dia fanehoana ny fahaizana azy am-bava ary ny famokarana sasany an-tsoratra dia nandalo tamin'ny am-bava aloha.²²

Ilaina dinihina tokoa ny asa vokarin'ny mpianatra an-tsoratra mba ho fanombanana ny fizotry ny fifandraisana rehetra mahatomombana ny resaka fampianarana toy ny fahalalan'ny mpampianatra, ny fahaizany mampita, ny fahazoan'ny mpianatra izay ampiantarina azy sy ny fanitaram-pahalalana ataon'izy ireo.

Koa mahaliana ihany ny mamantatra etoana ny ambaratonga sy ny kilasin'ny mpianatra namokatra ny asa nodinihina, ny taranja sy ny karazana asa nampanaovina azy, ny antony nifidianana ny kilasiny sy ny asany ; ny taom-pianarana namokarany ny asa, ny sehatra nikarakara ny asa nampanaovina ny mpianatra sy sekoly nandray anjara tamin'izany.

*Ny ambaratonga sy ny kilasin'ireo
mpianatra namokatra ny asa*

²¹ "L'enfant aura à utiliser ses compétences langagières pour entrer dans l'écrit". (VERDELHAN (M) et BOURGADE, 2002 : 104).

²² "L'écrit est une manifestation du langage, une notation de l'oral". (Ibid : 177) ; "De plus, certaines productions d'écrits scolaires découlent par nature de l'oral". (Ibid : 198).

Ahatsinjovana bebe kokoa ny fivoaram-pahalalana tokony hananan'ny mpianatra nanao ny asa, araka ny dingana misy azy, ny fahafantarana ny kilasiny.

Teto dia ny asan'ireo mpianatra mamarana ny ambaratonga voalohany, ao amin'ny kilasy fahafito no nodinihina. Kilasy zokiny indrindra any amin'ny ambaratonga voalohany io kilasy io, ka tokony ho efa hahafehy tsara izay nianarany rehetra tany amin'ny dingana nolalovany teo aloha ny mpianatra tafakatra ao sy tafavoaka ao. Koa na dia santionana taranja sy lafin-javatra vitsivitsy momba izany ihany aza no nodinihinay, dia ampy nandrefesanay ny fahafolahan'ireo mpianatra momba ny teny izany.

Ny taranja sy ny karazan' asa

nampanaovina ny mpianatra

Tsy ny taranja rehetra izay efa samy namokaran'ny mpianatra asa an-tsoratra akory no nodinihinay fa izay tena nifandraika tamin'ny asa fikarohana nataonay ihany, toy ireo taranja literera, indrindra ireo mampamokatra lahateny enti-maneho ny fahafehezana ny teny. Koa dia ny fandinihana ny taranja frantsay sy malagasy no niantefan'ny safidinay ary ny notsongainay tamin'izany, dia ilay asa famokarana lahateny izay mitaky fehezanteny amam-pehezan-kevitra mirindra ara-drafitra sy ara-kevitra (lahateny mikaona) ihany. Izany moa dia niainga tamina fifanjohina sary maneho tantara kely, na ny tamin'ny taranja frantsay izany na ny tamin'ny taranja malagasy ary indroa miantoana ny asa fanombanana nampanaovina ny mpianatra ka nisy ny fitsapana fanombohana sy ny fitsapana famaranana izay natao tamina fotoana samy hafa. Toy izao ny endriky ny laza adina tamin'izany :

a. tamin'ny fitsapana fanombohana

- Taranja malagasy : "vinanio ny nanjo an-dRalay ary soraty ny tantara manontolo."




- Taranja frantsay : "écris un texte de quelques lignes, pour raconter cette histoire."

b. tamin'ny fitsapana famaranana

- Taranja malagasy : "vinanio ny nanjo an'i Fetra ary soraty ny tantara manontolo."



- Taranja frantsay : "écris un texte de quelques lignes pour raconter une histoire à partir de la série d'images."



Azo lazaina fa nosafidiana manokana ny handinika ny asan'ireo mpianatra ao amin'ny kilasy fahafito ireo satria tsy io kilasy io ihany akory no nampanaovina fitsapana an-tsoratra fa teo koa kilasy fahafolo, saingy ny an'ny kilasy fahafito no nahaliana anay ny handinika azy. Hojerentsika ny anton'izany.

*Ny anton'ny safidy teo amin'ny kilasy sy
teo amin'ny asan'ny mpianatra*

Misy antony matoa nosafidiana manokana ny kilasy fahafito, toy izany koa ny asa novokarin'ny. Ny kilasy mantsy dia manambara ny haavom-pahalalan'ny mpianatra ary tokony haneho izany koa ny vokatra azo amin'ny asa fanombanana ampanaovina azy.

Araka ny efa voalaza teo aloha, dia ny mpianatra ao amin'ny kilasy fahafito no mamarana ny ambaratonga voalohany, noho izany dia heverinay fa tokony ho voatsangana tanteraka ao amin'io kilasy io ny fototra, ary tokony ho efa mahafolaka tsara ny momba ny teny ny mpianatra na eo am-panombohana na eo am-pamaranana io kilasy io, na amin'ny teny frantsay na amin'ny teny malagasy.

Raha ny momba ny asa kosa no asian-teny, dia ilay fampamokarana lahateny ny mpianatra hitantara izay hitany eo amin'ny fizohian-tsary, no nodinihinay satria ahatsinjovana lafin-javatra betsaka momba ny fahafehezana ny teny io sahanasa io ka manampy ny fitiliana ataonay. Anisany amin'izany ny firafitry ny fehezanteny sy ny fikaonan'ny hevitra, ny fananana voambolana sy ny fahaizana ny fitsipi-panoratana mifehy ny teny tsirairay. Ankoatra izany dia eo koa ny fahaizana mamaky ny sary sy ny fahazoana ny fanontaniana aman-toromarika apetraka amin'ny laza adina.

Na izany aza dia anisan'ny manome antoka itarafana ny fivoaram-pahalalan'ny mpianatra ihany koa ny vanim-potoana iasany. Izany indrindra no mahaliana ny fahafantarana ny taom-pianarana nikatrohan'ny mpianatra ilay asa nodinihina.

*Ny taom-pianarana namokaran'ny
mpianatra ny asa nodinihina*

Mampahatsiahy ny toe-java-nitranga ara-tantara na ny fiovan'ny fandaharam-pianarana indraindray ny fijerena ireny taom-pianarana samy hafa ireny. Tsy voatery hifantoka amin'izany akory ny fandinihana, toy ny mitranga eto, fa tsara ihany ny amantarana ny taom-pianarana nanaovana ny asa.

Asa indroa miantoana no nampanaovina ny mpianatra tamin'ny taom-pampianarana 2004-2005, ka ny voalohandohan'ny taom-pianarana : ny volana

Novambra 2004 no nanaovana ny fitsapana fanombohana, ary ny faramparan'ny taom-pianarana kosa: ny volana Mey 2005 no nanaovana ny fitsapana famaranana. Efa naseho tany aloha ihany ny endrika nisehoan'ny laza adina tamin'izany fitsapana izany.

Tsy izahay akory no nampanao ny asa nasaina novokarin'ny mpianatra, fa efa nisy sehatra nikarakara izany ary nitrandraka santionan'asa tamin'izany izahay. Koa andeha hasiana resaka ny momba ny sehatra mpikarakara sy ireo sehatra mpamokatra ny asa.

*Ny sehatra nikarakara ny fitsapana sy ny
sekoly nandray anjara tamin'izany*

Tsy miasa irery ny Ministeran'ny ny Fanabeazam-pirenena sy ny Fikarohana siantifika fa eo ireo sehatra maro samy hafa mifarimbon'asa aminy mba ho fanatsarana sy ho fampandrosoana ny fampianarana eto Madagasikara. Anisan'izany ny PASEC (Programme d'Analyse des Systèmes Educatifs de la CONFEMEN = Conférence des Ministres de l'Education des Pays ayant le français en partage) izay nikarakara asa fitsapana ho an'ny mpianatra, nandraisan'ny sekoly maro manerana ny Nosy anjara, ka nahafahanay nanao fandinihana ny vokatra sasantsasany. Koa tsara raha hazavaina ny momba io sehatr'asa iray io.

Ny PASEC dia sehatra mikarakara momba ny fampandrosoana ny fanabeazana sy ny fampianarana amin'ireo Firenena maro miteny frantsay manaiky ny fiaraha-miasa aminy eran'ny Afrika sy Eropa. Manao fikarohana ombam-panadihadiana momba ny fetra sy ny fatram-pahalalana ary ny fahaizan'ny ny mpianatra mandray ny fampianarana omena azy izay miankina amina lafin-javatra maro toy ny tontolo ianaran'ny mpianatra, ny toe-karena amam-piarahamonina, ny fari-piainan'ny fianakaviana, ny lanjan'ny mpampianatra azy izy, mba hahafahany mandray anjara amin'ny fanampiana ny fampianarana. Tamin'ny volana Jona 2002 no nanombohany niasa teto amintsika. Ny tena vaintohan-draharahany hatramin'izao aloha, dia ny fikarakarana ny fanabeazana fototra, ka ny hetsika ataony dia ny fanombanana ny fahombiazan'ny fampianarana any amin'io ambaratonga io sy ny fanatsarana ny fampianarana amin'ny fomba samy hafa, araka ny ilain'ny toeran'ny firenena tsirairay, toy ny famoronana boky fianarana mamaky teny sy manoratra (niarahana tamina mpampianatra), mifanaraka amin'ny mpianatra sy ny toerana misy azy ; ny famokarana horonam-peo (na hatramina horonan-tsary koa aza), ary ny

fanampiana sy fanoroana ny mpampianatra amin'ny alalan'ny fanarahana azy any an-dakilasy.

Ny momba ny sekoly nampandraisin'izy ireo anjara tamin'ny fitsapana indroa miantoana kosa, dia maro be tokoa satria saika nisy solon-tena vitsivitsy na maromaro daholo ny faritra rehetra manerana ny Nosy. Tsy izany asa maro be izany akory dia nojerenay daholo fa naka santionany tamin'ireo izahay. Ka tamina sekoly 23 avy amina faritra samy hafa, dia nisintonanay asana mpianatra miisa 15 avy. Noho izany asana mpianatra miisa 345 no nodinihinay ary mpanao asa fikarohana maromaro izahay no nifarimbon'asa isan-tsokajy tamin'izany.

Ankoatra ny fanatrehana fampianarana sy ny fandinihana ny asana mpianatra novokarina an-tsoratra, dia teo ihany koa fanomezana fanontaniana fanadihadiana hofenoin'ny mpianatra sy ny resadresaka mivantana tamin'ny sasantsasany tamin'izy ireo.

2.1.3. Fanomezana fanontaniana fanadihadiana hofenoin'ny mpianatra

Na dia nanatrika fampianarana, nandinika ny fihetsika ary nihaino ny fomba fitenin'ny mpianatra aza izahay, dia tsy ampy nahalalanay ny fahazarana mpitranga eo amin'ny tsirairay sy ny maro an'isa loatra izany, satria mety misy ny fihetsika mateti-pitranga na ny fomba fiteny mahavantana ny vavan'ny mpianatra eo amin'ny fiainany tsy ho hitanay rehefa any an-dakilasy izy. Miovaova araka ny seha-pitenenana misy azy mantsy ny teny ampiasainy sy ny fihetsiny, saingy misy ihany ny tena mahavantana azy, araka ny mpandinika HAGEGE izay manamafy izany amin'ny filazany fa sehatra samihafa no ampiasan'ny olona ny teny mahavantana azy eo amin'ny fiainany andavanandro.²³

Ary i LIETTI kosa dia nanamafy fa tsy mitovy ny teny ampiasaina any ampiangonana sy ny any an-dakilasy ary ny eny an-dalambe mbamin'ny eny amin'ny fiainana andavanandro.²⁴

Koa fomba iray nanampy anay tamin'izany ny fanomezana fanontaniana fanadihadiana hofenoin'ny mpianatra. Koa dia hasian-teny eto ny momba safidy

²³ *"Les usagers naturels d'une langue emploient ordinairement en divers circonstances récurrentes de la vie quotidienne."* (HAGEGE(C), 2005 : 218).

²⁴ *"On a noté l'existence de langues du dimanche et de langues de première étage, ou autres pratiques assignant à un lieu particulier l'emploi d'une langue donnée"*, LIETTI, 1994, cité par HAGEGE, p. 46.

tamin'izany : teo amin'ny kilasin'ny mpianatra sy ny fomba nanadihadiana azy, ary avy eo dia hatsidika kely ny fotoana nanaovana ny fanadihadiana.

Ny mpianatra nanaovana ny fanadihadiana

Ny ambaratonga misy ny mpianatra arahin'ilay toetra maha tanora miala sakana azy, dia anisan'ny mamaritra ny fihetsiny sy ny fiteniny. Koa tsy ny ambaratonga rehetra akory no nanaovana ny fanadihadiana tamin'ny alalan'ny famenoana ilay fanontaniana fa nosafidiana manokana ireo mpianatra tanora miala sakana izay isongadinan'ilay fampiasana teny *bemiray* na safiotra.

Mazava amin'izany àry fa dia ireo mpianatra tany amin'ny ambaratonga faharoa fototra sy ny tany amin'ny ambaratonga faharoa manokana, no tena niompanan'ny fanadihadiana an-tsoratra.

Ka ny tany amin'ny ambaratonga faharoa fototra, dia ny kilasy fahefatra ihany no nampanaovinay izany ary sekoly tokana (Collège Victoire Rasoamanarivo), tamina kilasy roa ihany no vitanay, noho ny fetra ara-potoana teo anoloanay sy teo anoloan'ny mpianatra.

Ny tany amin'ny ambaratonga faharoa manokana kosa dia nampanaovinay izany daholo ny dingana rehetra sendra anay sy afaka nandray anay tamin'izany : ny kilasy faharoa, ny kilasy voalohany sokajy A-C-D ary kilasy famaranana sokajy A-C-D, tamin'ireo sekoly niisa 9 efa voatanisa any aloha. Nisy antony ny safidy teo amin'ny mpianatra sy ny fomba fiasa fa tsy hoe niainana tamin'ny kisendrasendra fotsiny akory izany.

Antony

Mba tsy ho verivery foana ny fotoana ary mba tsy ho very maina ny zavatra kasaina hatao, dia ilaina ny mikendry tsara izay tena voakasiky ny resaka sy ny fomba hitiliana azy ireny. Izany indrindra no antony nifidianana ireo mpianatra tanora miala sakana tany amin'ny ambaratonga faharoa fototra sy ny ambaratonga faharoa manokana, tamin'ny fampanaovana fanadihadiana an-tsoratra. Hohazavaina misimisy kokoa izany.

a. Safidy teo amin'ny mpianatra

Tany amin'ny ambaratonga faharoa fototra dia nofidinay ny kilasy fahefatra, satria io no kilasy heverinay fa mahakasika kokoa ny fikarohana

ataonay raha ny fihetsika sy ny fiteny no jerena. Tanora vao manomboka amin'ny taonan'ny miala sakana mantsy ireo ka maherihery fihetsika, tia maka tahaka sy mora andairana zava-mitranga vaovao maro, na mety izany na tsia, na tsara na ratsy, noho izy ireo mbola tsy mahalanjanja tsara izay tokony sy tsy tokony hatao. Fanampin'izany, dia tsy dia mifantoka loatra izy ireo satria tsy anatin'ny kilasy hanala fanadinana ara-panjakana toy ny ao amin'ny kilasy fahatelo. Koa raha nofidinay nanaovana fanadihadiana io kilasy io, dia heverinay fa mahasolo tena ireo mpianatra isaky ny dingana ara-kilasy any amin'ny ambaratonga faharoa fototra, izay samy efa saika tonga eo amin'ny taonan'ny fialana sakana ny ankamaroany.

Ny tany amin'ny ambaratonga faharoa manokana kosa dia nosafidinay avokoa ny dingana amin'ny kilasy rehetra : kilasy faharoa, voalohany, famaranana, satria ny mpianatra ankapobeny any amin'io ambaratonga io mihitsy no tena misongadina sy voakasiky ny resaka fampiasana teny *bemiray*.

b. Safidy teo amin'ny endriky ny fanadihadiana

Raha te hanao fanadihadiana amina olona mantsy, dia tsara ho fantatra mialoha ny zavatra mahaliana azy sy ny toetrany mba hahatomombana ny tian-ko azo avy aminy.

Koa ny fanadihadiana an-tsoratra no ampanaovinay ireo mpianatra tanora miala sakana ireo satria fantatray fa maro no tsy hamoaka ny heviny raha tsy atao mifaina any amin'ny an-tsoratra ny valim-panontaniana noho izy ireo ao anatin'ny taona manana sy manaja ny tsiambaratelon'ny. Ny endriky ny fanontaniana koa moa tsy natao mitaky valiny lava fa nofenoina tamin'ny alalan'ny fametrahana marika fotsiny, mba tsy hahamonamonaina ireo mpianatra izay efa tototry ny fampiasana sy leon'ny famoronan-dahatsoratra, asa anomanany ny fanadinana, ireo.

Ka ny fomba nanetsehanay ny sain'izy ireo hifantoka tsara sy hanatanteraka izay takina aminy (ny fanamarihana izay tena iainany marina), dia nosarihinay tamin'ny alalan'ny famakiana mpianatra roa vavy lahateny fifamaliana aloha ny sain'izy ireo : lahatsoratra momba ny fiainan'ny tanora manoloana ny fandrosoana entin'ny vahiny (lohahevitra dinihina ao amin'ny kilasy faharoa), hitarafana ny fiovan'ny toetra amam-pihetsiky ny tanora sasany eo amin'ny fomba fitafy sy eo amin'ny fomba fiteny. Tsapa ho liana tokoa ireo tanora nihaino izany. Liana sady faly izy ireo satria mahakasika azy ny lahatsoratra, ary ny fomba mahazatra azy mihitsy no naseho ka nampahatsiahy azy ilay fihetsika sy fiteny fanaony andavanandro. Fanampin'izany, vao mainka nahaliana ilay lahatsoratra

satria natao resaka ifamaliana ka nampanisy aina kokoa ny vakiteny. Haseho any amin'ny tovana izany lahatsoratra izany miaraka amin'ny fanontaniana fanadihadiana sy ny santionany tamin'ny famenoan'ny mpianatra azy.

Mety azo itarafana ny fahavononan'ny sain'ny mpianatra hanatanteraka tsara izay takina aminy koa ny fotoana nihaonana taminy tamin'izany.

Ny fotoana nanaovana ny fanadihadiana

Nila fotoana malalaka ny fanadihadiana natao noho ilay fomba fiasa niainga tamina famakiana lahatsoratra fanairana ny saina sy ny fanazavana ny zavatra takina amin'ny mpianatra, noho ny hamaroan'ny sekoly nanaovana izany ihany koa, ary ireo tany amin'ny ambaratonga faharoa manokana dia tsy ny fanontaniana fanadihadiana fotsiny no nimasoana tany fa teo koa ny fanatrehana ny fampianarana ny taranja malagasy, hany ka fotoana maro tokoa no nolaniana nanatanterahana ny asa.

Nanomboka ny volana Febroary 2006 izahay dia efa nanomboka nitety sekoly, nanao ny fangatahana hanatrika fampianarana sy hanao fanadihadiana miaraka amin'ny mpianatra. Maro ireo nahazoana valin-teny teo no ho eo tamin'ny alalan'ny fanekena ka nanaovana ny fifampiresahana tamin'izay mpampianatra vonona hanampy anay tamin'izany sy ny fandaminana ny fotoana mety rehetra. Ka tao ny nanome fotoana roa samy hafa hanatanterahana ny fanatrehana fampianarana sy ny fanontaniana fanadihadiana, tao ny nanome fotoana tokana hanatanterahana azy roa. Raha ny avy taty aminay, dia samy nety ireo ka tsy nametrahanay olana velively tsy akory.

Nandritra ny telo volana no nivezivenay tamin'ireo toerana samy hafa, nisy ny sekoly nandray anay, teto Antananarivo Renivohitra sy Avaradrano ireo, izany hoe hatramin'ny volana Avrily 2006.

Nanampy anay tokoa ny mpianatra rehefa nazava taminy ny asa tianay hatao ka nilanay ny fanampiany. Nisy, araka izany, ny mbola nanampy anay tamin'ny alalan'ny resadresaka.

2.1.4. Resadresaka mivantana tamina mpianatra

Tsy voatery hahafa-po daholo akory ireo fomba fiasa efa hita ireo fa misy foana ny tsy fahafenoana : tsy ho hita amin'ny alalan'ny fijerena sy fandinihana daholo akory ny zava-misy eo amin'ny fihetsika sy ny fitenin'ny mpianatra izay tsy mitovy arakaraka ny seha-pitenenana misy azy, ary tsy ny rehetra koa no

hanamarika izay tena iainany marina sy mahazatra azy. Manoloana izany indrindra no ilana ny fifandraisana mivantana amin'ireny mpianatra tanora ireny.

Teny am-piresahana tamin'ny mpianatry ny Lycée teny no nahamarihanay ny fomba fiteny mahavantana ny vavan'izy ireo : mandeha ho azy ny fampiasana teny bemiray na safiotra. Nisy moa ny nanazava fa izany no fomba fiteny fampiasan'ny rehetra eo amin'ny fiarahamonina amin'izao taona arivo fahatelo izao ka efa lasa mahazatra na ny mihaino na ny miteny azy. Nisy ny nanamarika fa ireny mpiasam-panjakana ambony sy manam-pahaizana ireny no tena tsy mahay miresaka raha tsy asiana teny frantsay kely, indraindray dia mody ialany tsiny amin'ny hoe : lazaiko amin'ny "*teny baiko*", ary tsy azon'ny olona any ambanivohitra mihitsy ny fomba firesak'izy ireny.

Ankoatra ny resadresaka niniana natao moa, dia nisy koa ny toe-javatra niainana niarahana tamin'ny mpianatra ka nahamarihana ny fiteny mahazatra azy. Anisany tamin'izany ny fotoana nanaovana ny andrana fampiharana fampianarana teny amin'ny ambaratonga faharoa manokana. Raha ny tao andakilasy aloha, dia niezaka niteny malagasy ranoray sy madio ny mpianatra ka tsy dia naharenesana firy ilay fomba fiteny tena mahazatra azy eo amin'ny fiainany andavanandro, fa raha niaraka tamina mpianatra kilasy voalohany sokajy D nitsangatsangana kosa izahay, dia nahita ny fihetsika sy naheno ny teny tena mahazatra ny tanora mpianatra rehefa tsy any am-pianarana: fihetsika sy fitafy sahisahy ary fomba fiteny mivantambatana sy miharo teny frantsay, tena feno teny bemiray tokoa.

Na zava-dehibe aza ny fananana fomba fiasa maromaro dia ilaina izy ireny mba hifandraika amin'ny zava-kendrena hatrany.

2.2. NY ZAVA-KENDRENA

Anisany manentana hikaoka ny fomba fiasa ahombiazana ny fametrahana ny zava-kendrena. Koa tamin'ireo fomba fiasa voatanisa teo aloha ireo dia tokana ny zava-kendrena : ny hijery ifotony ny fahafehezan'ny mpianatra ny teny ampiasainy. Hojerentsika tsirairay ny fisehon'izany tamin'ireo fomba fiasa notanterahina ireo.

2.2.1. Teo amin'ny fanatrehana fampianarana

Nanentana anay hanatrika fampianarana na tany amin'ny ambaratonga voalohany na tany amin'ny ambaratonga faharoa ny fahitana ny olana mitranga amin'ny mpianatra eny amin'ny ambaratonga faharoa manokana mikasika ny

fampiasana teny *bemiray* ka nametrahanay fa tsy maintsy jerena ifotony ny zavamisy momba ny fampianarana.

Nanatrika ny fampianarana tany amin'ny kilasy fahasivy izahay satria tsapanay fa niainga avy tany amin'ny fototra ny olana. Ka ny nokendrenay tamin'izany dia ny hamantatra ny lesoka fototra mahazo ny mpianatra any amin'ny ambaratonga voalohany izay manome tarazo ny mpianatra tonga any amin'ny ambaratonga faharoa manokana : tsy mahafolaka ny teny ampiasainy (teny malagasy sy teny frantsay).

Nanatrika ny fampianarana ny taranja malagasy tamin'ireo kilasy maro tany amin'ny ambaratonga faharoa manokana ihany koa izahay. Nokendrenay tamin'izany ny hijery mivantana ny toe-java-misy iainan'ny mpianatra mandritra ny fampianarana: ny fihetsiny sy ny fiteniny, ny fomba fampitan'ny mpampianatra sy ny fandraisan'ny mpianatra izany, ny endriky ny fifandraisana misy ao an-dakilasy, ny ezaka hiteny malagasy ranoray sy ny fahafehezana izany.

Anisan'ny nijerena taratra ny fahafehezana ny teny ihany koa ny asa an-tsoratra nasaina novokarin'ny mpianatra tany amin'ny ambaratonga voalohany.

2.2.2. Teo amin'ny fandinihana ny asa an-tsoratra novokarin'ny mpianatra

Mbola nandrisika anay handinika akaiky ny asan'ny mpianatra kilasy fahafito (kilasy amaranana ny fototra) ny fifotorana akaiky ny fahafehezana ny mpianatra (heverina ho nahatsangana ny fototra) ny teny ampiasainy andavanandro sy ny teny enti-mampianatra, aseho an-tsoratra.

Nokendrenay tamin'izany ny handinika akaiky ny olana fototra mbola tsy voavaha any amin'ny ambaratonga voalohany momba ny fahafehezana ny teny frantsay sy ny teny malagasy (samy nampianarina ho toy ny tenin-dreny), miseho eo amin'ny tsipelin-teny. Ka tamin'ny alalan'ilay fitsapana famaranana no nitiliana ny ezaka nisy sy ny lafin-javatra mbola tsy voafehin'ireo mpianatra heverina fa nahatsangana ny fototra ka handao izany. Teo koa ny fanontaniana fandihadiana izay nenti-nanatontosa ny zava-kendrena.

2.2.3. Teo amin'ny fanomezana fanontaniana fanadihadiana

Amin'ny alalan'ny fanamarihana an-tsoratra ny valim-panontaniana fanadihadiana no hitanay fa mahomby kokoa raha hanao fanadihadiana amina

tanora mpianatra miala sakana momba ny tsy fahafehezany ny teny frantsay sy ny teny malagasy ka ampiasany azy roa miaraka ho teny *bemiray* na *safiotra*.

Efa voalazanay tany aloha fa ny teny *bemiray* no hitanay ho tena mahavantana ny vavan' ny mpianatra tanora eny amin'ny ambaratonga faharoa manokana saingy tsy azon'ny maro amin'izy ireo veroka akory izany. Efa tsinjonay taloha mantsy izany nandritra ny fampiharana fampianarana ka niarahanay fotoana maromaro (roa volana mahery) tamin'ny mpianatra teny amin'ny ambaratonga faharoa manokana.

Koa tamin'ny alalan'ity fanontaniana fanadihadiana ity no nikendrenay hamantatra raha tsapany izany ary firy tokoa no tena mampiasa sy mandre matetika ny teny *bemiray* izay heverinay fa mahazo laka betsaka eo amin'ny fomba fitenin'izy ireo, indrindra indrindra amin'ny resaka am-bava.

Nataonay niendrika fampahatsiahivana ihany moa ity fomba fiasa niarahana tamin'izy ireo ity raha niainga tamin'ilay famakiana lahatsoratra (lahateny fifamaliana) ny fanadihadiana, mba hahatonga saina azy ireo ka hanitsiany ny fomba fisainany, ny fomba fiteniny ary hamantarany ny lanjan'ny teny malagasy sy ny tokony hankafizana azy.

Ny fisian'ny fifandraisana amina mpianatra tanora izany dia ahatsinjoavana misimisy kokoa fiainana mahazatra azy na eo amin'ny fihetsika izany na eo amin' ny fiteny. Ary ny resadresaka atao amin'izy ireo dia fomba iray amoahany ny zava-misy marina. Manamafy izany ny resadresaka nifanaovanay tamin'ny sasany tamin'izy ireo.

2. 2. 4. Teo amin'ny resadresaka mivantana tamin'ny mpianatra

Ilaina eo amin'ny seha-panabeazana tokoa ny fifandraisan'ny mpanabe sy ny beazina hifankahafantarana bebe kokoa ka hahafahana mamaha olana maro.

Tsapanay izany raha nifanerasera tamin'ireo tanora mpianatra ireo izahay : niresadresaka sy nifanontany ny zava-misy marina. Nokendrenay indrindra tamin'izany ny handinika ny fihetsika mahazatra azy sy hihaino ny fomba firesany izay ampiasany ny teny mahavantana ny vavany. Teo koa ny fitadiavanay ilay fahatsoram-po milaza ny zava-misy mety tsy ho hitanay na ho fantatray velively raha tsy izy ireo mihitsy no manambara azy. Fa rehefa mifankazatra sy mifankahazo resaka tsara amin'ny tanora mantsy, dia tsy mihambahamba izy milaza hatramin'izay tsy anontaniana, ny zava-misy mahazatra sy mahavantana azy ireo ary ny antony izay mety tsy ho àry fantatra na ho tsikaritry ny mpitazana daholo ka ilana fanatonana akaiky sy resadresaka mivantana.

Teo anatrehan'ireo fomba fiasa notanterahina nomban'ny zava-kendrena ireo, dia nisy ny vokatra azo. Anisan'ny vontootin-dresaka niompanan'ny asa izy io ka hojerentsika etoana.

2.3. NY VOKATRY NY FANADIHADIANA

Anisan'ny akora nanampy anay tamin'ny asa fikarohana ny vokatra azo avy tamin'ny fanadihadiana satria ireo fomba fiasa rehetra nampiasaina, voalaza teo aloha, dia samy nahazoana vokatra maneho ny tsy fahafehezan'ny mpianatra ny teny ampiasainy daholo, nanomboka tany amin'ny ambaratonga voalohany, mandalo amin'ny ambaratonga faharoa fototra ary misongadina any amin'ny ambaratonga faharoa manokana izany. Samy nanana ny akony nampibaribary ny olana ny vokatra azo ka havoitra etoana izany.

2.3.1. Ny tsy fahazoan'ny mpianatra kilasy fahasivy ny teny frantsay, teny enti- mampianatra

Any amin'ny fototra dia efa ampiantarina ny mpianatra ho toy ny tenin-dreny ny teny frantsay. Araka izany, dia amin'ny teny frantsay daholo no ampiantarana ny taranja rehetra afa-tsy ny malagasy (tsy azo lazaina hoe voafehy ihany koa). Tsikaritra tamin'ireo kilasy telo natrehinay anefa fa tsy mahazo ny teny frantsay, teny enti-mampianatra akory ny mpianatra tonga ao amin'ny kilasy fahasivy.

Ny tsikaritra teo amin'ny mpianatra

Niharihary tamin'ny fihetsiky ny mpianatra, nandritra ny fampianarana, fa tsy azony ny teny frantsay, satria raha vao tamin'ny teny frantsay ny fanontaniana nipetraka, dia tsy nisy nanangan-tanana izy ireo. Voatery nampiasa teny malagasy ny mpampianatra mba hahazoan'ny mpianatra ny tian-kambara sy hisian'ny resadresaka ary mba handraisan'izy ireo anjara mavitrika amin'ny fandinihana atao, toy ny fandinihana miainga amina sary, ka saika ny iray kilasy mihitsy no indray nanangan-tanana te handray anjara hiteny sy hamoaka ny heviny.

Mila fandinihana manokana izany tranga izany satria miainga any amin'ny ambaratonga voalohany ilay tsy fahazoan'ny mpianatra ny teny frantsay hita ho mitohy any amin'ny ambaratonga manaraka.

Ny zava-misy mantsy, dia amin'ny teny frantsay no anomezana azy ny lesona raisina ao anaty kahie sy ianarana any an-trano, nefa tsy azony na tsy

hainy akory izany, hany ka lasa miompana amin'ny tsianjery ny fianarany lesona ary sombintsombim-pahalalana ihany no tena miraikitra ao amin'ny sainy ; potipotiny amin'ilay teny frantsay no hainy ampiasaina. Manampy trotraka izany, ny teny malagasy tsy folaka tsara koa ary mbola olana ny resaka voambolana, hany ka sahirana ny mpianatra ary aleony mampiasa izay kely hay ka atambatambatra eo mba hahalaza ny hevitra tiana hambara. Mipoitra, araka izany, ny fampiasana teny *bemiray* izay tena mahery vaika tokoa rehefa tonga eo amin'ny taonan'ny tanora miala sakana ny mpianatra. Hamafisin'ny mpandinika HAGEGE fa izay no tena olana satria samy tsy voafehy tsara akory ireo teny roa samy ampiasaina ireo.²⁵

Ary hazavainy fa rehefa samy tsy voafehy ireo teny ampiasaina ireo nefa ny filàna sy ny toe-java-misy iainana mitaky fitenenana foana, dia voatery ampiasaina izay sombintsombiny hay ary tsy ferana ny fifangaroan'ilay tsy fahafenoam-pahalalana ho teny *bemiray*.²⁶

Koa atahorana ny ho avin'ny firenena malagasy raha miroborobo eo amin'ny tanora toy izany ny teny *bemiray*, satria sady matanjaka ny tanora no vao misondrotra ary maro an'isa koa. Hany ka hihanaka malaky ny teny *bemiray* dia ho resy ho azy ny teny malagasy ranoray, ary ny tena loza dia ho faty mihitsy ny fototry teny malagasy.

Tsapanay fa tsy tafaorina tsara ny fototra raha ny lafiny fahafehezana ny teny no jerena, satria raha ny kilasy fahasivy izay tokony ho kitro ifaharan'ny fototra, amin'ny maha eo anivon'ambaratonga voalohany azy, aza tsy marim-pototra amin'ny fahaizana ny teny enti-mampianatra, azo antoka fa tsy mahazo faka amin'izany ny fototra iray manontolo ka hihozongozona any aoriana any, rehefa misondrotra amin'ny dingana manaraka isan'ambaratonga ny mpianatra.

Toy izao, ohatra, ny salam-pahavitrihan'ny mpianatra tao amin'ny kilasy iray, kilasy fahasivy, misy ankizy miisa 47, nandritra ny lesona jeografia

²⁵"*Le risque est celui d'une double incompétence*" (HAGEGE, 2005 : 261).

²⁶ "*La double incompétence ressemble fort au semi-linguisme (...) En fait, l'individu en situation de semi-linguisme ne connaît, de chacune des deux langues en cause, que les aspects qui correspondent à ses besoins, selon les circonstances*". (Ibid : 262).

nanaovana lesona vaovao momba ny *mponina*, nandritra ny 30 minitra, mitondra ny lohateny hoe : *La population de la classe et de l'école*.

F1 : Fafana maneho ny salam-pahavitrihan'ny mpianatra kilasy fahasivy tao amin'ny sekoly iray

mpianatra= 47 lanjan'ora= 30'	Teny nampiasaina	Isan'ny nanangan-tanana	Isan'ny nadinina	Isan'ny nahay namaly
Famerenana	Teny frantsay	40	6	6
Resadresaka	Teny frantsay	2	4	2
	Teny malagasy	37	10	10
Lesona vaovao	Teny frantsay	2	5	1
	Teny malagasy	30	15	11

Voamarika, araka izao fafana izao, fa vitsy no nanangan-tanana raha vao teny frantsay no teny nampiasaina tamin'ny resadresaka sy ny fandinihana lesona vaovao ary nifanohitra tamin'izany ny tamin'ny teny malagasy.

Misongadina kosa anefa fa maro no nanangan-tanana tamin'ny famerenana na dia tamin'ny teny frantsay aza izany, satria efa nianatra tsianjery ny lesona tany an-trano ny mpianatra ary dia nahavaly tsara ny fanontaniana (fanontaniana sy valiny efa tao anaty kahie) izay rehetra voaadina.

Lesona jeografia momba ny toetrandro no nanaovana io famerenana io, lesona tamin'ny teny frantsay toy izao :

**F2: Fafana maneho ny lesona jeografia nataon'ny kilasy fahasivy tao
amin'ilay sekoly**

Lohatenin-desona: **Le vent, la pluie**

FANONTANIANA	VALINY
-Qu'est-ce que le vent? -Comment appelle-t-on un vent violent? -D'où vient la pluie? -D'où viennent les nuages? -Durant quelle période de l'année pleut-il le plus? -Dans quelle région de Madagascar pleut-il le plus? Et le plus rarement?	-Le vent est de l'air qui se déplace. -On appelle cyclone le vent violent. -La pluie vient des nuages qui se refroidissent. -Les nuages viennent de l'évaporation de l'eau. -Il pleut le plus durant l'été. -Il pleut beaucoup sur la côte Est et plus rarement dans le Sud-Ouest.

Heverinay fa ananan'ny mpampianatra andraikitra ny toe-java-miseho rehetra mandritra ny fampianarana mbamin' ny fahazoan'ny mpianatra izay ampitaina aminy. Koa nanoloana ny fizotran'ny fampianarana, dia tsy izay nasehon'ny mpianatra ihany akory no tsikaritrany sy nanaitra anay fa izay nataon'ny mpampianatra ihany koa.

Ny tsikaritra teo amin'ny mpampianatra

Any amin'ny ambaratonga voalohany, dia ny mpampianatra no mbola mitantana sy mandrindra ny fomba fandraisan'ny mpianatra izay rehetra ampitaina aminy. Manana ny fomba fiasany izy ary tokony hikendry mandrakariva izay hahazan'ny mpianatra mora foana ny fampianarana.

Ka ny tsikaritrany tamin'ny fomba fiasan'ireo mpampianatra izay natrehinay, dia tsy mba niainga tamina angon-kevitra avy tany amin'ny mpianatra izy ireo, na dia namoaka ny heviny tokoa aza ny mpianatra, fa nionona tamin'izay natolotry ny boky araka ny efa nomaniny ihany : nadika teny amin'ny solaitrabe sy tao anaty kahie. Tsapanay mantsy fa na ny mpampianatra aza dia sahirana amin'ny teny frantsay ka tsy afaka nandrafitra ny hevitra natolotry ny mpianatra tamin'izany teny izany akory izy fa mandroso izay efa masaka ihany. Hany ka na ny resadresaka teo am-pandinihana ny sary aza, dia izay efa tao anaty boky daholo no novakina raha vao teny frantsay no ampiasaina.

Hita taratra avy hatrany fa tsy tena mahafehy ny teny frantsay koa na ny mpampianatra aza ka aleony maka tohana hatrany amin'ny boky fotsiny.

Koa raha toy izany hatrany no mitranga isaky ny dingana amin'ireo kilasy, dia hataon'ny mpianatra ahoana moa no hahazo na hahafolaka tsara ny teny frantsay raha ny mpampianatra aza tsy mahita mangirana amin'izany? Tsy mahagaga àry raha hita taratra hatrany amin'ny an-tsoratra ny fanehoan'ny mpianatra ny vokatr'izany : tsy misy voafehiny na ny manoratra ny teny malagasy na ny manoratra ny teny frantsay.

Ny fandinihina ny asa an-tsoratra novokarin'ny mpianatra kilasy fahafito indray no nahitana izany.

2.3.2. Ny tsy fahafehezana'ny mpianatra kilasy fahafito ny teny frantsay sy ny teny malagasy, hita taratra tamin'ny asa novokarin'ny an-tsoratra

Tsy tany amin'ny am-bava ihany no nisehoan'ilay tsy fahafehezana ny teny, fa niarahany tany amin'ny an-tsoratra ihany koa. Kanefa dia tsy azo atao ambanin-javatra ny an-tsoratra satria miasa eo amin'ny fifandraisana izy, na dia ny am-bava aza no tena mibahan-toerana amin'izany, ary miasa indrindra amin'ny fanaovana ny fanadinana rehetra ilana mari-pahaizana hanomanana ny ho avy.

Ny vokatra ny asan'ireo mpianatra kilasy fahafito nampanaovina fitsapana indroa miantoana, tamina fotoana samy hafa, izay nokarakarain'ny PASEC : sehatrasa miara-miasa amin'ny Ministeran'ny Fanabeazam-pirenena sy ny Fikarohana siantifika, efa nasian-teny tany aloha, no hasiana resaka fandalinana etoana. Nefa mialoha ny tena vontoatin-dresaka, dia hatsidika eto ihany ny momba ny fomba fiasa tamin'ny fandinihana ny asa sy ny tanjona tamin'izany.

*Ny fomba fiasa tamin'ny fandinihana ny
asan'ny mpianatra*

Ny fananana fomba fiasa maty paika voaomana, dia manamora ny fitrandrahana asa maro be toy ireo asana mpianatra 345 izay efa nasiam-panazavana tany aloha fa nodinihinay. Ka tsy niasa irery izahay fa nifarimbon'asa tao anatina sokajina mpikaroka ary nametraka ny fafana fitrandrahana mba hamerana ny lafin-javatra hodinihina.

➤ Ny lafin-javatra nodinihina

Samy nananganana fafana na ny taranja malagasy na ny taranja frantsay izay niraisan'ny fitsapana fanombohana sy ny famaranana, mba hijerena akaiky ny fetra sy ny fahaizan'ny mpianatra eo amin'ny fahafehezany ny teny.

Ka toy izao avy ny fafana natsangana tamin'ny isan-taranja :

a. Teo amin'ny taranja malagasy

Nomarihina ny isan'ny mpianatra nindrana ny voambolana tamin'ny teny frantsay na nanao ny fanagasiana izany sy ny isan'ireo nandiso ny tsipelina na ny fitsipi-panoratana, ka nahazoana vokatra maneho ny salanisany.

- tamin'ny fitsapana fanombohana izay efa naseho tany aloha, momba ny fitantarana ny fizotry ny sary, dia toy izao ny vokatra azo :

F3 : Fafana maneho ny salanisan'ny mpianatra nomarihina momba ny tsy fahafehezana ny teny malagasy tamin'ny fitsapana fanombohana

Isan'ny mpiadina	345	
Ny lafin-javatra nodinihina	Findramana voambolana teny frantsay	Fandisoana tsipelina na fitsipi-panoratana
Salanisan'ny mpianatra voamarika ho nanao izany	30%	50%

- tamin'ny fitsapana famaranana izay ny sary fotsiny no niova, dia nanome vokatra toy izao :

F4 : Fafana maneho ny salanisan'ny mpianatra momba ny tsy fahafehezana ny teny malagasy tamin'ny fitsapana famaranana

Isan'ny mpiadina	345	
Ny lafin-javatra nodinihina	Findramana voambolana amin'ny teny frantsay	Fandisoana ny fitsipi-panoratana
Salanisan'ny mpianatra nanao izany	15%	30%

Tsoa-kevitra :

Araka ireo fafana anankiroa ireo, dia tsapa ho nanao ezaka ny mpianatra, hita taratra tamin'ny fihenana ny salanisa tany amin'ny fitsapana famaranana, saingy maneho ihany ny hamaroana ny mpianatra mamarana ny ambaratonga voalohany tsy mahay manoratra ny teny malagasy sy tsy manana voambolana ampy hanehoana hevitra.

Indreto misy ohatra vitsivitsy maneho ireo lafin-javatra tsy voafehin'ny mpianatra ireo (ny natetika nitranga) :

- teo amin'ny resaka voambolana, dia nisy ny nampiasa teny frantsay nogasiana toy ny hoe *lazoara, lasety, siô, ny l'arrosoir, l'assiette, seau*.

Kanefa misy voambolana amin'ny teny malagasy ihany enti-milaza ireo : ny *l'arrosoir* dia *siny fanondrahana* ; ny *l'assiette* dia vilia na *lovia* na *kapila* ; ny *seau* dia *siny fantsakana* na *siny fitaomana rano*.

Amin'ny teny malagasy, dia *siny* no tena fampiasa taloha na hitondrana rano na hanondrahana na hitehirizana rano, saingy ny endriny no enti-manavaka azy ireo : ny *siny fanondrahana* dia sady misy vavany no misy tendany lava misatroka milavadavaka hivoahan'ny rano ary tokana ny tahony, fa ny *siny fantsakana* kosa, dia ahitana tahony roa andaniny avy anilan'ny vavany ary ny *sinibe* indray no fitehirizana rano ao an-trano ka lehibe, tsy misy tahony fa ny vavany no malalaka ary mitakotra izy. Noho izany dia tsy manana voambolana enti-maneho endrika hafa fasiana rano izy fa ataony hoe *siny* daholo saingy ny teny fanampiny no manazava ny ilana azy ka ahafantarana ny endriny.

Nisy ihany koa ireo tonga dia nindrana voambolana amin'ny teny frantsay avy hatrany, toy ny hoe : *boeuf, point d'interrogation, guidon, vélo, moto*. Kanefa dia manana voambolana amin'ny teny malagasy ihany ny sasany amin'ireo. Ohatra : *omby* ny *boeuf*, *baraingo* ny *point d'interrogation*, *familiana* ny *guidon* ho an'ny bisikileta fa *Volant* ho an'ny fiara; ny hoe *vélo* kosa dia mbola tsy ananana voambolana amin'ny teny malagasy, fa dia ny fanagasiana ny *bicyclette* ho *bisikileta* izay maro nampiasa tokoa, no ekena ho voambolana fampiasa hatramin'izao, toy izany koa ny *môtô* mbola atao fotsiny hoe *môtôsikileta*, (toy ny hoe *koveta*, ilazana ny *cuvette* koa, dia maro nampiasa ary ekena ho voambolana amin'ny teny malagasy). Ireny no teny nohagasiana hanaraka ny ava-peo malagasy. Maro tokoa izy ireny ka haseho any amin'ny tovana ny nandrindran'ny Akademia azy.

Maneho izany fa tsy ampy fanazarana hiteny mba hampiasa voambolana amin'ny teny malagasy ka hiteny malagasy tanteraka ny mpianatra, ary tsy ampy ny fandalinana izany voambolana izany amin'ny alalan'ny fanabeazam-boho ny teny.

Fanamarihana

Marihina fa tsy nazava tsara ny fiafaran'ilay sary tamin'ny fitsapana voalohany ka samy naminavina ny mety ho fizotry ny tantara ny mpianatra ary vitsy no nivaona tamin'ny tena tiana naseho fa nahazo ny zava-nitranga tamin'ny tantara daholo ny ankamaroany. Ary hita fa manana hevitra ny ankizy manoloana tranga iray saingy ny fanazarana azy hamoaka sy handamina ireny hevitra ireny no mila hamafisina amina fanazarana hiteny sy hanoratra.

- Teo amin'ny resaka tsipelina kosa, dia ireto no tena natetika nitranga :

F5 : Fafana maneho ny karazana diso tsipelina sy fitsipi-panoratana tsy voafehin'ny mpianatra kilasy faha 7 hita taratra tamin'ny vokatra ny asan'ireo mpianatra marobe notiliana

Ny fitsipika tsy voafehy	Ohatra (+fanitsiana)
<u>Fifehezanteny :</u> - fampiasana tsipi-panohizana - fampiasana faingo mihantona - fanambarana ho teny tokana - fanasarahana ho teny roa na maromaro	• Lalana kalehany (lalan-kalehany), • Nampanginy ndreniny (nampanginin-dreniny), • Andra pela (an-drampela), • Bedy ny reniny (bedin'ny reniny), • Nindesiny rivotra (nindessin'ny rivotra), • Nototonomby (nototon'ny omby). • Zaza alahy (zazalahy) • Vomarina (vao maraina), • Niaviantanàna (niavy an-tanàna), • Avieo (avy eo), • Tampotampokateo (tampotampoka teo), • Rehefavieo (rehefa avy eo), • Tsimaninona (tsy maninona), • Poatozay (poa toy izay),

- fanavahana ny mpampifandray sy ny matoantenany	• Olonarakandro (olo narakandro), • Tsimaintsy (tsy maintsy). • Katay tra izy (ka taitra izy), • Fahanome (fa hanome), • Kaniteny (ka niteny), • Arihitany (ary hitany).
<u>Endriteny</u> : - fanavahana ny fototeny sy ny hasin-teny mirafitra aminy	• voa donany (voadonany), • na ny dinany (nanidinany), • sy trana (sitrana), • Katay tra izy (ka taitra izy), • Ny gaka (nigaka), • Voahitsa ki Ralay (voahitsaky Ralay).
<u>Feo</u> :	• Aombi (aomby), • Ramato, ramatoha (ramatoa), • Ombila (ombilahy), • Nilomai (nilomay), • Nande (nandeha).
<u>Ava-peo</u> : - feo kentsona - feo tsy kentsona	• Pividy (mpividy), • Tapoka (tampoka), • Nisagy (nisangy), • Madeha (mandeha), • Netiny (nentiny), • Oby (omby), • Tampaka (tapaka), • Lantsaka (latsaka), • Ganga (gaga), • Mimpetraka (mipetraka), • Mihintsy (mihitsy), • Ankoho (akoho), • Mintondra (mitondra), • Jiamby (jiaby).

- ny feo ldrl sy ljl	• Mitonja (mitondra), • Voatsinjo (voatsindry), • Niandrera (nianjera),
- ny feo ltrl sy ltsl	• Naratsa (naratra), • Nandositsa (nandositra).

Tsoa-kevitra

Hita, araka ny seho eo amin'ny fafana, fa lafin-javatra tokony ho efa folaka sy voahitsy tany amin'ny dingana alohan'ny kilasy fahafito ireo mbola manahirana ny mpianatra mamarana ny ambaratonga I ireo. Ary tsy mahagaga raha toa ka na efa tonga any amin'ny ambaratonga manaraka aza izy ireo, dia mbola hita taratra ho sady tsy mahay manoratra ara-pitsipika no tsy mahay miteny. Ary satria ny miteny no mandeha alohan'ny manoratra, dia matetika ireo tsy mahay manonona tsara ny feo ka tsy voahitsy tamin'izany, dia manoratra diso toy ny fanononany azy ihany.

Hita taratra ihany koa fa tsy ampy fanazarana hiteny ny mpianatra mandritra ny ambaratonga voalohany, raha izao vokatry izao no jerena, satria raha nozarina hiteny hatrany amin'ny fototra ny mpianatra, ka nahitsy tamin'ny tsy fahaizana manavaka ny feo dia ho zatra hanitsy tena hanonona ilay teny araka ny tokony ho izy ihany.

Tsapa ihany koa fa tsy ampy fanazarana hanoratra izy ireo, satria amin'ny am-bava dia tsy misy *faingo mihantona* na *tsipi-panohizana* na fahaizana fototeny sy ny hasin-teny mirafitra aminy hita raha tsy soratana ilay teny. Ka tsy dia hita ilay fahafehezana ny teny malagasy raha mionona amin'ny am-bava fotsiny, satria voatonona haingana ny hoe *andra pela* sy ny hoe *zaza alahy*, dia tsy heno hoe misy diso, kanjo tokony hisy fanakambanan-teny ny hoe *ana* sy *rampela*, ka lasa *an-drampela*.

Hita taratra hatrany izany tsy fahazaran'ny mpianatra manoratra izany amin'ny hoe *bedin' ny reniny* no tiany hambara nefa *bedy ny reniny* no soratany. Miova, araka izany, ny hevitra : ilay voalohany dia ny reniny no mibedy, ilay faharoa kosa dia ny reniny no bedy ary tsy mitovy ny anjara asa sy ny hevitra ara-drafitry teny hoe *reniny*. Amin'ny fehezanteny hoe *bedin'ny reniny izy*, dia manana anjara asa RENIFAMENO (RF) sy hevitra ara-drafitra (HAD) MPANAO ny hoe *reniny*, fa raha hoe *bedy ny reniny*, dia manana anjara asa LAZAINA (L) sy hevitra ara-drafitra (HAD) IHARANA ny hoe *reniny*.

Ny fehezantenin'ny mpianatra nefa dia hoe *bedy ny reniny izy* ka tsinjo ny tiany hambara saingy diso ny fomba fanoratany azy.

Toy izany koa ny tranga hita amin'ireo ny teny roa na maro izay tononina mitambabe, toy ny hoe *vomaraina*, *niavian-tanàna*, *tsimaintsy*, *rehefavieo*, dia tokony hisaraka am-panoratana, *vao maraina*, *niavy an-tanàna*, *tsy maintsy*, *rehefa avy eo*. Tsy *vo maraina* izany no fanoratra azy fa *vao maraina*, satria marina am-panononana ny *vo* fa diso am-panoratana noho ny fisian'ny zana-peo sosona izay tononina amina feo tokana ka ny /*oa*/ na /*ao*/ dia tononina ho /*ô*/.

Eo ihany koa ny tsy fahafantaran'ny mpianatra hoe ny *sitrana* dia fototeny fa tsy misy idiran'ny mpampitohy sy mihitsy ao anatiny ka hanaovana hoe *sy trana* ; ny tsy fahaizana manavaka ny mpampifandray izay soratana miavaka na dia tsy aseho am-panononana aza izany fiavahany izany amin'ny hoe *ary hitany* ; ***fa hanome*** ; ***ka niteny*** ; ***ka taitra*** izay tsy soratana mitambatra toy ny nataon'ny mpianatra sasany hoe *arihitany* ; *fahanome* ; *kaniteny* ; *katay tra* .

Mbola toy izany koa amin'ny endriteny : ny tsy fahaizana manavaka ny fototeny sy ny hasin-teny mirafitra aminy, dia tsy tsinjo raha tsy am-panoratana, satria tsy hanonona tsirairay ny teny ny mpianatra raha hiteny izao soratany izao : *ny gaka*, *voa donany*, *na ny dinany*, *sy trana*, *katay tra izy*, *voahitsa ki Ralay*, fa hanonona izany miaraka hatrany. Ka rehefa asehony an-tsoratra izany, vao hita fa ny fototra mihitsy no tsy mbola azo, ka mbola tsy fantatra fa ny fototeny dia *idina*, *sitrana*, *taitra*, *hitsaka*, ary mbola tsy hay ny manavaka ireo hasin-teny sy ny mandrafitra izany aminy hoe *nigaka*, *voadonany*, *nanidinany*. Tsy hainy ny manavaka ny tovana amin'ny mpanoritra, satria ny hoe *n-i-gaka* dia mifamaly amin'ny *m-i-gaka* sy amin'ny *h-i-gaka*, ka ny *m-i-* no tovana (tovona mivaky): ny *m-* vakiny miova; ny *i-* vakiny tsy miova, ary ny *n-* ao amin'ny *n-i-gaka* izany dia mariky ny filazam-potoana "lasa" ao anatin'ny fifamaliana telolafy *m-/n-/h-*, ka nahatonga ny *ni-* fa tsy misy idiran'ny mpanoritra *ny* velively.

Amin'ny resaka feo ihany koa, misy feo kentsona amin'ny *ampela* fa tsy *apela* ; raha am-panononana dia tsy hita izay diso manonona ny hoe *aqmbi*, *ramato*, *ombila*, *niolomai*, *nande*, raha mipetraka tsara ny tsindrim-peo ka eny amin'ireny zana-tsoratra voamarika ireny no tonona mafy, kanefa ny feo /*i*/ tononina farany, dia soratana *-y*, ary ny feo /*o*/ dia soratana *oa*, ny feo /*a*/ matetika dia soratana *-a* *ahy*, toy izany koa ny feo /*e*/ izay soratana *-eha*.

Ankoatra ireo lafin-javatra ireo, dia nomarihina koa ny fahafehezan'ny mpianatra ny momba ny fehezanteny, ka nahazoana vokatra maneho ny salanisany.

**F6 : Fafana maneho ny fahafehezan'ny mpianatra ny fehezanteny hita
taratra tamin'izay nosoratany**

Isan'ny mpianatra	345	
Endriky ny fahafehezana fehezanteny	Salanisan'ny nanao izany	
	FITSAPANA FANOMBOHANA	FITSAPANA FAMARANANA
<u>Fehezanteny feno</u> : ahitana ny singa rehetra mandrafitra azy	70%	75%
<u>Manaja ny endriky ny fehezanteny</u> : manomboka amin'ny sora-baventy sy miafara amin'ny teboka	20%	45%
<u>Manaja ireo mari-piatoana samihafa</u>	10%	30%
<u>Fehezanteny mikaona</u> : mifampitohy sy mirindra ny hevitra.	65%	80%

Tsoa-kevitra

Hita araka izao fafana izao fa nanao ezaka ny mpianatra saingy misongadina ihany ilay tsy fahazaran'izy ireo manoratra satria mbola maro ireo tsy manaja ny endriky ny fehezanteny. Koa maro be ireo tsy mametraka teboka any amin'ny faran'ny fehezanteny ary mbola misy vitsivitsy ny tsy manomboka izany amin'ny sora-baventy. Fanampin'izany, mbola tsy zatra mampiasa ireo karazana mari-piatoana ny mpianatra noho ny tsy fahaizany ny lanjan'izy ireny sy ny fampiasana azy.

Tsinjo, araka izany, fa maro ny asa tsy fenon'ny mpampianatra nenti-namolaka ny mpianatra any amin'ny ambaratonga I hahafehy ny teny malagasy na am-bava na an-tsoratra.

b. Teo amin'ny taranja frantsay

Toy ny tamin'ny taranja malagasy, dia nisy lafin-javatra nomarihina manokana tamin'ny fijerena ny fahafehezan'ny mpianatra ny teny frantsay.

**F7 : Fafana maneho ny salanisan'ny fahaizan'ny mpianatra na tsia
mampiasa sy mahazo ny teny frantsay**

AU NIVEAU DE LA PHRASE

	Pré-test	Post-test
Morphologie:		
- <i>marqueurs de temps</i>	20%	45%
- <i>accord du sujet et du verbe</i>	45%	60%
- <i>accord du genre et nombre</i>	45%	55%

AU NIVEAU DU RECIT

	Pré-test	Post-test
- <i>Compréhension globale de la séquence</i>	70%	80%
- <i>Compréhension de la consigne</i>	75%	85%
- <i>Usage de la troisième personne</i>	65%	85%

**F8 : Fafana maneho ny salanisan'ny tsy fahafehezana ny teny frantsay hita
taratra eo amin'ny lafiny voambolana sy ny tsipelin-teny**

	Pré-test	Post-test
Lexique:		
- <i>emprunts</i>	50%	20%
Orthographe:		
- <i>fautes d'orthographe</i>	50%	50%
- <i>Erreurs graphologiques</i>	80%	65%

Ohatra, tamin'ny *emprunts* : *voudona, vonicazo, à larabe, daqana, tapaka* le cheville.

Tamin'ny *fautes d'orthographe* : *feuille, exemple, prand, sote, le boit, lamain, senerve.*

Ary tamin'ny *erreurs graphologiques* : *acose, tômôbile, camarady, kamiô, sofer, de pese toi, dengeré, din arbre, goche, le zenfant, nontont rien, pour coi, safe mal.*

Tsoa-kevitra

- Ny fafana dia maneho fa nanao ezaka ny mpianatra raha ampitahaina ny fitsapana fanombohana sy famaranana. Satria niakatra hatrany ny salanisan'ny

nahafehy ireo lafin-javatra nomarihina toy ny fampiasana mariky ny fotoana, ny fahaizana manao accord, ny fahazoana ny laza adina sy ny toromarika izay azo tsara tamin'ny famaranana satria nahatratra 80% avy izany. Ary hita ho nihena ny salanisan'ny tsy fahafehezana ny teny satria 20% sisa no nindrana teny malagasy tamin'ny farany ary nihena 50% ny nandiso fanoratra ny teny, raha 60% tao voalohany, saingy ny tsy fahaizana manoratra ny teny mihitsy na dia hay manonona aza no mbola betsaka, satria mbola nisy 65% na dia nihena aza ny isany. - Hita amin'ny findramana ny teny malagasy *voudona*, *vonicazo*, à *larabe*, *daqana* fa nezahin'ny mpianatra naseho ho nanana endrika teny frantsay ireo teny malagasy ireo ka ny *voadona* nampiasany litera ou, *voninkazo* nampiasany litera C ny *dakana* nampiasany litera g izay litera samy tsy ampiasaina eo amin'ny teny malagasy

- Tsapa ho mahay manonona ilay teny my mpianatra saingy ny fanoratra no manahirana azy ka dia soratany araka izay fahazoan'ny tanany ny tononin'ny vavany.

F9 : Tsanganana maneho tsy fahaizan'ny mpianatra manoratra ny teny

frantsay

diso	Fanitsiana
Acose	A cause
Tômôbile	Automobile
Camarady	Camarade
Kamiô	Camion
Sofer	Chauffeur
De pese toi	Dépêche-toi
Dengeré	Dangereux
Din arbre	D'un arbre
Goche	Gauche
Le zenfant	Les enfants
Nontont rien	N'entend rien
Pour coi	Pourquoi
safe mal	ça fait mal

Tsikaritra amin'izao fa tsy ampy vaky boky, fanazarana hanoratra ary fianarana fitsipiky ny teny sy tsipelina-teny ny mpianatra. Satria tsy fantany akory fa noho izy milaza hamaroana no nahatonga ny fanonona ny *les* sy *enfants* ho [*zenfant*]. Tsy hainy manavaka ny mpanoritra fa atambany ho *din* ny *d'un*.

Tsapa ihany koa fa teny frantsay mitsipotipotika amina teny mitokatokana no hain'ny mpianatra am-bava satria henony fa tsy hainy akory ny mandrafitra ireny hiaraka anaty fehezanteny.

2.3.3. Ny fahazaran'ny mpianatra eny amin'ny ambaratonga faharoa manokana mampiasa teny *bemiray*.

Ny fanatrehanay fampianarana tany amin'ireo ambaratonga faharoa manokana samihafa izay efa voalaza tany aloha, nanomboka ny volana Febroary ka hatramin'ny volana Avrily 2006, dia nahatsinjovanay ilay fihetsika sy fiteny mahazatra ny mpianatra. Mahavantana azy kokoa ny miteny *bemiray* ka mampiditra voambolana teny frantsay na teny frantsay nogasiana isaky ny miresaka.

Ny kilasy rehetra nolalovanay, ny kilasy faharoa ka hatramin'ny kilasy famaranana, dia naharenenanay mpianatra mampiasa teny *bemiray* daholo mandritra ny fampianarana taranja malagasy, na ireo miteny mafy ho ren'ny rehetra izany, na ny miteny mora (mingonongonona) na ny manao resaka an-jorony tsy miteny ho an'ny rehetra.

Nahitanay taratra io fomba fiteny io koa ny famelabelaran-kevitra hitanay tamin'ireo kilasy efatra, tamina sekoly telo samy hafa. Ka tamin'ny fanehoan-kevitra nomanin'ny sokajy nanao ny famelabelarana dia voahaja tsara ny teny malagasy, saingy rehefa niroso tamin'ny ady hevitra dia nipoitra tamin'izay ny fiteny mahazatra amin'ny teny *bemiray*, na avy tamin'ny mpametraka fanontaniana, na avy tamin'ny mpamaly.

Tsoa-kevitra

Hita taratra fa voafehy ao anatin'ny fotoana fohy ny fahafahan'ny mpianatra miteny malagasy ranoray izay efa tandremana fatratra, fa ny fiteny tena misosa eo am-bavany tsy ilany fisalasalana dia ny teny *bemiray*, amin'ny fampiasana voambolana amin'ny teny frantsay ombieny ombieny sy ny teny frantsay nogasiana ary ny fomba fiteny maneho fihetseham-po amin'ny teny frantsay, toy ny hoe : *pas question ; dommage ; justement ; c'est vrai* .

Manamafy izany ny filazan-dRatiaray fa hoe voamarika ho mirona kokoa amin'ny fampiasana teny frantsay ny ankizy na dia kely sy potipoti-teny fotsiny aza no hainy amin'izany.²⁷

Tsapa fa ny fahazarana omen'ny fiarahamonina no mahery kokoa mitaha amin'izay ianarana any an-tsekoly satria eny amin'ny fiarahamonina no tena iainan'ny mpianatra an-kafaliana tsy misy faneriterena sy ampiharany ny fahalalany. Koa raha miteny *bemiray* izy dia asehony fa tsy feno ny fahalalany ny teny roa miaraka ampiasainy.

Tamin'ny fanadihadiana an-tsoratra kosa no nahatsinjovana ny fahatongavan-tsaina na tsia eo amin'ny mpianatra mikasika ny teny ampiasainy.

²⁷ "Bien que les enfants aient moins de mots français, ils ont beaucoup plus tendance à les utiliser qu'ils ne le font en malgache". (RATIARAY (S), 1997 : 424).

Fanontaniana nomarihina ihany no nasaina nofenoin'izy ireo, ka nisy ny nahatsapa ny fitenenany matetika na mahalana ny teny , toy izany koa ny fahenoany izany, ka nisy ny nahatsapa, nisy ny tsy nahatsapa ; nisy ny niaiky, nisy ny tsy niaiky. Ka toy izao ny fafana maneho ny valin-tenin'izy ireo :

**F10 : Fafana maneho ny salanisan'ny mpianatra mahatsapa fa miteny
bemiray, tany amin'ireo sekoly nolalovana**

Sekoly	Miteny <i>bemiray</i> matetika	Miteny <i>bemiray</i> mahalana
Lycée Andrianampoinimerina Sabotsy Namehana	50%	40%
Lycée Luigi Oréone Sabotsy Namehana	45%	43%
Lycée F.J.K.M. Andriamanarefo Ambohitrarahaba	58%	36%
Lycée FANILO Analamahitsy	60%	50%
Lycée Sénévé Amboditsiry	64%	42%
Lycée Kristy Mpanjaka Ambatomainity	66%	47%
Lycée Nanisana	70%	69%
Lycée St François-Xavier Antanimena	76%	50%
Lycée Moderne Ampefiloha	73%	47%
Collège victoire Rasoamanarivo Soamanandrany	44%	36%

Tsoa-kevitra

Tsapa fa ireo mahatsapa ho miteny *bemiray* matetika hatrany no maro an'isa noho ny miteny izany mahalana. Ary ireo mpianatra tena an-tanàn-dehibe, toa an'Antanimena sy Ampefiloha no tena maro nahatsapa tena tamin'izany kokoa, toy izany koa ny tanàn-dehibe manodidina ny Renivohitra toa an'Ambatomainity, Nanisana, Amboditsiry, Analamahitsy.

Ka tsy dia hoe tena vitsy tokoa ny mampiasa teny *bemiray* any amin'ireo faritra lavidavitra ny tanàn-dehibe fa ireo tena miaina ao anatin'ny fisongadinan'izany kosa no mahatsapa misimisy kokoa azy.

Mbola manamafy izany ity fafana maneho ny faharenesan'izy ireo teny *bemiray* eo amin'ny fiainany ity :

F11 : Fafana maneho ny salanisan'ny mpianatra mandre ny teny *bemiray* tany amin'ireo sekoly nolalovana

Sekoly	Mandre teny bemiray matetika	Mandre teny bemiray mahalana
Lycée Andrianampoinimerina Sabotsy Namehana	48%	50%
Lycée Luigi Oréone Sabotsy Namehana	54%	61%
Lycée F.J.K.M Andriamanarefo Ambohitrarahaba	61%	60%
Lycée FANILO Analamahitsy	55%	58%
Lycée Sénévé Amboditsiry	68%	62%
Lycée Kristy Mpanjaka Ambatomainity	66%	50%
Lycée Nanisana	70%	72%
Lycée St François-Xavier Antanimena	60%	62%
Lycée Moderne Ampefiloha	75%	61%
Collège victoire Rasoamanarivo Soamanandrarin	40%	45%

Fanamarihana

Tsy voatery ho izay nanamarika ny fanontaniana ihany akory no miteny na mandre teny *bemiray* fa mety nisy ny tsy te haneho izany na tsy nahatsapa na tsy nahatandrina izany mihitsy na dia misy aza izany, noho izy efa zatra.

Tsoa-kevitra

Miharihary hatrany fa ny mponina an-tanàn-dehibe no tena aharenesana teny *bemiray* betsaka satria ny tanàn-dehibe no tena ampiasana teny frantsay amina sehatra maro indrindra, ary ny fanabeazan'ny fiarahamonina mihitsy no manome lanja ny teny frantsay izay tsy voafehin'ny olona tsara ka ampiasany izany tapatapany miaraka amin'ny teny malagasy. Koa dia tsapa fa tsy tsara ny tsy feno raha ny fahalalana no asian-teny satria hita fa ilay atao hoe : *mikobana*

raha ny fireharehan'ireo miteny *bemiray* izay arahin'ny mpianatra tahaka no jerena. Andeha hofantarina ny antony mandrisika ny mpianatra hiteny *bemiray*.

Ny antony ampiasan'ny mpianatra teny bemiray

Araka ny valin-teny avy amin'ny mpianatra niresadresaka taminay, ny antony hitenenany *bemiray*, dia noho ny fahamoran'ny teny frantsay amin'ny teny sasantsasany, satria lava loatra ny amin'ny teny malagasy.

Ohatra : - mora kokoa ny mampiasa ny hoe *anniversaire* noho ny *fitsingerenan'ny taona nahaterahana* ;

- aleo miteny hoe *consultation* toy izay *fizaham-pahasalamana* ;

- mora be ny mampiasa hoe *bus* noho ny *fitateram-bahoaka*.

Noho izany amin'ny asa takina any an-dakilasy ireny voambolana amin'ny teny malagasy ireny vao velona fa ny teny *bemiray* no tena miasa eo amin'ny fiainan'ny olona, indrindra eo amin'ny mpianatra.

Voalaza ihany koa fa tsy mandany fotoana ny teny *bemiray* ary avy hatrany dia voaray ny hafatra.

Izany indrindra no nahatonga an'i BABAULT hahatsikaritra fa milalao amin'ny alalan'ny teny *bemiray* ny mpianatra ka mahatonga azy hanafangaro ny teny frantsay sy ny teny malagasy izay tena mahafinaritra azy sy manavanana azy.²⁸

Ny zava-misy koa mantsy dia efa saika ny sehatra rehetra eo amin'ny fiarahamonina no mampiasa ny teny *bemiray*, ohatra : eny am-pivarotana, any anaty fiara fitaterana, eny amin'ny dokam-barotra sy ny filazam-baovao ampitain'ny haino aman-jery ary ny gazety, ...

Araka ny fandinihana mivantana sy an-kolaka ny fihetsiky ny mpianatra, dia tsikaritra fa amin'ny teny malagasy izay teny ampiasainy andavanandro no tena anaovany *bemiray*. Misy ihany ireo miteny frantsay ka manao izany *bemiray* amin'ny teny malagasy, fa ireo zanaky ny mpanana vitsivitsy ihany, ohatra ireo mianatra any amin'ny Lycée français. Andeha hojerena koa ny endriky ny teny *bemiray* tena fampisan'ny mpianatra.

Ny endriky ny teny bemiray ampiasain'ny mpianatra

²⁸ « Ces élèves semblent ainsi jouer avec une certaine efficacité sur la complémentarité qui existe entre le malgache et le français, tant sur le plan linguistique que sociolinguistique » (BABAULT (S), 2006 :213)

Ireo miresaka amin'ny teny malagasy izay maro an'isa kokoa no tena nifantohan'ny fandinihana nataonay.

Misy ireo voambolana teknika manahirana ny mandika azy ka voatery lazaina amin'ny teny frantsay mba ho mora azo kokoa.

Ohatra, mbola tsy misy teny mahadika ny hoe : *artificiel* amin'ny teny malagasy ary aleo kokoa miteny hoe *micro* toy izay mampiasa hoe *fanamafisam-peo* izay andikana indrindra ny *amplificateur* fa tsy ny *micro*.

Mbola i BABAULT ihany no manamafy fa anisan'ny mahatonga ny fampiasana teny *bemiray* ny tsy fananana voambolana teknika amin'ny teny malagasy.²⁹

Ankoatra ny fampiasana ireo fomba fiteny amin'ny teny frantsay izay efa voalaza tany aloha momba ny fanehoana fihetseham-po, dia eo koa ny fampiasana ny teny frantsay nogasiana. Tena mora ho an'ny olona ny mampiasa *verbe* amin'ny teny frantsay, tovonana no tovanana hasin-teny malagasy mba hanana endrika teny malagasy. Toy izany koa ny *anarana* amin'ny teny frantsay ampiana mpisolo tena malagasy.

ohatra : *mi-comprendre* (ampiana tovana)

essayer-o (ampiana tovana)

problème-ntsika (ampiana mpisolo tena tampisaka)

Ka ny olana dia sy voahaja intsony ny fampiasana ireny *verbe* amin'ny teny frantsay izay tsy tokony hatao *infinitif* intsony ireny rehefa ampiasaina anaty fehezanteny. Nefa ny tsy fahaizan'ny mpianatra sy ny tsy firaharahany izany indrindra no asehony.

Eo amin'ny fiarahamonina koa, dia azo lazaina fa mampanahirana ny olona izany satria ny fiainana aza efa manahirana azy ka izay hahamora zavatra no ataony. Koa tsy mahagaga raha tsy te hisahirana hanaja ny teny tsirairay koa ny mpianatra. Ary eo amin'ny resaka hevitra dia ampiasainy ho toy ny matoanteny amin'ny teny malagasy daholo na anarana na mpamari-toetra amin'ny teny frantsay.

Ohatra : - krizy (*crise*) be daholo ny olona ;

- mi-zesta (*geste*) ery ry zalahy.

Ary anehoan'izy samy tanora fampitan-kafatra ifanarahany ny fanafuhezana ny teny frantsay.

²⁹ « Quelques domaines, comme celui de la technologie, révèlent un certain nombre de vides terminologiques pouvant être remplis par des emprunts au français ou répertoire international ». (BABAULT (S), 2006 :196).

Ohatra : - raha *dem* (rahampitso-demain) ;
 - mi-*comp* (comprendre) ;

Fanampin'izany, hitan'izy ireo voatsindry kokoa ny tiany holazaina raha asongadina amin'ny teny frantsay izany.

Ohatra : - tena *grave* be mihitsy io ;
 - *sérieux* izany ;
 - tsy *important* io.

Tsoa-kevitra

Hita fa misongadina kokoa ny fampiasana ny teny frantsay atsofoka any amin'ny fehezanteny malagasy, rehefa miresaka ny mpianatra. Ary vokatry ny taratra atsidiky ny fiarahamonina, dia manan-danja aminy ny fanononana teny frantsay. Ka noho ny tsy fahafehezana ny fampiasana azy sy ny tsy fitiavana hisahirana amin'izany indrindra, no ampiasana izay teny frantsay hay rehetra hiaraka amin'ny teny malagasy, na dia tsy manaja ny fitsipiky ny teny tsirairay aza izany.

Tsapa amin'izany fa ny toe-tsaina mihitsy no mitondra ilay fitenenana satria mihevitra ny mpampiasa teny *bemiray* fa mampanan-danja azy ny fanononana teny frantsay na amin'ny fomba ahoana na amin'ny fomba ahoana.

FANDRAVONANA

Tsapa tamin'ny alalan'ny fanadihadiana sy ny fandinihana natao fa any amin'ny ambaratonga faharoa manokana no tena misongadina ny fampiasan'ny mpianatra teny *bemiray*, vokatry ny tsy fahafenoan'ny fahalalana azony hatrany amin'ny ambaratonga voalohany. Ny lesona tsy azony tamin'ny teny frantsay dia nianarany tsianjery ka potipotiny ny fahalalany. Te hisongadina anefa izy rehefa tonga any amin'ny ambaratonga faharoa manokana, noho izy miala sakana, ka izay tapatapany hainy sy henony mahazatra no apoipoitrany amin'ny teny *bemiray eny*. Hany ka mitombina amin'izy ireo tokoa ny hoe : “*ny tapany ihany no mikobana*”, satria hita taratra amin'ny fihetsiny ny fireharehany sy ny fiheveran-tena ho olo-mandroso.

Tsy mahafolaka ny teny malagasy akory izy ireo ka tsy manaja ny fitsipiky ny teny, tsy mahay manoratra, tsy mahavoaka hevitra, noho ny tsy fahampian'ny fanazarana hanoratra sy hiteny. Manampy troraka izany, ny fanazaran'ny fiarahamonina azy amina sehatra maro hiteny sy handre teny *bemiray*.

Mila vahaolana ny fahasimban'ny teny ka itodihana manokana ny fampianarana mba tsy hiraviravy tanana fa “*halohalika ny ranom-bary*”.

FIZARANA FAHATELO

**NY FIFANOHANAN'NY TARANJA
SAMY Hafa eo amin'ny
FAMPIASANA VOAMBOLANA
MANOKANA**


III . NY FIFANOHANAN'NY TARANJA SAMY Hafa EO AMIN'NY FAMPIASANA VOAMBOLANA

Manana andraikitra lehibe amin'ny famahana izay olana miseho amin'ny fihetsika sy ny fitenin'ny mpianatra ny fampianarana. Tsapa tokoa mantsy fa misy ny banga tokony hofenoina sy ny meloka tokony hahitsy eo amin'ny fampianarana izay manofana ny mpianatra, isan'ambaratongany. Koa ny fahitana ny tsy fahafolahan'izy ireo ny teny ampiasainy dia mampanontany tena tokoa mikasika ny olana momba ny teny eo amin'ny haifampianarana. Ka ny fitadiavana ny vahaolona mahomby amin'izany dia miainga any amin'ny fototra mihitsy, amin'ny alalan'ny fandalinana bebe kokoa ny fanabeazam-boho ny teny sy ny fifanoahan'ny taranja amin'ny fampiasana voambolana. Averinay indray fa tsy voavahanay daholo ny olana mahasahana ny teny *bemiray* izay miseho amina endrika maro satria tokony ho maro araka izany ny vahaolana azo atolotra saingy ny ezahinay haseho etoana dia ny famahana ny olana mikasika ny voambolana manokana ihany, ary ny voambolan'ny taranja jeografia no notsongainay tamin'izany. Hojerena tsirairay etoana ny momba ireo vahaolana ireo rehefa mazava ny olana mipetraka.

3.1. NY OLANA MOMBA NY TENY EO AMIN'NY FAMPIANARANA

Miainga avy amin'ny mpampianatra ny fampanjariana ny fampianarana ka miankina amin'ny fahafehezany tsara ny teny roa, dia ny teny frantsay sy ny teny malagasy, no hahatonga ny mpianatra hahafehy ireo teny ireo koa.

Araka ny telozoron'ny fampianarana, dia ny mpampianatra no tena manana andraikitra lehibe indrindra, na manoloana ny fahalalana, na manoloana ny fahaiza-mampita.



Ny fifandraisan'ny mpampianatra amin'ny fahalalana dia loharano hanovozany ny vontoatim-pahalalana ilainy. Ny fifandraisany amin'ny mpianatra

kosa no hampiharany ny fahafehezany ny fahalalana norantoviny, ny teny ampiasainy ary ny fampianarana.

Ipetrahana olana anefa matetika ireo fifandraisana ireo roa iankinan'ny haifampianarana ireo. Ny lehibe indrindra amin'izany dia tsy mahafehy ny teny frantsay ny ankamaroan'ny mpampianatra any amin'ny fototra, indrindra ireo mitana dingana maro miaraka ary mbola tsy azo antoka koa ny fahafolahany ny teny malagasy.

3.1.1. Olana eo amin'ny fifandraisan'ny mpampianatra sy ny fahalalana

Anisan'ny antoka mahalavorary ny fampianarana ny fananan'ny mpampianatra fahalalana ampy avy amin'ny fanovozany izany tsy tapaka amina sehatra maro. Mandalina sy manita-pahalalana ary mikaroka izy amin'izany mba hananany fahalalana ambony. Ny mpampianatra no ilaina hahafehy voalohany ny teny roa ampiasaina, dia ny teny malagasy sy ny teny frantsay mba hahafahany manofana ny mpianatra ho amin'izany koa. Ny olana anefa dia tsy mahafehy ny teny frantsay ny mpampianatra ary tsy azo antoka ny fahafolahany ny teny malagasy.

Ny tsy fahafehezan'ny mpampianatra ny teny frantsay

Maro amin'ireo mpampianatra any amin'ny fototra no te-hampivoatra ny fahalalany nefa tsy mahafehy ny teny frantsay ka tsy afa-manovo izany firy. Ireo tahirin-kevitra maro na fitaovana afa-mampivelatra sy manampy azy amin'izany mantsy dia saika amin'ny teny vahiny avokoa.

Tsy tafiditra ao anatin'ireo voalaza ho mahafehy teny roa ny ankamaroan'ny mpampianatra satria tsy mahafehy tsara ny teny frantsay izay teny faharoa ampiasaina eto amintsika ho teny enti-mampianatra izy ireo. Ary na nianatra teny frantsay sy mahay izany azy izy, dia tsy feno ny fahalalana entiny mampiasa azy.

Vokany, rehefa tsy maintsy mampiasa io teny frantsay io ihany izy, araka ny toromarika omena ny mpampianatra, dia ny teny malagasy (voambolana) no samboriny hamonjeny ny tsy fahaizany sy hameno ny tsy feno amin'ny fahalalany. Tsy ny teny frantsay ihany no olana fa hatramin'ny teny malagasy ihany koa.

Ny tsy fahafolahany ny teny malagasy

Mampiasa ny teny malagasy eo amin'ny andavanandrom-piainany ny mpampianatra satria io no teniny. Manoloana ny fivoaram-piainana sy ny fanatontoloana anefa, dia tokony hivoatra ihany koa ny teny. Tsy mbola ampy mpikaroka sy mpandalina anefa ny tenintsika ka tsy ampy ny voambolana maharaka ny zava-baovao mitranga ary sahirana ny mpampianatra hiteny malagasy ranoray. Koa na dia miezaka aza izy ireo hanaja ny teny malagasy mandritra ny taranja malagasy, dia ilay fotoana ampiasany ny tsy fahafehezana ny teniny amin'ny alalan'ny fampiasana teny *bemiray* amina taranja hafa sy amina sehatra hafa no betsaka kokoa ka mahazo vahana eo amin'ny sofin'ny mpianatra sy voarain'ny firetsiky ny sainy.

Araka izany, dia maivan-danja tahaka ny fahalalana azon'ny mpampianatra ihany ny fahalalana azony omeny ny mpianatra. Miteraka olana eo amin'ny fifandraisan'izy roa izany ary miseho amin'ny alalan'ny olam-pifandraisan'izy ireo matetika ny tsy fahalavorarian'ny fampianarana.

3.1.2. Olona eo amin'ny fifandraisan'ny mpampianatra sy ny mpianatra

Manana andraikitra lehibe hamaly ny hetahetan'ny mpianatra sy hameno ny banga misy eo amin'ny fiainam-pivoarany ny mpampianatra mba hirindran'ny fifandraisan'izy ireo, hoenti-mandavorary ny fampianarana, araka ny fanamafisan'i AVANZINI izany hoe : miteraka fifandraisana mifamaly eo amin'ny mpampianatra sy ny mpianatra ny ezaka ataon'ny mpampianatra hamaly ny hetaheta, ny faniriana ary ny filàn'ny ankizy.³⁰

Mitaky adidy goavana sy sitrapo tsara avy amin'ny mpampianatra izany. Na izany aza anefa, tsy izy irery no miantoka ny fifandraisana fa ilaina koa ny ezaka avy any amin'ny mpianatra mba hifamaly tokoa ny fandraisana. Koa raha misy ny olam-pifandraisana, dia samy tsy nahatontosa ny andraikiny ny andaniny sy ny ankilany.

Ny andraikitra tsy tontosan'ny mpampianatra

Na te hiezaka aza ny mpampianatra satria tiany ny mpianatra dia sarotra ho azy ny handavorary ny fampianarana amin'ny alalan'ny famaliana ny hetahetan'ny tsirairay sy ny fanampiana azy ireo tsirairay avy noho ny hamaroany.

³⁰ « Celles qui consistent à répondre aux attentes, désirs et besoins de l'enfant [...] impliquent donc une interaction entre maître et élèves. » (AVANZINI (G), 1996 : 121).

Koa mipetraka ho olana eo amin'ny mpampianatra eto amintsika matetika izany fandraisana ny mpianatra tsirairay izany fa atao amin'ny ankapobeny foana, tsy ho vitany mihitsy mantsy izay takina aminy noho ny mpianatra maro be ary na te hanampy manokana izay hitany ho tena mila vonjy aza izy, dia tsy hanaiky ny sasany (na ny ray aman-dreny sasany), satria samy mahatsapa ny tenany ho mila izany daholo. Hany ka na izy voatsara ho mitongilana ka hanampy mpianatra vitsivitsy, na mijery amin'ny ankapobeny foana manoloana ny rehetra mba tsy hisian'ny fanavakavahana.

Tsipahin'i VECCHI tanteraka anefa io fomba tsy manaraka ny tsirairay io, raha nanome torohevitra sy torolalana ho an'ny mpampianatra momba ny fanampiana ny mpianatra hahay hianatra izy. Tsy voatery hitovy velively aminy ny zavatra manahirana ny mpianatra, noho izany tokony tsy hitovy koa ny zavatra hazavaina na ny fomba fanazavana amin'ny tsirairay. Koa ny mpampianatra no tokony hiezaka hampifanaraka izay ataony amin'ny tsirairay.³¹

Sahirana ny mpampianatra manoloana izany ary hita fa tsy hahatototra ny banga ny ezaka ataony.

Manaraka izany, dia mampisy fiantraikany amin'ny fifandraisany amin'ny mpianatra ny fomba fisehon'ny mpampianatra manoloana azy ireo. Anisan'izany ireto tanisaina eto ireto :

a. ny fomba fitafy

Tokony ho ohatra itarafan'izy ireo fitondrantena tsara ny fitafin'ny mpampianatra ary tsy hanelingelina na hanaitaitra na hanafintohina azy ireo izany. Ny mpampianatra manao fitafy tsizarizary na mamoa fady, ohatra, dia tsy omen'ny mpianatra hasina sy haja, ary na ny zavatra ampianariny aza dia tsy ho voaray koa. Nefa ny miaingitra loatra koa dia mampihemotra azy hanisy elanelana (ambony loatra) tsy hanatona na hiresaka aminy.

b. ny fomba fijoro

Maneho hevitra avokoa ny fihetsika atao ary tsikaritry ny mpianatra izany. Raha mijaridina miatrana loatra ny mpampianatra dia atahoran'ny mpianatra ; raha mivokimbokina kosa izy dia toa tsy sahy misokatra amin'izy ireo

³¹ « Il (le maître) devra donc s'adapter à chacun des élèves dont il s'occupera, ceux-ci n'ayant pas forcément les mêmes difficultés, la même demande, ni la même approche méthodologique que leur voisin ». (VECCHI (G), 2004 : 26).

ka sahiny vazivazina. Fa raha mijoro miatrika tsara, dia hitany fa maneho fahavononana handray sy hifanakalo hevitra aminy.

d. ny fomba fijery

Na tsy miteny firy aza, milaza zavatra sy mampita hafatra ny fomba fijery. Ny fijery miridiridy, ohatra, dia maneho hasiahana ; ny fijery misompirana kosa na mangarika dia maneho tsy fifaliana na fihatsarambelatsihy ; ny fijery tony dia maneho halemem-panahy, ary ny tsy sahy mijery sy miondrikondrika, dia kanosa na saro-kenatra ka araraotin'ny mpianatra hanehoany ny ditrany.

e. ny fomba fiteny

Anisan'ny maha-tafita na tsia ny fampianarana ny fomba fitenin'ny mpampianatra sy ny fihetsiny rehefa miteny (mitsiky, manetsika tanana, mikentrona) ; ny haavon'ny feony (avo na iva, mafy na malemy, mavesatra na maivana, mikarantsana na mikasoka) ; ny fananany lantom-peo miovaova ka tsy mampatory fa manaitaitra ny sofina, fa ny feo tsy miova mihitsy kosa dia mampatory ; ary ny hafinganam-pitenenenana sy ny fomba fanonomanana dia manan-danja eo amin'ny fandraisana sy ny fahazoan'ny mpianatra izay ampianarina (miadana, antonony, haingana, mazava, miboredika, miankanankana).

Tsy dia ho lavorary eo amin'ny mpampianatra daholo akory ireo fa tsy maintsy mba misy ny hanaovana ezaka. Mampivoatra izay tsy mety izy rehefa tsapany izany fa hoe manimba ny fifandraisana amin'ny mpianatra, satria tsy ho hary miara-tomombana ao amin'ny olona iray ny soa sy ny tsara.

Ny andraikitra tsy tontosan'ny mpianatra

Anjaran'ny mpianatra ny miezaka handray izay ampianarina azy. Mitana toerana lehibe amin'izany ny asan'ny teny.

Ka tsy hotontosan'ny mpianatra ny takina aminy manoloana ny fampianarana raha tsy voahaja amin'ny maha-izy azy ny teny ampiasaina amin'izany.

Ny teny mantsy no fitaovana ampiasaina voalohany indrindra mba hifandraisana sy hifanakalozan-kevitra. Ary tsy voatery hiteny amin'ny vava vao afaka maneho hevitra, fa maro ny fomba azo anehoana azy : an-tsoratra, amim-peo, amin'ny fihetsika, amin'ny fomba fiseho sy fiaina, sns...

Eo amin'ny resaka fampianarana nefa dia ny miteny mampiasa ny vava no ifandraisan'ny mpampianatra sy ny mpianatra voalohany. Io teny io koa no iainan'izy ireo ao anaty fiarahamonina satria ifaneraserana ao : ny fiarahamonina

no mifidy izay fomba fiteny ifanarahany ampiasaina na dia tsy mahaja ny hasin'ny teny aza izany.

Koa tsikaritra fa ilay teny iainan'ny mpianatra any an-trano sy any amin'ny fiarahamonina dia tsy manampy azy hahatontosa ny fianarany, satria tsy manaja ny maha-izy azy ny teny. Sady tsy manampy azy hahay ilay teny enti-mpampianatra, dia ny teny frantsay no tsy mandrisika azy hampihatra tsara ny fahaiza-miteny malagasy ranoray, ilay tenim-pireneny manana ny maha-izy azy, fa dia ny teny mifangaro hatrany no mahazatra ny sofiny ; ny teny *bemiray* no efa rivotra iainany ka mahavantana ny vavany.

Sarotra ho azy ireo ny hamolaka ny fahazarany, ka na dia miezaka aza ny mpampianatra hampita ny fahaiza-mifehy ireo teny ireo amin'ny alalan'ny fampianarana ireo taranja samy hafa sy hanentana azy ireo hiteny tsara ara-pitsipika sy manaja ny maha izy azy ny teny tsirairay, dia tsy tontosa izany satria tsy mahazo toerana loatra manoloana ny teny *bemiray* izay efa mahenika ny fotoana sy ny habaka eo amin'ny fiainan'ny mpianatra, tsy mba toy ny any am-pianarana izay ampidirina amina fotoana kely voafetra sy amina sehatra voafetra (ao an-dakilasy). Fanampin'izany, kely ny fampiharana any am-pianarana, nefa ny any amin'ny fiarahamonina sy ny any an-trano dia ampiharina amin'ny sehatra maro midadasika sy amin'ny fotoana malalaka be tsy dia voafetra firy ka mahazo vahana sy miroborobo na dia tsy manabe tsara araka ny tanjona tiana hotratrarina amin'ny mpianatra aza.

Sahirana ny mpianatra ka na te hahatontosa ny andraikiny eo amin'ny fianarana ka hiezaka handray ny fampianarana, hahafehy ny teny malagasy sy ny teny frantsay aza, dia tsy tafavoaka satria voatery manovaova ny fomba fampiasana ny teny, ka rehefa eo amin'ny sehatry ny fiarahamonina sy any an-trano dia hafa fa teny *bemiray* no manjaka, rehefa tonga any an-dakilasy kosa dia manao ezaka hafa indray : miezaka mahafehy ny teny tsirairay tsy mifangaro. Ary tsy mety mifameno na mifanampy ny fampiasan'ireo sehatra roa ireo ny teny fa toa mifanohitra foana ka mampisavoritaka ny mpianatra.

Araka izany dia mipetraka ny olana eo amin'ny fifandraisana fahatelo, ny fifandraisan'ny mpianatra sy ny fahalalana.

3.1.3. Olana eo amin'ny fifandraisan'ny mpianatra sy ny fahalalana

Na eo aza ny fanampian'ny mpampianatra sy ny fiarahamonina, dia miankina amin'ny finiavan'ny mpianatra ny fahazoany fahalalana, satria anjarany ny manatevina sy mandalina izay voarainy ary mampihatra izany eo amin'ny

fiainany. Ny olana anefa dia tsy voarainy tsara ilay fahalalana, tsy hainy ny manatevina izany ary tsy afaka mampihatra izany izy matetika.

*Tsy voarain'ny mpianatra ny fahalalana
omena azy*

Koa raha ny resaka fahafehezana teny izany no asiana resaka, dia tsy voarain'ny mpianatra ny fahalalana. Eo amin'ny fahaizana ny teny frantsay izay teny ampiasaina amin'ny taranja maro, ohatra, dia tsy mety hain'ny mpianatra tsara na ho voafehiny tsara, hatrany amin'ny ambaratonga voalohany ka mipaka any amin'ny ambaratonga faharoa. Satria tsy toy ny teny vahiny no ampiaranana azy fa toy ny tenin-dreny ibeazana ; tsy nianarana ho teny ifandraisana fa nidirana amin'ny antsipiriam-pandinihana ny fianarana azy, amin'ny alalan'ny fitsipika sy ny fitanisana matoanteny ary fandrahana isan-karazany, izay tokony ho an'ny tompon-teny ihany.

Tsy hitan'ny mpianatra akory izay ilana izany eo amin'ny fiainany satria tsy hainy ampiasaina, tsy fantany ny fotoana tokony hampiasana azy sy ny fomba fampiasana azy, fa ianarany tsianjery fotsiny na tsy azony aza. Koa dia lasa fahazarana ihany ny fianarana ny teny frantsay fa tsy mety ho voafehy tsara. Vokatr'izany, tsy ifantohan'ny sain'ny mpianatra firy ny fianarana azy io satria tsy mahaliana azy, tsy mandretsika ny sainy velively ary tsy manaitra ny retsi-po kely akory ao aminy.

Eo amin'ny teny malagasy kosa, dia tsapany ho tranga miavaka ny fampiasana ny teny malagasy ranoray any an-dakilasy, satria tsy mahazatra azy amin'ny andavanandrom-piainany izany. Koa rehefa voatery ihany izy no mitandrina (fotoana fohy) fa very izany rehefa tapitra ny fe-potoana tokony hanehoana ny fahafehezana ny teny malagasy.

Ankoatra izany, dia tsy nozarina hikaoka ny mpianatra ka tsy hainy ny manatevina ny fahalalany.

*Tsy mahay manatevim-pahalalana ny
mpianatra*

Tsy nozarina hikaoka na hanita-pahalalana hatrany amin'ny ambaratonga I ny mpianatra ka lasa raiki-tampisaka ao aminy ny mionona amin'izay omena azy ihany. Ary na ampirisihina aza izy aty aoriana manolona ny fahafahana samy hafa manao izany, amin'ny alalan'ny vaky boky, fikarohana tahirin-kevitra, fijerena tendrilavitra, fanontaniana olona, dia efa tsy marisika amin'izany ny sainy. Hany ka na misy asa ampanaovina, toy ny asan-tsokajy, hanosehana azy hanao izany

aza, dia ny hanao izay hahavitan'ny asa fotsiny no masaka ao an-dohany, fa ny finjavana handalina na ny risi-po hiaroka dia tsy misy firy.

Ny any amin'ny ambaratonga voalohany mantsy dia tsy mba zarina hiaramiasa firy amin'ny alalan'ny fanaovana asan-tsokajy akory ny mpianatra, fa dia samy mikatroka amin'ny fianarana tsianjery izay omena azy ny tsirairay, na azony na tsy azony izany. Hany ka sahirana sy toa tratran'ny tery vaimanta ihany izy ireo rehefa tonga any amin'ny ambaratonga manaraka, indrindra any amin'ny ambaratonga faharoa manokana ; sadaikatra manontany olona, tsy zatra miditra amina tranom-boky, tsy tia mikaroka tahirin-kevitra na tsy liana amin'izany ary tsy mahay miara-miasa na mifandrindra hevitra akory.

Eo amin'ny fandalinana ny teny manokana koa, dia ny haino aman-jery izay tsy araky ny fahefa-manana loatra, no tena mahaliana ny mpianatra fa tsy tiany ny vaky boky. Koa manoloana izany, dia ny manan-katao ihany no mahavita mandalina kokoa ny fahalalany.

Ary na misy mandalina ny fahaizany momba ny teny ihany aza ny mpianatra sasany, dia tsy ampiasainy eo amin'ny fiainany akory izany.

*Tsy fahafahan'ny mpianatra mampihatra
ny fahalalany*

Anisan'ny manabe ny mpianatra ny fiarahamonina sady sehatra lehibe ivelany, anovozany fahalalana sy ampiharany izay azony amin'izany.

Koa manoloana ny fampianarana azon'ny mpianatra avy amin'ny fiarahamonina, izay manazatra azy hiteny *bemiray*, noho ny tsy fahaizana na ny tsy fanajana ny fepetra takin'ny fahafehezana ny teny tsirairay, ny teny frantsay sy ny teny malagasy, dia tsy sahy mampihatra izay nianarany tany an-dakilasy ny mpianatra fa manova fihetsika sy fiteny rehefa tonga any amin'ny fiarahamonina. Ary na misy aza ny miezaka hampihatra izay nianarany, dia tsy voarain'ny fiarahamonina akory izany fa na manafintohina azy, na tsy azony, na manahirana azy fotsiny izao, ka mihemotra ho azy ilay mpianatra.

Koa raha ny fahazarana no manimba ilay fahafehezana ny teny dia tokony ho fambolena fahazarana vaovao indray no entina manarina izany.

3.2. NY VAHAOLANA ENTI-MANARINA NY FITENIN'NY MPIANATRA

Ny fahazarana tiana hitombina tsara eo amin'ny mpianatra dia atomboka hatrany amin'ny fahakeliny. Noho izany, ny vahaolana arosonay etoana dia miainga any amin'ny fototra, any amin'ny ambaratonga voalohany. Matoa ny teny *bemiray* mantsy no mahavantana ny vavan'ny mpianatra tonga any amin'ny ambaratonga faharoa manokana, dia tany amin'ny fototra mihitsy koa no voa, dia ilay tsy fahafehezany ny teny roa, ary mbola ampian'ny tosikey ny fiarahamonina izay mahery vaika tokoa amin'ny resaka fampiasana teny *bemiray*.

Olana mipetraka mahatonga io teny *bemiray* io mantsy, na eo amin'ny mpianatra na eo amin'ny fiarahamonina, ny tsy fananana voambolana ampy hoenti-miteny malagasy ranoray na teny frantsay tanteraka tsy mifangaroharo. Koa zava-dehibe hanazarana ny mpianatra dieny mbola kely ny fandalinana bebe kokoa ny fanabeazam-boho ny teny manomboka any amin'ny ambaratonga voalohany ary tohizina any amin'ny ambaratonga manaraka. Koa na efa misy ihany aza ilay fanombohana any amin'ny ambaratonga voalohany, dia hita fa tsy ampy satria mbola mijanona amin'ny resaka hevi-teny sy ny teny mitovy hevitra ihany izany.

Ary dia ampiarahina amin'io fandalinana momba ny fanabeazam-boho ny teny io ny fampidirana fahazarana hampiasa ny voambolana ampianarina mba hahazo faka ao amin'ny mpianatra ka hahavantana ny vavany amin'ny ilany azy.

Zava-dehibe mantsy ny fahazarana manoloana ny fampiasana ny teny. Ary momba tanteraka izany soso-kevitra izany i HAGEGE raha nanoro hevitra hoe : tsy maintsy ampianarina dieny mbola kely, ny resaka voambolana ny ankizy mba hisosa eo am-bavany ny fampiasany izany, ary ianarana fa tsy tonga ho azy io fisosan'ny vava io.³²

Fa fitaovana manamora ny firoson'ny mpianatra ara-pahalalana ny fahazarana.

Koa mba hahavantana ny vavan'ny mpianatra ny voambolana tokony hampiasainy, dia tsy maintsy azony tsara aloha izany amin'ny alalan'ny fampianarana azy lalindalina kokoa ny resaka fanabeazam-boho ny teny. Mila manana paika ny mpampianatra amin'izany.

³² « Il faut enseigner dès le début aux enfants les automatismes lexicaux [...] ces automatismes ne peuvent être déduits, et l'on a d'autre choix que de les apprendre. » (HAGEGE (C), 2005 : 62).

3.2.1. Ireo paika samihafa handentehana voambolana

Miroso manaraka ny fivoaran'ny toetrandro ny zava-misy maro, anisan'izany ny fahalalan'ny mpianatra. Koa na mbola kely aza izy dia tokony tsy hajanona fotsiny amina fahalalana tsy ampy.

Eo amin'ny resaka fanabeazam-boho ny teny, ohatra, dia tsy ampy intsony ampiasain'ny mpianatra any amin'ny ambaratonga voalohany ny fanafosafoana ny hevitra amin'ny alalan'ny hevi-teny sy ny teny mitovy hevitra fotsiny.

Satria na mbola kely aza izy, dia efa afaka maneho hevitra. Koa raha maty paika ny fanazarana azy amin'ny fahalalana voambolana, dia havesa-danja ny fanajana ny teny ampiasainy ary ho resy ihany ny fampiasana teny *bemiray*.

Noho izany, tokony hampianarina ny mpianatra ireo lafin-kevitra samy hafa ananan'ny teny iray isaky ny fiovan'ny seha-pitenenana (isaky ny sehatra ampiasana azy). Satria misy ny teny miova hevitra isaky ny miova sehatra itenenana azy. Ohatra, raha hampiasa ny teny hoe *mafana*, dia resaka maripana no heviny raha ny mpijery toetr'andro no milaza azy ; fa *tsy milamina* kosa no heviny raha ny resaka *fiainam-pirenena* no tenenina.

Ka rehefa azo sy hay mampiasa amin'ny ilana azy ny teny manana hevitra maro, dia tsy sahirana na mila vonjy mindrana teny frantsay, hampiasa teny *bemiray* ny mpianatra rehefa maneho hevitra.

Ny voambolana fampiasa mahazatra matetika no maro rantsan-kevitra misandrahaka amina sehatra maro azo ampiasana azy mitaha amin'ny voambolana manokana.

a - Paika 1 : Voambolana fampiasa mahazatra

Amin'ireo voambolana fampiasa mahazatra eo amin'ny fiainana andavanandro, dia misy ireo teny mitovy hevitra samy azo ampiasaina sy isafidianana.

Ohatra :

- ny teny hoe *kanto* dia manana teny maromaro mitovy hevitra aminy, toy ny hoe *tsara, meva, raitra, soa, lafatra, manja, mahafinaritra, mahafatifaty, mahasondriana*;

- ny teny hoe *tezitra* dia mitovy hevitra amin'ny hoe *sosotra, vinitra, meloko, mahinihiny*.

Azo hazavaina amin'ny alalan'ny fanazavana hevi-teny tsirairay koa ireny voambolana fampiasa mahazatra ireny.

Ohatra :

- ny teny hoe *kanto* dia manana hevitra hoe tsara, voakaly ka mambabo ny fo sy ny saina.
- ny teny hoe *tezitra* dia midika hoe tsy faly, ka mety miseho amin'ny fihetsika izany, mety miseho amin'ny fiteny.

Misy amin'ireo teny misandrahaka amina lafin-kevitra maro arakarakany ny sehatra ampiasana azy ireo, toy ny efa hitantsika tamin'ny teny hoe *mafana*, no azo dinihina misimisy kokoa satria mety hanana hevitra mahatratra hatramin'ny 14 na mihoatra, isaky ny miova seha-pitenenana. Raisintsika ny teny hoe *mafy* mba ho ohatra amin'izany.

Fafana 12 : Fafana maneho ny hevitra misandrahaky ny voambolana hoe *mafy*

	Ny toe-javatra ampiasana ny voambolana <i>mafy</i>	Hevitra raketiny amin'izany
M	- ny fianarana	- hasarotana
	- ny hena	- fahenjanana, tsy fahamasahana
	- ilay hazo	- fahatezana
	- io vehivavy io	- haranitra ny saina
	- ny fiainana	- halafosan'ny vidin-javatra
A	- ny fahoriana	- vesatra ara-panahy
	- io tarika io	- fahaizana
	- io mpibata fonjam-by io	- tanjaka
F	- io lalàna io	- fideza
	- izay orana izay	- habetsahana
	- ilay rivotra halina	- hery
Y	- ny feonao	- haavo
	- ny vato	- hamafisana
	- fo ianao	- fihetseham-po.

Ankoatra izany, dia azo dinihina amin'ny ambaratongan-keviny ireny voambolana fampiasa mahazatra ireny, ka itrandrahana ireo teny rehetra

manodidina azy, mahasahana hevitra iray ka ny heriny sy ny hamafiny no maha samy hafa azy fa ny sehan-kevitra iray ihany (misy dingam-pivoaran-kevitra).

Ohatra :

- amin'ny hevitra ny teny hoe *mafana*, dia misy voambolana maneho ny dingana sy fahasamihafana amin'izany. Ka na samy ao anatin'ny sehan-kevitra ny *hafanana* aza ny *mahamay* sy ny *mandoro* dia misy maha-samy hafa azy (tsy mitovy ny heriny).

Ireto, ohatra, misy voambolana maneho izany dingan-kafanana izany :

Mafana → *mahamay* → *mandoro* → *mangorivitsika* →
mangotraka → *mandevy*

- Toy izany koa ny voambolana mifanohitra aminy, dia ny teny hoe *mangatsiaka* izay manana voambolana manodidina ny seha-kevitra ny *hatsiaka*, manaraka ny dingan'ny hamafisan'izany toy izao :

Mangatsiaka → *mamanala* → *mamanara* → *antaravelona* →
mamirifiry → *mahangoly*.

Manampy ny mpianatra hahazo hevitra sy tsy hisalasala hamoaka ny heviny, amin'ny alalan'ny fampiasana teny malagasy ranoray, ny fahalalana trandrahiny avy amin'ny fanabeazam-boho ny teny. Koa dia ialany tsikelikely arakaraka ny fitombon'ny voambolana ananany ny teny *bemiray* na *safiotra*.

Manoloana ireny voambolana fampiasa mahazatra ireny, dia misy koa ny voambolana manokana izay tsara hanazarana ny mpianatra mba hampiasany azy toy ny voambolana mahazatra.

b. Paika 2: voambolana manokana

Ny voambolana manokana dia ireo voambolana tsy fampiasa mahazatra ka tsy mahavantana ny vava, satria fampiasa any amina sehatra siantifika sy tekinika ary fandalinana samy hafa. Toy izany, ohatra, ny voambolana fampiasa amin'ny jeografia. Ka ny fahalalan'ny mpampianatra sy ny mpianatra ny fisian'izy ireny, dia efa dingana iray hirosoana amin'ny ezaka hampiasana azy ka tsy anaovana teny *bemiray*.

Marina fa mbola vitsy izany voambolana manokana izany amin'ny teny malagasy, noho ny tsy fahampian'ny fikarohana, nefa azo ampiasaina kosa ny efa misy ka tsara fantarina ireny. Efa nisy ihany mantsy ireo nanao ezaka

fikarohana ka namoaka voambolana manokana, izay vaovao amin'ny sofina ihany raha tsy ampiasaina matetika mba hahavantana ny vava.

Amin'ny taranja jeografia, ohatra, dia efa niezaka namoaka voambolana ampiasaina ny B.E.P / O.T.E.P. sy ny F.T.M.³³ ary ireo mpandalina sasany toa an-dry RAMANAMBELINA, saingy sady mila ampahafantarina ny mpianatra ireny mba hampiasainy no mila tohizina ny famokarana voambolana.

Indreto misy santionany vitsivitsy amin'izany vokatra efa misy izany:

Fafana 13 : Fafana maneho ny voambolana manokana vitsivitsy mikasika ny jeografia

Teny frantsay	Teny malagasy.		
	RAMANAMBELINA	F.T.M	B.E.P./ O.T.E.P
paysage	endritany		tany taka-maso
vallée		lohasaha	tany enelanelana tendrombohitra roa
cours d'eau	koriandrano	renirano	fitambaran'ny renirano, ony, zanadrano, sakelidrano.
rivière	renirano	ony	renirano mivarina any amin'ny ony
fleuve	ony	onibe	ony, renirano midadasika
ruisseau		sakelidrano, sakasaka	sakelidrano
forêt dense	kitrokala		

³³ B.E.P./O.T.E.P / Bureau d'Etudes des Programmes/Organismes Techniques d'Etudes des Programmes - F.T.M. : Foiben-Taosarintanin'i Madagasikara, *Voambolana frantsay-malagasy fampiasa amin'ny sarintany sy jeografia*, Antananarivo, 1988.
RAMANAMBELINA (H), *Préalables à l'élaboration d'un vocabulaire bilingue de géographie pour un usage à l'école primaire*, 2006.

Tsoa-kevitra

- Ny voambolana amin'ny teny frantsay sasany, toy ny hoe : *paysage*, *cours d'eau*, *vallée*, dia mbola tsy nahitan'ny B.E.P./ O.T.E.P voambolana manokana tamin'ny fotoana namoahany ireo voambolana ireo fa napetrany ho famaritana ihany aloha izany, araka ny hita eo amin'ny fafana.

- Misy voambolana manokana roa samy hafa ilazana ny *cours d'eau* ireo ka ny hoe *koriandrano* no mety kokoa, satria ny *renirano* dia efa voatokana ilazana ny hoe *rivière*. Noho izany, tsy *ony* toy ny natolotry ny F.T.M ny *rivière* fa natokana ho an'ny *fleuve* ny hoe *ony*, araka ny nasehon'ny fafana : izy telo samy nampiasa ny *ony* ilazana ny *fleuve*, na dia tsy tena mitovy aza ny fomba nanehoany azy, fa ny F.T.M nanao hoe *onibe* ary ny B.E.P / O.T.E.P nanampy hoe *renirano midadasika*.

Araka izany, tsy mora ny fandraketana voambolana manokana ary tsy ataotao foana izany fa ezahina ho mora azo, fohy ary hahavantana ny vava, amin'ny alalan'ny fananana paika fanatanterahana azy.

Paika fandraiketana voambolana manokana

Mba ho azon'ny mpianatra tsara ny voambolana vaovao atolotra azy ka hampiasany izany mora foana sy hahazatra azy, dia ilaina ny fampiasana paika fandraiketana mba hifanaraka amin'ny haavon'ny sain'ny mpianatra.

Anisan'ny fitaovana enti-mamolavola ny famokarana voambolana manokana, ohatra, ny fanazavana hevi-teny sy ny famaritana atolotry ny rakibolana. Koa ezahina mba ho teny tokana na andianteny fohy izany voambolana izany.

Koa atao izay hahazoany azy amin'ny alalan'ny fanehoana aminy ny teny fampiasa mahazatra mifamatotra amin'ilay voambolana vaovao, fa rehefa azony izany, dia ampiasainy ary hahavantana ny vavany.

Manamafy izany i RONDEAU raha naneho fa tsy mandeha irery na azo atokatokana akory ny voambolana manokana fa atao anaty fehezanteny maneho ny hevitra mifamatotra aminy sy ny sehatra ampiasana azy³⁴.

Paika fampiarahana ny voambolana

manokana amin'ny hevitra mifamatotra aminy

Satria ny olona dia efa manana hevitra ao an-dohany eo am-pahitana zavatra iray, ka amin'ny ny fikarohany haingana ny teny ilazany azy, dia izay

³⁴« Un terme ne peut pas être considéré isolément, il se présente toujours relié à un ensemble sémantique ». (RONDEAU (G), 1984 :19).

tonga aloha ao an-tsainy no avoakan'ny vavany, na ny teny frantsay ny ny teny malagasy. Izany koa no mahatonga ilay hoe mahavantana ny vava, fa izay mora azo no voasambotra voalohany. Koa ezahina ny hananan'ny mpianatra voambolana amin'ny teny malagasy mahavantana ny vavany, mba tsy ho ny teny frantsay foana no voaromboka sy tonga ao an-tsainy malaky ka mahatonga ilay teny *bemiray*. Hamafisin-dRatiaray izany amin'ny filazany fa ny teny frantsay no tonga malaky ao an-tsain'ny ankizy zanaka malagasy eo am-pahitany ny tontolo manodidina azy.³⁵

Izany dia noho ilay fahazarana nomena azy hatrany am-boalohany (vao nanomboka nianatra) hahalala sy hampiasa ny voambolana amin'ny teny frantsay, sady efa taorian'izany fahalalana izany, vao naroso taminy ireo voambolana manokana maro amin'ny teny malagasy izay tena manavao ny sofiny sy ny vavany tokoa.

Toa mahantra voambolana izy ireo rehefa miteny ka mindrana hatrany ny teny frantsay. Izany indrindra no anaovana ezaka manokana amin'ny fanazarana azy ireo hampiasa ny voambolana malagasy ho eo am-bavany avy hatrany isaky ny miteny ka ezahina amin'izany izay hahazoan'izy ireo ilay voambolana mora foana, hahavantana ny vavany.

Koa ny fampiarahana ilay voambolana amin'ny teny fampiasa mahazatra mifamato-kevitra aminy, dia ahazoany azy mora foana. Ny fahitany ilay teny efa mahazatra azy mantsy no mandretsika ny sainy hahazo avy hatrany ny hevitra asehon'ilay voambolana, ka ho mora ho azy ny hampiasa izany. Ohatra, amin'ny teny hoe *koriandrano* izay ilazana ny *cours d'eau*, dia toa sarotra raisina fa miretsika avy hatrany kosa ny saina hahalala ny heviny raha vao ampiarahana amin'ny teny mahazatra mifamatotra aminy hoe *mikoriana midina hatrany ny rano* sy ny hoe *misy ny rano kely mikoriana, misy ny korian-dranobe, misy ny rano mianjera ho riana*. Koa raha vao miretsika amin'ilay teny hainy ny sainy, dia tonga ho azy mibosesika (ao an-tsainy) izay teny rehetra manodidina io teny io, toy ireo teny mifamato-kevitra sy iray sahan-kevitra aminy. Ohatra, raha mampiasa ny voambolana manokana hoe *lentikandro*, ilazana ny *coucher du soleil* na *soleil couchant*, ampiarahina amin'ny teny mifamatotra amin'ny *lentika* hoe : *milentika ny masoandro*, dia tonga ao an-tsaina daholo ny hevitra rehetra manodidina izany, toy ny hoe : *masoandro mody, mody masoandro, hariva mena masoandro*,

³⁵ "Les enfants malgaches conceptualisent leur environnement beaucoup plus avec leur langue seconde qu'avec leur langue maternelle". (RATIARAY (S.), 1997 : 445).

faravodilanitra, sy ny teny rehetra iray fototra amin'ny *lentika*, toy ny : *ilentehana*, *milentika*, *mandentika*, *tafalentika*, *alentika*, ...

Manamafy izany ny fandinihana nataon'i Saussure momba io fifamatoran-kevitry ny teny io ka nilazany fa misy trangam-pifandraisana toy izao amin'ny teny : raha vao atranga ny teny iray, dia tonga misesy ao an-tsaina daholo ny teny mifandray sy mifamato-kevitra aminy rehetra.³⁶

Ny ohatra nasehony tamin'zany moa dia izao : raha vao miresaka momba ny fanasitranana, dia tonga ao an-tsaina daholo ny hoe *mpitsabo*, *mpanasitrana*, *mpanao ody*, *ombiasy*, *mpisikidy*. Koa mba hampazava bebe kokoa ilay paika tiana aseho amin'ny famoronana voambolana manokana, dia indreto misy ohatra amin'ny voambolana fampiasa amin'ny jeografia novokarina mpikaroka :

Fafana 14 : Fafana maneho ny fampiasana ny voambolana manokan'ny taranja jeografia ao anaty fehezanteny hahazoana azy haingana

Teny frantsay	Teny malagasy	Santionany amin'ny fampiasana azy
volcan	afotroa	Mitroatra ny afotroa dia mipoaka ary maty izy amin'ny farany.
chaîne de montagnes	tandavan-tendrombohitra	Milahatra mitomandavana no fitazana ireo tendrombohitra marobe.
pente	kisolosolo	Mikisolosolo mampianjera ny tany tsy marina.
forêt dense	kitrokala	Mikitroka feno hazo ilay ala ka maizina ao anatin'ny.
érosion	kaotany	Mikaoka ny nofontany ny rivotra sy ny rano ka mahalany azy.

Ka ny teny hoe *afotroa* dia ampiarahina amin'ny teny mifamatotra aminy hoe *mitroatra* mba ho mora azo ; ny *tandavan-tendrombohitra* ampiarahina amin'ny *tendrombohitra mitomandavana* ; ny *kisolosolo* ampiarahina amin'ny *mikisolosolo* ; ny *kitrokala* ampiarahina amin'ny *mikitroka* ; ny *kaotany* ampiarahina amin'ny *mikaoka* ; mba ho tonga dia voarain'ny mpianatra ny hevitra sy ny tian'ilay voambolana aseho.

³⁶"La somme des rapports avec les mots que l'esprit associe aux mots présents, c'est une série virtuelle, une série formée par la mémoire,...", (Ferdinand de SAUSSURE, 1991: 174), cité par RATIARAY, p 61

I Nicolas GIAMBRONE koa, ohatra, dia nampiasa voambolana manokana hafa, ao amin'ilay boky fianarana jeografia *Ny Nosintsika* nosoratany tamin'ny taona 1975. koa indreto ny santionany amin'izany :

Fafana 15 : Fafana maneho ireo voambolana manokan'ny jeografia hafa sy ny fampiasana azy anaty fehezanteny

Teny frantsay	Teny malagasy	Santionany amin'ny fampiasana azy
gorge	hadilalina	<i>Mandavaka lalina</i> ny lohasaha ho toy ny <i>hady</i> ny koriandrano.
couloir	vozon-tany	Mampitohy lohasaha roa toy ny <i>vozona</i> mampitohy ny loha sy ny vatana io toerana teritery io.
lave	vatomiempo na taim-bolokano	<i>Miempo ny vato</i> mahamay ka lasa toy ny ranoka marihitra mikoriana Mipoaka ny volokano ka mipitika ny <i>taim-bolokano</i> .

Ka ny *hadilalina* dia azo kokoa rehefa ampilaharina amin'ny hoe *mandavaka lalina ho lasa hady* ; ny *vozon-tany* dia milahatra amin'ny hoe *toy ny vozona mampitohy toerana* ; ny *vatomiempo* ampilaharina amin'ny hoe *miempo ny vato* mba hazava avy hatrany.

Araka izany, dia tarihina amin'izay efa hainy sy mahazatra azy hatrany ny mpianatra ka ampifamatorina amin'ny teny mahazatra azy sady fototra nanorenana azy foana ilay voambolana manokana mba handretsika ny sainy hahazoany izany mora foana, na eo amin'ny hevitra izany na eo amin'ny fampiasana azy.

Tsapa tokoa fa mora tadidina ary mora raiketina ao an-tsaina ny voambolana miaraka amin'ny teny mifamatotra ara-piforonana aminy (avy amina fototeny iray) satria mampazava azy bebe kokoa. Sarotra kokoa mantsy ny mitadidy voambolana tsy misy ifandraisany ara-piforonana amin'ilay sahan-kevitra asehony. Ohatra, amin'ny voambolana hoe *tavy* dia tsy misy ifamatorany ara-piforonana mihitsy amin'ny fampiasana azy ara-kevitra hoe : *mamboly voninkazo anaty tavy izy*, izany hoe tsy misy ifandraisan'ny *tavy* amin'ny *mamboly* mihitsy.

Noho izany, mila fanoitra hanetsika ny sainy ny mpianatra amin'ny alalan'ny fahitany ny teny mifamatotra amin'ilay voambolana mba hahazoany izany mora foana sy avy hatrany. Rehefa azony mantsy izay voambolana vaovao

ampianarina azy, dia tsy hisalasala izy hampiasa izany amin'ny sehatra rehetra mety hampiasana izany.

Ary raha samy mahazo ny mpianatra ka samy mampiasa ilay voambolana, dia ho voateny sy ho re matetika izany teny izany ka farany lasa mahavantana ny vava sy mahazatra ny maro. Koa ilay fahatetehan'ny fandrenesana sy ny fitenenana azy dia efa fanoitra mandretsika ny fitadidiany ihany koa.

Fomba iray hahatomombana io fahatetehan'ny fandrenesana sy fitenenan'ny mpianatra ny voambolana tiana hampiasainy io ny fifanohanan'ny taranja amin'ny fampiasana voambolana.

3.2.2. Paika fampifanohanana taranja amin'ny fampiasana voambolana

Anisan'ny paika enti-manazatra ny mpianatra handre sy hampiasa ny voambolana manokana amin'ny sehatra tokony hampiasana azy ny fifanohanan'ny taranja amin'ny fampiasana voambolana ka rehefa voafehiny izany dia tsy hila vonjy any amin'ny teny *bemiray* intsony izy.

Manazatra azy amin'ilay voambolana ny fahitany io teny io amina taranja samy hafa. Ary na dia tsy ambara aminy aza hoe efa hita io teny io tany amin'ny taranja hafa, dia hotsikariny avy hatrany satria mandretsika ny fitadidiany. Koa raha miseho matetika io retsika io noho ny fitrangan'ilay voambolana amina taranja samy hafa, dia ho zatra ny mpianatra ary tsy apetrany io fa ampiasainy eo amin'ny fiainany. Any an-trano, ohatra, dia izy no hanazatra ny olona hampiasa izany voambolana izany. Ary raha maro ny mpianatra tafita amin'io paika io, dia hiparitaka ho azy eny amin'ny fiarahamonina, ho zary fampiasa ilay voambolana.

Koa any amin'ny ambaratonga voalohany, dia ho mora kokoa ho an'ny mpampianatra ny fandrindrana ilay fifanohanan'ny taranja amin'ny fampiasana voambolana satria izy no misahana ny taranja rehetra ka mora ho azy ny mandamina ny lohahevitra isa-taranja hiara-dalana ampiasana ireny voambolana manokana tiana hahazatra ny mpianatra ireny.

Ny any amin'ny ambaratonga hafa no manahirana raha vao tsy mahay miara-miasa sy mifanara-kevitra ny mpampianatra, satria samy hafa, amin'ny ankapobeny ny mpampianatra isa-taranja. Eo amin'ireo mpampianatra ny teny frantsay sy ny teny malagasy, ohatra, dia tsapa fa samy miolon-ko azy izy ireo, hany ka tsy mifampiteraka mihitsy ireo taranja ireo.

Na izany na tsy izany, miainga any amin'ny fototra ny fananganana tiana hajoro, dia ny fizarana ny mpianatra hifankazatra amin'ny voambolana manokana sy hahatsapany fa manana voambolana izy fa tsy mila mindrana ka ialany dieny

mbola kely ny fampiasana teny *bemiray* (ho afaka amin'io izy rehefa tonga any amin'ny ambaratonga faharoa.

Koa horaisina ho ohatra haseho mivantana eto ny fanohanan'ny taranja malagasy sy ny taranja frantsay ny taranja jeografia, amin'ny fizarana ny mpianatra hifanerasera amin'ny voambolana manokana fampiasa any amin'ny jeografia, ao amin'ny kilasy fahasivy, any amin'ny ambaratonga voalohany, manaraka ny paika fampilaharana taranja toy izao :

- 1- Fampilaharana ny tanjon'ny taranja mba hifandrindra ;
- 2- Fifampifamenoan'ny taranja samy hafa amin'ny fampiasana voambolana manokana ;
- 3- Fanatanterahana.

Ny fijerena tsirairay ireo no hampazava azy misimisy kokoa.

Fampilaharana ny taranja

Azo ampifandraisina sy ampifamenoana ny taranja rehetra, araka ny fandrindrana sy ny fampianarana tian'ny mpampianatra hifanohanan'izy ireo. Ka rehefa voarindra tsara ny taranja hifanohana, ohatra eo amin'ny fampiasana voambolana, dia ampilaharina ny tanjon'ireo taranja mifanohana amin'izany.

Fafana 16 : Fafana maneho ny tanjon'ny taranja mifanohana

jeografia	malagasy	français
Ny fampianarana dia mitondra ny mpianatra :		
-hahay ireo fahalalana fototra momba ny toerana amin'ny alalan'ny fametrahana ny fifandraisan'ireo singa eo aminy, toy ny vohontany, ny toetrandro, ny zavamaniry, ny mponina -hahazo ny fifandraisan'ny olona sy ny toerana misy azy ; - ho tonga saina amin'ny olona misy eo amin'ny toerana sy ny tontolo iainana.	-hahay mikirakira sy mampiasa ny teny malagasy amin'ny maha-fitaovam-panehoan-kevitra azy. -ho afaka misokatra amin'ny haren-tsain'ny hafa ; hahalala ny kolontsainy sy ny rafi-pisainany ; -ho matotra eo amin'ny fifampikasohany amin'ny hevitra samihafa.	-utiliser la langue comme outil d'apprentissage et de communication ; -contribuer à l'épanouissement de l'enfant et au développement de sa culture et de sa formation -initier l'élève à comprendre des textes à caractères généraux et scientifiques.

Tsoa-kevitra

Hita fa mifandrindra ny tanjon'ireo taranja telo ireo satria ny fahaizana ireo fahalalana fototra takina ao amin'ny taranja jeografia, dia mifanitsy ilay fahaizana mikirakira sy mampiasa ny teny ao amin'ny taranja malagasy. Ka ireo fahalalana fototra azony tamin'ny taranja jeografia ireo, dia azony ampiasaina sy kirakiraina any amin'ny fanehoan-kevitra amin'ny taranja malagasy. Ny fahazoana ny fifandraisan'ny olona sy ny toerana kosa, dia mifandrindra amin'ny fahafahana misokatra amin'ny haren-tsain'ny hafa sy ny fahalalana ny kolontsaina amandafi-pisainana / à l'épanouissement et au développement de sa culture et de sa formation ; ary ny fahatongavan-tsaina dia mifampitaha amin'ny fahamatorana ara-kevitra / initier à comprendre.

Rehefa hita fa afa-mifandrindra ny fampianarana ny taranja, dia fidina ny lohahevitra tiana hifanohana, ohatra eo amin'ny lafiny voambolana. Ny lohahevitra isanisany moa dia samy manana ny tanjony izay azo ampilaharina koa.

Fampilaharana ny lohahevitra

Zava-dehibe eo amin'ny fampitana ataony mpampianatra ny fijerena ny lohahevitry ny taranja tsirairay sy ny fananany angom-pahalalana ampy momba izany ka ahafahany mandrindra ny fifanohan'ny taranja eo amin'ny fampiasana voambolana. Toy izao, ohatra, ny fandrindrana ny lohahevitry ny taranja jeografia sy malagasy ary frantsay ao amin'ny kilasy fahasivy :

Fafana 17 : Fafana maneho ny tanjon'ny lohahevitra

jeografia	malagasy	français
Lohahevitra : Ny endritany	Lohahevitra : Ny tontolo iainana	Thème : Le village
<u>Fahalalana</u> mpianatra mahalala :		<u>Savoir</u>
-ireo singa mandrafitra ny endritany : ny tendrombohitra, ny havoana, ny lohasaha, ny lemaka, ny koriandrano ; -ny koriandrano : ny loharano, ny sakelidrano, ny renirano, ny ony,... -ny koriandrano sy ny fampiasana azy.	-ireo teny mikasika ny tontolo iainana (fanabeazam-boho) ;	-les éléments constitutifs -les mots pour localiser un endroit ;
<u>Fahaiza-manao</u> mpianatra mahay :		<u>Savoir-faire</u>
-manavaka ireo singa tsirairay ireo ; -maneho ny fampiasan'ny olombelona ny tendrombohitra, ny havoana, ny lemaka, -manoritsoritra an- tsoratra (tononkalo) endritany iray ; -mamaritra ny toeran'ireo koriandrano eo amin'ny endritany -manavaka ny zotra iantefan'ny koriandrano tsirairay ; -manavaka ny karazany -maneho ny fampiasana ny koriandrano	-mitanisa ireo endrika samihafa mamaritra ny tontolo iainana ; -mampiasa ireo voambolana momba ny tontolo iainana ; -mamokatra fehezanteny	-observer les objets réels, images, photos et reconnaître un village par les éléments constitutifs ; -énumérer les noms de ces éléments ;

	ampiasana ireo teny nobeazim-boho.	-utiliser ces mots dans une phrase.
--	------------------------------------	-------------------------------------

Fanamarihana

- Afaka mifidy izay sahanasa mifanaraka amin'ny sehatra misy azy ny mpampianatra.

- Amin'ny teny frantsay ny lesona jeografia ka ny fanohanan'ny taranja malagasy sy ny taranja frantsay amin'ny fampiasana ny voambolana manokana ampiasaina amin'io taranja siantifika io amin'ny teny malagasy sy amin'ny teny frantsay, dia mba hahatonga ny mpianatra hahafolaka ny voambolana amin'ny teny roa, ka ialany amin'ny fampiasana teny *bemiray*.

Ary maro amin'ireny voambolana manokan'ny taranja jeografia ireny no azon'ny taranja malagasy sy ny taranja frantsay avoitra amina lafin-javatra samihafa, itrandrahana ny fampianarana.

Ohatra :

Fafana 18 : Fafana maneho ny voambolana manokan'ny taranja jeografia

Teny frantsay	Teny malagasy	Lafiny azo ampiasana azy amin'ny taranja malagasy sy frantsay
- montagne	- tendrombohitra	-kolontsaina (toerana masina sy toeran'andriana, ny toerana avo toy ny tendrombohitra)/ descriptions, énumération des lieux du village.
- plaine	- tany lemaka	-famokarana (mamokatra kokoa ny tany lemaka) / expressions
- paysage	- endritany	-kanto (fanehoana ny hatsaran'izay tazanina) / réciter des poèmes

Tsoa-kevitra

Azo arindra hifanaraka amin'ny singa mandrafitra ny lesona momba ny *endritany* amin'ny taranja jeografia ny teny ianarana mikasika ny *tontolo iainana* amin'ny taranja malagasy sy mikasika ny *village* amin'ny taranja frantsay. Ary ny fanavahana ny singa ao amin'ny jeografia dia mifanitsy amin'ny fitanisana ireo endrika samihafa mamaritra ny *tontolo iainana* ; ny fanoritsoritana ny *endritany* dia mifandrindra amin'ny fampiasana voambolana momba ny *tontolo iainana* sy ny *village* ; ny fanehoana ny fampiasana *koriandrano* dia mifanaraka amin'ny fampiasana fehezanteny amin'ny taranja malagasy sy frantsay.

Fifampifamenoan'ny taranja samy hafa

amin'ny fampiasana voambolana manokana

Manana ny voambolana manokana ampiasainy ny taranja jeografia, mikasika ny lohahevitra *endritany* izay azon'ny taranja malagasy avoitra amin'ny fianarana literatiora sy riba, azon'ny taranja frantsay averimberina any anaty dialogue, poème, texte, sns...

Ohatra, raha mianatra ny vohontanin'i Madagasikara amin'ny taranja jeografia, dia misy fahalalana voambolana amin'ny teny frantsay sy amin'ny teny malagasy azo anazarana ny mpianatra any amin'ny taranja malagasy sy frantsay, toy izao :

Fafana 19 : Fafana maneho ny fahalalana takina amin'ny mpampianatra momba ny vohontanin'i Madagasikara

Teny malagasy	Teny frantsay
Ny vohontanin'i Madagasikara Madagasikara dia firenena be tany avo voahodidina <u>tany lemaka</u> : ny antsasaky ny nosy dia manana haavo mihoatra ny 500m. Misy <u>tendrombohitra</u> vitsy mihoatra ny 2000 m : any Avaratra (Tsaratana : 2886 m) sy Anivontany (Tsiafajavona : 2643 m) Ny endrik'i Madagasikara dia mivoiboitra noho ny <u>tangoron-tendrombohitra</u>. Matetika no ahitana tany miloko mena <u>tsy mahavokatra</u> sy <u>be tanimanga</u> antsoina hoe <i>tanimena</i> izy. Izany no iantsoana an'i Madagasikara hoe : <i>Nosy mena</i>	Le relief de Madagascar. Madagascar est un pays de hautes terres entourées de <u>plaines</u> : la moitié de l'île est au-dessus de 500m d'altitude. Quelques <u>montagnes</u> dépassant 2000 m s'élèvent au Nord (Tsaratana : 2886 m) et au Centre (Tsiafajavona : 2643m) La forme de Madagascar est <u>massive</u>. Souvent on observe en surface une couche rouge <u>infertile</u> et <u>argileuse</u> appelée <i>latérite</i>. C'est pourquoi Madagascar est appelée : <i>l'île rouge</i>

Koa raha ireto avy, ohatra, ireo voambolana manokan'ny taranja jeografia tiana hientika ao an-tsain'ny mpianatra kilasy fahasivy : *vohontany* na *relief*, *tendrombohitra* na *montagne*, *tandavan-tendrombohitra* na *chaîne de montagnes*, *lemaka* na *plaines*, *lohasaha* na *vallée*, *koriandrano* na *cours d'eau*, *loharano* na *source*, *sakelidrano* na *ruisseau*, *renirano* na *rivière*, *ony* na *fleuve*, *ranomasina* na *mer*, *kitrokala* na *forêt dense*, *kaotany* na *érosion*, *fertiles* na *tany mamokatra* dia anjaran'ny mpampianatra ny mitady ny fitaovana ampiasana ireny voambolana ireny amin'ny taranja malagasy sy ny frantsay.

Toy izao, ohatra, ny vontootin-deson'ny taranja jeografia maneho ireny voambolana manokana tiana hifankazatra amin'ny mpianatra any amina taranja samy hafa, toy ny malagasy sy ny frantsay ireny :

**Fafana 20 : Fafana maneho ny fampiasana ny voambolana manokan'ny
taranja jeografia tiana hahazatra ny mpianatra**

Teny frantsay	Teny malagasy
<u>Le relief</u> : l'ensemble des inégalités de la surface terrestre, de celle d'un pays, d'une région. <u>La montagne</u> : la forme de relief caractérisée par une altitude élevée, des pentes fortes et des <u>vallées</u> très marquées. Les montagnes sont généralement plus froides et plus humides que les plaines voisines. La température diminue de 0,6°C / 100m lorsque l'on s'élève. <u>Les plaines</u> : des reliefs de forme à peu près plane, où les vallées sont peu ou pas marquées. Les plaines offrent souvent aux hommes <u>les meilleurs sols</u> : ce sont des espaces d'agriculture riche. On comprend pourquoi les hommes s'y pressent : ce sont souvent des régions densément peuplées. <u>Les cours d'eau</u> -<u>le ruisseau</u> : petit cours d'eau peu profonde ; -<u>la rivière</u> : cours d'eau de faible ou de moyenne importance qui jette dans un autre cours d'eau ; -<u>le fleuve</u> : cours d'eau qui aboutit à la <u>mer</u>	<u>Ny vohontany</u> : ny fitambaran'ny tsy fitovian-tantan'ny velaran-tany, eo amin'ny firenena, eo amin'ny faritra. <u>Ny tendrombohitra</u> : endriky ny vohontany misongadina amin'ny haavony, ny fidezana'ny kisolosony ary ny <u>lohasaha</u> eo aminy. Amin'ny ankapobeny dia mangatsiaka sy mando kokoa eny an-tendrombohitra noho ny lemaka eo anilany. Ny hafanana mantsy dia midina 0,6°C / 100m rehefa miakatra. <u>Ny lemaka</u> : vohontany amin'ny endrika somary marindrano ka tsy dia ahitana lohasaha firy fa na misy aza dia tsy misongadina loatra. Ny tany lemaka matetika dia manome <u>tany tsara</u> ho an'ny olona : toeram-pambolena mana-karena. Tsy mahagaga raha mifaromboka ho eny ny olona : ireny no toerana be mponina indrindra. <u>Ny koriandrano</u> -<u>ny sakelidrano</u> : koriandrano kely tsy dia lalina -<u>ny renirano</u> : koriandrano malefaka na tsy dia mahery loatra, mivarina any amina koriandrano hafa ; -<u>ny ony</u> : koriandrano mihazo ny <u>ranomasina</u> ;

-à <u>la source</u>, un cours d'eau est petit : c'est un ruisseau ; plusieurs ruisseaux forment une rivière ; puis plusieurs rivières forment un fleuve et le fleuve se jette dans la mer. Le relief a une grande influence sur le débit des cours d'eau et les cours d'eau les plus abondants sont les cours d'eau des montagnes. Les principaux cours d'eau de Madagascar sont : -sur le versant Ouest, Sofia, Mahajamba, Betsiboka grossie d'Ikopa, Mahavavy, Manambolo, Tsiribihina, Mangoky, Onilahy, Menarandra ; -sur le versant Est, Manangory, Mangoro, Mananjary, Mananara, Mandrare.	-amin'ny <u>loharano</u> dia kely ny koriandrano : io no sakelidrano ; sakelidrano maromaro no mamorona ny renirano ; renirano maromaro no mamorona ny ony ary ny ony kosa mivarina an-dranomasina. Misy fiantraikany lehibe eo amin'ny koriandrano ny vohontany ka ny koriandrano an-tendrombohitra no betsaka indrindra. Ny koriandrano lehibe eto Madagasikara dia ireto : -amin'ny tezany Andrefana, Sofia, Mahajamba, Betsiboka izay nohalebeazin'Ikopa, Mahavavy, Manambolo, Tsiribihina, Mangoky, Onilahy, Menarandra ; -amin'ny tezany Atsinanana, Manangory, Mangoro, Mananjary, Mananara, Mandrare.
--	--

Fanamarihana

Azo ampiasaina any amin'ny taranja hafa koa ireny voambolana tiany hilentika ao an-tsain'ny mpianatra ireny, araka ilay paika fandentehana ny voambolana amin'ny fifanohanan'ny taranja. Noho izany, ilaina ny fampiasana matetika izany voambolana izany amina taranja samy hafa hisongadinan'ilay fifamenoan'ny taranja mifanohana amin'ny fampiasana voambolana, na eo amin'ny resaka teny izany, na eo amin'ny resaka hevitra, na am-bava na an-tsoratra.

a. eo amin'ny voambolana

Tokony hisy ny fiverimberan'ireo voambolana manokana tiana ho voarain'ny mpianatra sy hampiasainy ireo, hatranga any amin'ny taranja samy hafa mifanohana amin'izany. Toy ny fanohanan'ny taranja malagasy sy ny taranja frantsay ny voambolana manokana ampiasaina amin'ny taranja jeografia mba ho hain'ny mpianatra amin'ny teny frantsay sy amin'ny teny malagasy ilay

voambolana. Ka ny fahatetehan'ny fiverimberenana no tena zava-dehibe mba hahatonga ilay voambolana ho fahalalana raikitra ao amin'ny mpianatra, hananany fomba fijery mihitsy momba izany ary mba hahavantana ny vavany.

Hamafisin'i HAGEGE izany raha nilaza izy fa na inona na inona fomba ampiasaina, ny fahatetehan'ny fampiasana ilay teny no tena ahazoan'ny ankizy azy haingana, ary ny famerimberenana no fiadiana tsara indrindra iadiana amin'izay sarotra rehetra amin'izany.³⁷

Ny teny iray dia mety haneho hevitra samy hafa, na ny mifamadika amin'izany, ny hevitra iray dia mety asehon'ny teny samy hafa.

Noho izany dia ilaina koa ilay fiverimberenana matetiky ny teny iray mitovy hevitra. Ny fiverimberenana na fahatetehana, dia mety hita ao amin'ny lahateny iray, eo amin'ny fiparitahany ao amin'ny lohateny maro (fitsinjaranasa), eo amin'ny fampiasana azy amin'ny sehatra mahazatra andavanandro, eo amin'ny taranja samy hafa mampiasa io voambolana na hevitra io.

b. eo amin'ny hevitra

Mety ho samy hafa no teny anehoan'ireo taranja mifanohana ny hevitr'ilay voambolana tiana hanazarana ny mpianatra.

Ohatra : *forêt dense* no voambolana manokana any amin'ny taranja jeografia izay adika amin'ny teny malagasy hoe *kitrokala*.

Ka mba hahazatra ny mpianatra amin'ireo voambolana manokana amin'ny teny frantsay sy amin'ny teny malagasy ireo, dia samy maneho azy ny taranja samy hafa, ary na tsy mitovy aza ny teny ampiasaina, ny hevitra tsy miala fa maneho azy foana. Ny taranja frantsay, ohatra, mety hampiasa hoe *forêt vierge*, ny taranja malagasy hanao hoe : *ala matevina* na *ala mikitroka* ; azo anehoana azy koa ny hoe : *forêt naturelle* amin'ny teny frantsay sy ny *atjala be* tsy ahita-mitsinjo amin'ny teny malagasy ; ary hamafisin'ny famerimberenana-kevitra izany amin'ny hoe : *maizin-kitroka* io *atjala io*, ary ny hoe *ny hakitroky ny ala mihitsy no midadasika*, dia mandretsika ny saina hatrany amin'ilay teny hoe *kitroka* izay nahatonga ny *kitrokala*.

Eo koa ny sady iverimberenana'ny teny amina taranja iray no iverimberenany any amin'ny taranja hafa. Ohatra, ny teny hoe : *cours d'eau* na

³⁷ « *Quelle que soit la méthode employée, il importe surtout que l'enfant acquière vite les mots dont la fréquence est la plus haute [...] la répétition est une arme contre la difficulté* ». HAGEGE (C), 2005 : 64-65).

koriandrano dia hita ho mitranga foana, imbetsaka any amina taranja iray ary mipoitra koa matetitetika any amin'ny taranja hafa. Ka ny sasany, ohatra, maneho azy amin'ny resaka siantifika (jeografia), ny sasany kosa naneho azy amin'ny resaka fifandraisana (ifamoivoizana), na resaka fiainana (ilaina eo amin'ny fiainana, mahaso), na resaka maneho kanto (ravaky ny tontolo iainana).

Fotoana fohy no ipoiran'ireo rehetra ireo nefa mahasahana zavatra maro tonga dia voaray miaraka.

Ireo famerimberenana voambolana ireo dia haingana kokoa amin'ny am-bava nefa mila arahina fomba fiasa izany.

d. fomba fiasa

Tsy mila ampatsiahivina ny mpianatra akory ireny fiverimberenana mitranga ireny fa tonga dia reny : mandretsika ny fandrenesana ao aminy ka hanokatra ny fitadidiany.

Amin'ny am-bava no tena mora voaray izany ka kendrena mba hahavantana ny vavan'ny mpianatra sy ho lasa fahalalana raikitra ao aminy, amin'ny alalan'ny fametrahana fomba fiasa toy izao :

- afantoka amina lohahevitra iray ny resaka,
- akapoka miaraka ny fisehon'ny famerenana ireo voambolana,
- atao ao anatin'ny fotoana fohy.

Ohatra : ireto no voambolan'ny lesona jeografia tiana hahavantana ny vavan'ny mpianatra : *kitrokala*, *tandavan-tendrombohitra*, *kaotany*. Ka atao anaty fehezanteny iray ireo hanehoan-kevitra amin'ny taranja malagasy manao hoe : *ireo tandavan-tendrombohitra ahitana kitrokala ireo no tsy misy izany kaontany izany*, na koa hoe : *amin'ny toerana be ala nikitroka toy ny amin'iretsy tendrombohitra mitomandavana iretsy no tsy mba voakaoka mihitsy ny tany* .

Ary ho tsikariny indray ireo voambolana ireo, amin'ny teny frantsay, mandritra ny taranja frantsay. Ohatra, asaina mitanisa ny zavatra hitany eo amina sary misy tandavan-tendrombohitra sy ala ary orana mitondra riaka izy, ka haneho fa tsy kaon'ny riaka ny tany anirian'ny hazo miaro azy.

Azo ampifandraisina daholo ny tanjona, ny vontoatiny, ny fomba fiasa ary ny fanatanterahana ka tsy maintsy dinihina sy arindran'ny mpampianatra. Ny tanjona mantsy no mametra ny fatran'ny vontoatim-pahalalana aroso ny mpianatra, ary miankina amin'io vontoatim-pahalalana io no isafidianana ny fomba fiasa hanatanterahana azy.

3.2.3. Fanatanterahana

Amin'ny fanatanterahana dia anjaran'ny mpampianatra no mandanjalanja izay vontoatin-desona tsapany fa ho zakan'ny mpianany. Tsy azo, atao ambanin-javatra amin'izany ny famantarana ny mpianatra : ny taonany, ny haavom-pahalalany, ny toerana misy azy, ny kolontsainy, ny kilasiny, mba hahafahana mametra ny fahalalana ampitaina aminy.

Amin'ny fifanohanan'ny taranja malagasy sy jeografia ary frantsay izay efa noraisina tany am-boalohany fa anisan'ny fitsinjavana ilay hoe sahaza ny mpianatra kilasy fahasivy, ny fanarahana dingana amin'ny fomba fampitana ny lesona amin'izy ireo. Zava-dehibe amin'izany mba hahamora ny fahazoan'ny mpianatra ireo voambolana tiana ho hainy amin'ny teny roa, ny fandentehana izany amin'ny teny ibeazany aloha.

Araka izany dia ny taranja malagasy no tsara efa manatsidika mialoha ny voambolana ho hita any amin'ny taranja frantsay sy jeografia izay amin'ny teny frantsay rahateo. Ka ny fomba fampitana ireo taranja mifanohana, manaraka rindran-amina ireo, no hahatomombana ny tanjona.

Fomba fampitana ny taranja malagasy ao amin'ny kilasy faha sivy


Ny taranja malagasy any amin'ny ambaratonga voalohany, dia mizara ho zana-taranja maromaro, toy ny fanazarana hiteny, fanabeazam-boho ny teny, tsipelin-teny, fanazarana hanoratra, koa ezahina ny mba hahatokamiharina ny fampianarana.

Raha raisina, ohatra, ny lohahevitra momba ny *tontolo iainana* :

- Fanazarana hiteny

Atao izay amoahan'ny mpianatra tsirairay ny heviny amin'ny alalan'ny fisarihana ny sainy amin'ny zavatra mahaliana azy : entina mivoaka mandinika ny zava-misy hita maso, ohatra, izy ireo na mandinika sary, vao ametrana fanontaniana sy tarihina hiresadresaka ombana ady hevitra kely sahaza azy. Asaina mitantara izay hitany amin'ny tontolo iainana any ambanivohitra efa nandalovany na efa nialany sasatra izy.

Inty, ohatra, ny sary iaingan'ny fandinihana : sary nalaina tao amin'ny kahie Sehatra Olana, taranja malagasy, kilasy fahasivy, takila faha 4 :



Trandrahina avy amin'ny fandinihana io sary io ny fahalalan'ny mpianatra amin'ny alalan'ny fampitenenana azy izay hitany, ny fihetseham-pony ary ny fihetsika tokony hatao manoloana ny tontolo iainana.

Ary dia atsidika aminy ombieny ombieny ireo voambolana manokana hasongadina any amin'ny taranja jeografia mba hanairana ny fitadidiany amin'ny fotoana hanaovany izany.

Fanamarihana :

Azo ampiasaina any amin'ny fanazarana hiteny koa ny resaka literatiora maneho ny kanto, toy ny ohabolana, ohapitenenana, hainteny, tononkalo, saingy anjaran'ny mpampinatra ny mifantina sy manao sivana amin'izay tokony homeny ny mpianany. Ohatra, raha manana ireto fitaovana hamelomana ny voambolana manokana ianarana any amin'ny taranja jeografia, mahasahana ny lafiny kanto ireto izy, dia misy ny ambony loatra ho an'ny mpianatra, misy ny zakany tsara :

1°Ohabolana :

- ❖ Ny lohasaha fandrian'ny moka, ny tendrombohitra fandrian'ny zavona ;
- ❖ Voarabe an-dembalemba, jerena mahafolaka hatoka, tazanina manapa-bozona ;
- ❖ Saonjo iray lohasaha : iray kianja ivelomana ary iray saha ilevenana.

2°Ochapitenenana amam-pomba fiteny :

- ❖ Erikerika no mahatondra-drano ;
- ❖ Izay mandoro tanety, mandoro ny firenena ;
- ❖ Hanitry ny ala ;
- ❖ Voara endriky ny saha.

3° Hainteny :

- ❖ Iry tendrombohitra andrefana iray, mietre, mifitsaha, hizahako andRavoahangy !
- ❖ Iny ranomasina iny, manonja fa tsy mety tondraka !
- ❖ Mainka fa ranomasina, ranom-potaka aza manonja !
- ❖ Raha revom-potaka, rano no manala ; raha revon-draharaka, havana no antsoina, ka tongava re !
- ❖ Mikodiadia tahaka ny vato an-drano ; mifindrafindra tahaka ny tsinkafonkafona entin-drivotra izato izy !
- ❖ Toy ny rano am-batolampy : tazanina mangiaka, tovozina tsy ahazoana, ny faniriako anao !
- ❖ Isika izao no tatamo am-parihin-dRasahala misoka rano havoazona, raha tezitra miara-mihodina, raha faly miara-manatrika !
- ❖ Rambiazina an-tampon-tanety izahay, mavomavo sy votsa faniry !
- ❖ Toy ny lalomena mitrena am-parihy sy ombalahy mitrena an-tanety izato ianareo !

4° Tononkalo : ILAY RANO KELY

Ry rano kely mamananala,

Ry fototr'ain'ny ao an'ala,

Ny lalanao dia mahavariana,

Ry rano kely ao an-driana !

Mibahana eo ny vato, nefa

O indro ianao ka miantefa ;

Mihoatra mora dia mianjera,

Mamoaka endrika madera.

Dia loko fito mahasondriana,

Dia loko fito fanamiana,

Ny vatolampy be mideza,

Misolo lemaka mateza

Iny mantsy dia manjary

Ho elo vita nanahary ;

Ampanga maitso mifangaro

Dia fefy velona ho mpiaro ;

Ny lobolobo mahadiky.
 Dimbiasan-danitra mitsiky !
 Ny hazo be mijoalajoala,
 Miaro anao hangalahala

Ry rano kely ao an'ala.

NY AVANA RAMANANTOANINA

- Fanabeazam-boho ny teny

Azo atao ny miainga amina lahatsoratra. Raisina, ho ohatra, ity lahatsoratra nosoratan-dRAKOTOMANGA (J), mitondra ny lohateny hoe *Ny tanànanay ity* :

Ny tanànanay

Ny tanànanay dia miorina an-tampon-kavoana, mifono ala mainty mangamanga , miravaka voninkazo tsara sy mamerovero [...] Ny trano ao dia ohatra ny kambana, fa sahalahala bika sy mitovitovy endrika avokoa [...] Ao ambany atsimo no misy ny fantsakanay lehibe indrindra.

Mbola ary lavitra ary ianao, dia injao ny rano migororoana amin'ny vatolampy [...] Ny vohitray moa dia vato nasondrotry ny tany ka mahatsinjo lavitra. Etsy ambony atsimony dia misy tendrombohi-drazana, atao hoe Ambohipaniry. Mandia ny anaran'io bonga io, fa iza no mahatsinjo azy ka tsy maniry hankeniny ?

James RAKOTOMANGA

Fomba amam-pahendrena malagasy

kilasy faha 6 sy faha 5, tak. 85.

Fanamarihana :

Efa omanin'ny mpampianatra mialoha ny fomba hahitan'ny rehetra na hananany ny lahatsoratra, toy ny adika eny amin'ny solaitrabe na amina taratasy lehibe (kraft), na efa adika mialoha ao anaty kahie, na efa voadika sora-milina ka zaraina amin'ny tsirairay. Toy izao ny dingana arahina amin'ny fampianarana :

- manao vakiteny mafy aloha ny mpampianatra ary mbola mihaino fotsiny ny mpianatra fa tsy mijery ny lahatsoratra ;
- mametraka fanontaniana vitsivitsy amin'ny mpianatra momba ny fahazoana ankapobeny ny lahatsoratra izy avy eo

- asaina mijery lahatsoratra na izarana izany amin'izay ny mpianatra ka mamaky mangina ary mandinika ireo voambolana sarotsarotra
- mamaky mafy ny mpianatra vitsivitsy.
- asaina manazava ny hevitra ny teny na ny andian-teny sasantsasany izay mahay izany, ary atsidiky ny mpampianatra ombieny ireo voambolana nianarana tany amin'ny jeografia.

Ohatra : - ny hevitra ny andian-teny hoe *ala mainty mangananga* dia *ala matevina* izay mampahatsiahy ny *kitrokala* hita tany amin'ny jeografia ;

- ny hevitra ny hoe *rano migororoana* dia *rano mikoriana mifanesika midina, arahina feo* izay toetra iray ananan'ny *koriandrano*;

- ny teny hoe *vohitra* dia maneho toerana avo. Ka ny filazana hoe : *vato nasondrotry ny tany ny vohitray* dia ilazana ilay haavon-toerana ananan'ny tanàna ;

- ny hoe *mahatsinjo lavitra* dia midika fa ahatazanana zavatra maro indray mijery ilay toerana, izany hoe *ny endritany* izany.

- asaina mitady fehezanteny hafa misy ireo teny na andian-teny ireo ny mpianatra ary raisina eny amin'ny solaitrabe sy ao anaty kahie ny fanazavana hevi-teny sy ny ohatra avy amin'izy ireo ;
- asaina asehony an-tsary ny lahatsoratra (asa enti-mody).

- Fitsipiky ny teny

Ny momba ny anjara asa fototra, ohatra, no raisina ka ny fehezanteny iaingana dia aompana amin'ny lohahevitra *tontolo iainana*, ary ampiasana ny voambolana manokana hita *tany* amin'ny taranja jeografia, toy ny hoe :

⁽¹⁾ Manimba ny zavamaniry ny kaotany.
EM L

⁽²⁾ Ilaina ny koriandrano sy ny ala.
EM L

Fanamarihana :

- Misoratra eny amin'ny solaitrabe ireo ary raisin'ny mpianatra ao anaty kahie

- Ho tsipalotry ny mpianatra indray eto ny voambolana manokana *kaotany* sy *koriandrano*;

- asaina mitady ohatra ny mpianatra, avy eo manao tsoa-kevitra momba ny EM, ny L. Aravon'ny mpampianatra ho lesona adika eny amin'ny solaitrabe sy raisina ao anaty kahie izany.

- ary ho fampiasana, dia asaina tadiaviny ny EM sy ny L ao amin'ny lahatsoratra.

- fanazarana hanoratra


Fampiasana avy hatrany no ifotorana.

Ohatra : ° Asaina mitantara fohifohy tontolo iainan a any ambanivohitra efa hitany ny mpianatra.

° Asaina mamorona tantara kely miainga amina s ary toy izao nalaina tao amin'ny kahie Sehatra Olana, taranja malagasy, takila faha 5 izao :



° Asaina manoritsoritra toerana avy niarahana nijery na sary toy izao ny mpianatra :



Fomba fampitana ny taranja frantsay

Ny fitaovana azon'ny mpampianatra itrandrahana ny lesona isan-tokony sady manatsidika hatrany ireo voambolana manokan'ny taranja jeografia no asongadina eto, satria ny fampiasana voambolana mihitsy no tsy ampy raha taranja jeografia fotsiny no anehoana azy amin'ny teny frantsay. Ny zava-misy anefa dia mitsingilahila ny fahaizan'ny mpianatra io tenyfrantsay io ka izay no ilana ny famerimberenana ilay voambolana any amin'ny taranja roa amin'ny teny frantsay. Atao mihitsy izay hifankazaran'ny mpianatra amin'ilay voambolana ka hatranga isaky ny sahanasa sy isaky ny taranja.

Toy izao ary ny sahanasa azo ampiasana ireo voambolana manokan'ny taranja jeografia tiana halentika ao an-tsain'ny mpianatra kilasy fahasivy any amin'ny taranja frantsay :

➤ texte

Ny *texte* dia fitaovana azo itrandrahana zavatra ianarana maro hahatonga ny fampianarana ho tokamihasina, toy ny vakiteny (lecture), ny lesona *grammaire* (fitsipika), *conjugaison* (fitanisana verbes), *lexique* (fanabeazam-boho ny teny). Koa dia anjaran'ny mpampianatra ny mikaroka lahatsoratra maneho ny voambolana ianarana any amin'ny jeografia, ao anatin'ny lohahevitra efa narindra amin'izany. Tsy voatery ho hita ao amin'ny lahatsoratra iray akory izy rehetra fa miseho tsikelikely amina lahatsoratra samy hafa eny ihany ireny voambolana ireny. Inty, ohatra, misy santionany amin'izany lahatsoratra izany :

Thème : Le village

Un village Betsimisaraka

La nuit tombait vite, les habitants étaient presque tous rentrés. Devant les cases, les hommes et les garçons coupaient du bois, d'autres revenaient de la forêt, la hache ou le long couteau à la main. Les jeunes filles et les enfants pilaient du riz, les femmes venaient de la source avec sur l'épaule, les lourds bambous pleins d'eau.

Charles RENEL, *L'étude de texte*, p 24.

Fanamarihana :

Vitsivitsy ihany ny voambolana manokan'ny taranja jeografia hitan'ny mpianatra eto nefa tsy io ihany akory no iasana maneho ny izany.

Ka ireto avy ny sahanasa azo trandrahana amin'ny alalan'ny lahatsoratra :

❖ Lecture :

- miainga amin'ny vakitenin'ny mpampianatra arahina fanontaniana vitsivitsy ijerena ny fahazoana ankapobeny ny lahatsoratra (lecture du maître avec quelques questions sur la compréhension globale du texte) ;

- vakiteny mangina ataon'ny mpianatra ka ijereny ny teny sarotra (lecture silencieuse des élèves pour qu'ils puissent voir les mots difficiles) ;

- fanazavana ny teny sarotra (explication des mots difficiles) ;

- vakiteny mafy ataon'ny mpianatra (lecture à haute voix des élèves)

;

- fanazavana ny lahatsoratra amin'ny antsipiriany (explication détaillée).

❖ Lexique :

Azo trandrahina amin'io lahatsoratra io ny voambolana momba ny asa fanaon'ny olona ao an-tanàna (les activités des gens du village) , ny toerana sy ny singa mandrafitra ny tanàna, ny zava-misy mandrafitra ny tontolo iainana sy ny endriky ny an-tanàna izay hahatafiditra indray ireo voambolan'ny taranja jeografia.

❖ Grammaire :

Manan-danja eto ny fianarana ireo singa mamaritra toerana (les elements qui constituent le village), ireo singa enti-manondro toerana (les éléments de la localisation), ny fomba enti-mandrafitra fehezanten'ny tsotra, ...

❖ Conjugaison :

Misongadina eto ny fianarana *temps imparfait du verbe*

➤ Dialogue :

Anisan'ny fitaovana azo anasongadinana ny voambolana tiana hamafisina amin'ny mpianatra koa ny fianarana *dialogue* (am-bava) na dia vitsy ihany aza ny voambolana apoitrany amin'izany, toy izao :

- vous voyez cette montagne là-bas ?
- oui, très bien.
- Quand on voit cette montagne, ça veut dire qu'il va pleuvoir.
- Ah bon ! et quand on ne voit pas la montagne?
- Ça veut dire qu'il pleut.

- Moi, je voudrais bien aller à la montagne. On ne s'y arrête jamais en été, pourtant, il y a beaucoup de promenades à faire.
- Oh ! non. Allons au bord de la mer. Moi, je veux me baigner.
- Tu sais, on peut aussi se baigner dans une rivière.

Frère Jacques 3, p 41 & 123

Fanamarihana :

Azo itrandrahana zavatra maro toy ny any amin'ny lahatsoratra koa ny *dialogue* ka atao fitaovana iaingana anaovana ny fampianarana tokamihasy. Toy izany koa ny *poésie*.

➤ Poésie

Dans le village
De mon pays
Quand on voyage,
C'est gentil...!

On admire le paysage :

La montagne, la forêt.

On aime le voyage,

On est toujours prêt

On voit le ruisseau,

La rivière qui grandit

Oh ! que c'est beau !

Que c'est vraiment joli !

➤ Exercices

Azo atao ny mampiahatsiahy ilay voambolana tiana hiverimberina amin'ny alalan'ny fanaovana fampiasana samihafa, anisan'izany ny :

❖ exercice à trou

Complète la description :

Dans mon village, tu vois de loin des ... On y trouvera aussi de la ... pour se baigner et pour pêcher. Pendant les vacances, nous cherchons des fruits dans la ... Nous aidons aussi nos parents à cultiver au ... ; nous avons, tous les ans, pas mal de récoltes car la terre est bien ... Tous les habitants de ce village sont heureux d'y vivre.

❖ Expression écrite

- Décris en trois ou quatre phrases ton village.
- dessine un village de la campagne et donne les noms de chaque élément qui le constitue.


❖ Expression orale

Asaina mitanisa (énumération) izay rehetra hitany tany ampitsangatsanganana niarahana ny mpianatra, ary asaina manao fehezanteny tsotra amin'izany.

Fomba fampitana ny lesona jeografia

Ny leson'ny taranja jeografia dia raisin'ny mpianatra sy ampianarina amin'ny teny frantsay kanefa ny fahafehezan'ny mpianatra ny teny frantsay dia mbola olana. Koa raha tafapetraka sy azo antoka any amin'ny teny malagasy aloha ny fahalalana ny voambolana tiana ho hainy, dia mba ho mora ho azy ny mandray izany amin'ny teny frantsay. Koa tsara raha miainga amin'ny fandinihana zavatra azo kirakiraina na sary na mijery mivantana ny tontolo iainana ny lesona.

Raisina ohatra eto ny sary : nalaina tao amin'ny Cahier de Situation na kahie Sehatra Olana, taona 2006, taranja jeografia, kilasy fahasivy, takila faha 4



Koa mba hisian'ny resadresaka ifanaovana amin'ny mpianatra amin'ny teny malagasy sy andraisan'ny maro anjara, dia anontaniana izy ireo hoe :

- mampahatsiahy anareo toerana aiza io sary io ?
- manao ahoana ilay toerana ?
- inona avy no hitanareo ?
- andeha hasongadintsika ireny toerana efa misy marika ireny : inona avy ireny ?

Raha arahina ny fizotran'ny rano, dia miainga amin'ny :

- a- loharano, b- sakelidrano, c- renirano
- d- ony, e- ranomasina, f- hazo vao novolena.

Lazain'ny mpampianatra amin'ny teny frantsay ireo singa ireo sady manondro ny sary izy, ary averin'ny mpianatra izany. Hazavainy fa io toerana atao indray mitazana io no *endritany* na *paysage*. Ka manana endrika tsara izany ny tany.

Tohizina indray ny resadresaka :

- Inona avy no hita manome endrika ilay toerana ? (misy zavatra hafa mbola tsy voatanisa ao amin'ny sary).

Ka rehefa avy mitanisa izay mbola hitany ny mpianatra, dia ambaran'ny mpampianatra azy ny voambolana *vohontany*, *koriandrano*, *lohasaha*, *havoana*, *tanety*, *tendrombohitra*, *kitrokala*. Lazainy amin'ny teny frantsay sy ambarany anaty fehezanteny sady tondroiny izany ka averin'ny mpianatra.


Dia fintininy amin'ny teny frantsay ny lesona, soratany eny amin'ny solaitrabe (famaritana) ka averin'ny ankizy sy adikany ao anaty kahie.

Masahana amin'ny alalan'ny fampiasana ny fahazoana ny lesona sy ireo voambolana tiana hilentika ao an-tsain'ny mpianatra ireo, ary mba ho hainy ny mampiasa izany eo amin'ny fiainany rehefa miresaka sy manoratra (anaty fehezanteny).

Amin'ny teny frantsay ny fampiasana mba hifankazaran'ny mpianatra amin'ilay voambolana tiana ho azony sy ho hainy mampiasa.

Indro ny ohatra amin'ny santionana fampiasana azo anatanterahana ny fanamafisam-pahalalana ny voambolana manokan'ny taranja jeografia, nalaina

tao amin'ny kahie Sehatra Olana, taona 2006, taranja jeografia, takila faha 6 :



a. Fampiasana an-tsoratra

Fampiasana miompana amin'ny fandenteham-pahalalana momba ny voambolana :

1. J'écris dans les ronds les lettres qui conviennent :

- | | | |
|---------------------------------------|---------------------------------|--|
| ☐ La montagne | ☐ la vallée | ☐ la colline couverte d'herbes |
| ☐ les rizières en | ☐ la plaine | ☐ le sommet |
| terrasse | | |

2. J'entoure la bonne réponse :

Nous avons construit le village au sommet de la colline parce que c'est :

- une vaste étendue de terrain plat
- un terrain peu élevé au sommet arrondi
- un terrain de rochers très élevé au sommet pointu.

Tanterahina amina fomba fiasa toy izao ny fampiasana :

- vakin'ny mpampianatra ny fanontaniana sy ny toromarika
- hazavainy ny asa ataon'ny mpianatra sy takina aminy amin'ny fampiasana 1, dia miasa ny mpianatra, ary manara-maso ny fahazoana izany ny mpampianatra
- manao toy izany indray izy amin'ny fampiasana 2.

Ary mba tsy hijanona ho amin'ny fahaizana ilay voambolana fotsiny ny fahalalan'ny mpianatra, dia tohizina amin'ny fampiasana azy anaty fehezanteny ny fanazarana. Manan-danja amin'izany ny fampiasana am-bava, anehoana ny fahaizana miteny.

b. Fampiasana am-bava

Mba hizarana ny mpianatra hiteny frantsay sy hampiasa izay voarainy, dia asiana ataony anaty fehezanteny foronina avy ireo teny ireo. Koa amin'izany no ahitana na azony na tsia ny hevitr'ilay teny, ny fampiasana azy ary ny sehatra azo anehoana azy.

Ary mba hahaliana misimisy kokoa ny mpianatra ilay fampianarana sy izay nampitaina taminy, dia entina mivoaka any amina toerana ambanivohitra, ahitana endritany mahafinaritra, izy ireo, ka sady mandinika izany no mamerina izay nianarana. Tohizina amina lalao sy fiaraha-mifaly izany ary sarihina amin-javatra mahaliana azy, toy ny ankamantatra, ny sainy fa atao mahakasika ny lesona ihany izany.

Asaina manamboatra vongan-tsarina vohontany koa ny mpianatra. Asaina mitondra tanimanga sy ny zavatra ilaina amin'izany izy ireo hanatanterahana ny asa, ary miasa isa-tarika. Noho izany, dia ny isa-tarika ihany no mifandamina sy miara-miasa ary mikaroka izay rehetra ilainy. Koa dia mifaninana manamboatra endritany mahafinaritra ny tarika rehetra, samy arahin'ny mpampianatra maso sy toroany hevitra avy, araka izay ilainy.

Ho tsapa fa hahafaly ny mpianatra izany : hanetsiketsika azy satria ilainy ny mihetsiketsika (mampavitrika) ; eo no hanararaotan'ny mpanan-talenta hamoahany ny talentany; eo no hizaran'ny maro hira-miasa an-kafaliana satria ao ny kinga tanana ka hamolavola ny tanimanga, ao ny kinga saina ka hanoro hevitra, ao ny mailamailaka ka hatao irakiraka.

Tsara raha ankaherezina amin'izay vitany ny mpianatra ka omena lanja ny asany : deraina izy, omena isa, aseho ny ray aman-dreny amin'ny alalan'ny fampirantina ny asa mendrika rehefa misy fety, ary apetraka ao an-dakilasy na amina toerana iray ao amin'ny sekoly izany. Handrisika ny mpianatra sy hahafaly azy ny sahanasa toy izany ary fanoitra ho azy hahatsiaro mandrakariva ny lesona.

Azo atao ihany koa ny mampanao ny isa-tarika sary lehibe fanentanana ny mpivahiny hitsidika toerana kanto, ka izy ireo ihany no mifandamina sy miantoka ny fanatontosana ny asa (fitaovana, sary haseho,...). Hiezaka sy

hifaninana hanao zavatra tsara izy ireo ary ho toy ny efa voalaza teo aloha ihany ny fihetsika ho hita aminy.

Raha mahaliana ny mpianatra toy izany ny fampianarana ny taranja jeografia izay manentana azy hihetsiketsika, dia tokony tsy ho latsa-danja amin'izany ny fampianarana ny taranja malagasy izay hifanohana amin'ny taranja jeografia eo amin'ny fampiasana voambolana. Koa hojerena eto aloha ny fomba fampitana izany taranja malagasy izany.

Fanamarihana

Ny fampiasana an-tsoratra toy izao dia fomba iray hahitan'ny mpampianatra ny tsipelina mbola matetika diso ka mila hazavaina, ary ny fanazarana hiteny no haha tonga ilay voambolana hahavantana ny vava,

° Eo koa no ahitany ny fahaizan'ny mpianatra mampih atra izay nampianarina azy, na fitsipika izany na voambolana,

° Tsy voatery ho ny ambaratonga voalohany ihany no hampiasa io fifanohanana taranja io fa azo tohizina any amin'ny ambaratonga manaraka izany.

° Tsy voatery ho ny taranja jeografia sy ny taranja malagasy ary ny taranja frantsay ihany akory no hifanohana amin'ny fampiasana voambolana manokana fa (ohatra fotsiny no noraisina) eo koa ny fahalalana tsotsotra, ny kajy, ny tantara, sns ...izay azo ampifanohanana amin'io resaka famelombelomana ny voambolana manokana io, ho raikitra ao amin'ny sain'ny mpianatra ka hahavantana ny vavany.

Tsoa-kevitra

Tsara mihitsy izany ny hialohavan'ny taranja malagasy ny taranja jeografia frantsay eo amin'ny fifanohanany ara-voambolana, satria rehefa tsara fototra amin'ny tenin-dreny ibeazana ny fahalalana, dia ho mora kokoa ny handraisana izany amin'ny teny vahiny. Koa raha hanao ny lesona momba ny *endritany* dia tsara kokoa raha efa hita mialoha tany amin'ny taranja malagasy ny voambolana, satria azo kokoa ny teny malagasy. Manamafy izany ny fanambarana nataon'ny UNESCO raha nanome lanja ny tenin-dreny ibeazana eo amin'ny resaka fampianarana izy.³⁸

Ary ataon'ny mpianatra fitaovana iaingana mahomby mandrakariva ny teniny, ka manoloana ny teny vahiny izy dia miverina any amin'ny teniny sy

³⁸ *L'enseignement dans la langue maternelle a une incidence bénéfique sur les compétences linguistiques dans la première langue (...) que sur l'apprentissage d'une seconde langue" (UNESCO, 2003 : 16).*

manao fampitahana ary any amin'ny teniny no hakany hevitra. Ny fanohanana'i BABLON izany no nilazany fa efa ao amin'ny ankizy ny fanaovana fampitahana izay teny vahiny aroso azy amin'ny tenin-drazany.³⁹

Koa dia vao mainka manamafy ny fananan'ny tenin-dreny lanja eo amin'ny fahalalan'ny mpianatra izany.

Araka izany, tsapa fa mitera-bokatsoa tsara eo amin'ny fampianarana ny fampifanohanana ny taranja izay mifototra amin'ny fifanampiana sy fifamenoan'ny fahalalana. Koa tsy tokony hisy intsony ny taranja hitoka-monina na hifampiolonolona ho samy mahavita tena, fa ezahina mba hifampiteraka sy hifanako ny taranja samy hafa, na eo amin'ny tanjona na eo amin'ny vontoatiny.

FANDRAVONANA

Raha ny hanala tsikelikely ny olana hita eo amin'ny mpianatra, amin'ny fampiasany teny *bemiray* na *safiotra* (fran-gasy) no tanjona, dia ny fampianarana any amin'ny fototra, any amin'ny ambaratonga voalohany mihitsy no arenina voalohany, na dia ny mpianatra eny amin'ny ambaratonga faharoa aza no tena misongadina amin'io fampiasana teny *bemiray* io. Zava-dehibe mantsy ny fanarenana ny fototra satria tsapa fa ny lesoka avy tany amin'ny fototra, arongatry ny mpianatra amin'ny fampiasana teny *bemiray* rehefa tonga any amin'ny ambaratonga faharoa manokana izy, dia ny tsy fa hafehezany ny teny frantsay hatramin'ny mbola kely sy ny tsy fahafolahany ny teny malagasy hatrany am-boalohany ihany koa, ka mahatonga azy ho tsy mba anisan'ireo olona mahafehy teny roa. Koa tsapanay fa zava-dehibe ny fiverenana ifotony, ny fanitsiana ny famindran'ny mpianatra dieny mbola any amin'ny ambaratonga voalohany.

Andraisan'ny mpampianatra andraikitra goavana izany, amin'ny alalan'ny fanomezany ohatra tsara eo amin'ny fomba fiteny : rehefa miteny malagasy dia miezaka hiteny malagasy ranoray ; rehefa miteny frantsay dia miteny frantsay tanteraka fa tsy manao teny *bemiray*, tsy mamadibadi-dela amin'ny fampifandimbiasana ny teny frantsay sy ny teny malagasy. Mila asehony fa mikaro-pahalalana sy mandalina izany hatrany izy ka miezaka hahafolaka ny teny malagasy, tenin-dreny sy ny teny frantsay, teny enti-mampianatra.

³⁹ "Les enfants comparent naturellement la langue qu'ils découvrent avec leur langue maternelle" (BABLON (F), 2004 : 62)

Ho an'ny mpianatra kosa, dia mila manana voambolana izy na amin'ny teny frantsay na amin'ny teny malagasy, mba tsy hivarinany any amin'ny teny *bemiray*. Ka manome vahaolana amin'izany ny fandalinana ny fanabeazam-boho ny teny. Koa raha nanomboka amin'ny fijerena ny teny mitovy hevitra sy ny fanazavana ny hevi-teny izany tamin'ny voalohany, dia tokony hitohy amin'ny alalan'ny fandinihana sahan-kevitra maro ananan'ny teny iray sy ny fampiasana azy mifanaraka amin'ny sehatra itenenana izany fa ilaina hatrany. Ary dia zava-dehibe enti-manampy ny fanabeazam-boho ny teny ny famokarana voambolana manokana ho fampiasa mahavantana ny vava. Ka atao tsotra sy mora azo izany ary efa atomboka ampiasaina hatrany amin'ny ambaratonga voalohany.

Ary manampy ny mpampianatra hanazatra ny mpianatra hampiasa mora foana ireny voambolana manokana tiana hahavantana ny vavany ireny ny fifanohanan'ny taranja samy hafa. Arindran'ny mpampianatra mba hifanohana amin'ny fampiasana voambolana manokana ireo ka ilay fiverimberenana'ny teny sy ny hevitra izay ho tsikaritry ny mpianatra mihitsy no ho fanoitra mandretsika ny fitadidiany handray izany mora foana sy hampiasa azy.

Noho izany, ezahina hifandrindra foana ireny taranja ampianarina ny mpianatra ireny fa tsy tokony hatokatokana ny fahalalana. Ny tena fototry ny fifanohanan'ny taranja izany, dia ny fahafahan'ny taranja samy hafa mifanako, mifampiteraka, na eo amin'ny tanjona na eo amin'ny vontoatiny. Ary raha tsara fototra ny tenin-dreny, teny ibeazana, dia ho mora amin'ny mpianatra ny mandray ny teny vahiny. Farany, manan-danja amin'ny fahazoan'ny mpianatra fahalalana ny teny ibeazany, tenin-dreny ka anjaran'ny mpampianatra ny mandrindra ny fitsinjaran'asany mba hametrahana ny fahalalana amin'ny teny malagasy hialoha ny teny vahiny.

TENY FAMARANANA

Nitondra ny anjara birikinay teo amin'ny haifampianarana izahay tamin'ity asa fikarohana ity noho ny olana hitanay fa ilana fifanohinana sy fifanohanana mikasika ny fampiasan'ny mpianatra ny teny. Zatra miteny *bemiray* izy ireo, indrindra fa ireo any amin'ny ambaratonga faharoa manokana izay tia misongadina amin'izany. Koa rehefa nandinika izahay dia nahatsinjo fa nanimba ny fototry ny teny malagasy na hahafaty azy mihitsy ny fahazoan'ny teny *bemiray* vahana be loatra. Satria raha vao ny tanora sy ny ankizy izay maro an'isa sy antoky ny ho avy no mampiasa azy betsaka, dia hahazo faka sy hihanaka malaky izy. Tokony ho mailo araka izany isika, eo amin'ny sehatry ny fampianarana, mba hiaro ny maha-izy azy ny teny malagasy tsy ho voatsindrin'ny teny vahiny, sy hanabe ny ankizy, ny tanora, ny fiarahamonina hiala amin'izany fampifangaroana teny samy hafa sy samy manana ny lanjany izany.

Ka ny hanampy ny mpampianatra sy ny mpanabe mihitsy no nisafidiananay ny lohahevitra mikasika ny fahafehezana ny teny sy ny fialana amin'ny teny *bemiray*. Araka ny fandinihana natao moa dia maro ny antony mahatonga ny mpianatra hirona any amin'ny fampiasana teny *bemiray* fa ny tena nasongadinay manokana ka niompanan'ny vahaolana narosonay dia ny tsy fahampian'ny fahalalana eo amin'ny lafiny voambolana. Koa dia nanolotra paikam-pampitana fandraiketana voambolana ao an-tsain'ny mpianatra sy ho eo am-bavany mahavantana azy izahay. Manan-danja anefa ny ohatra omen'ny mpampianatra rehefa miteny sy miseho amin'ny mpianatra, eo koa ny fampianarana mahaliana, ny fahaiza-mandretsika fitadidiana, ny fampandalinana ny teny malagasy ary mampitaha azy amin'ny an'ny hafa.

Haitsikera nentinay nanao ny fikarohana ny fomba fijery mivelatra amin'ny fifanohanana ny taranja samy hafa. Ka mba hampahomby ny fampianarana voambolana dia ilaina ny fampifandrifiana ny taranja samy hafa mba hifanampy eo amin'ny fampiasana voambolana. Arindra amin'izany ny lohahevitra, ny tanjona, ny vontootim-pampianarana isa-taranja. Nifantohan'ny fomba fijerinay ihany koa ny fanabeazana omen'ny fiarahamonina izay manazatra ny fomba fitenin'ny olona amin'ny ankapobeny, teo koa ny fandinihanay ny fomba fiasan'ny sain'ny mpianatra izay mahatonga ny teny ho eo am-bavany, hahavantana azy.

Nasehonay tao amin'ny fizarana voalohany fa sady ilaina no mahasoana ny mpianatra ny fahaizana sy fahafehezana teny roa, toy ny teny frantsay sy ny teny

malagasy. Sady manokatra azy haharaka ny fivoarana eo amin'ny fanatontoloana izany no mampisondrotra ny fahalalany ka hirosoany amin'ny fanatsarana ny fiainana sy ny fiainam-pirenena. Te ho tonga amin'izany sehatra izany tokoa izy ireo ka miezaka mampiasa ny teny frantsay sy ny teny malagasy, araka izay kely hainy, saingy asehony amin'ny alalan'ny fampifangaroana teny izany, ka tsy manaja ny lanjan'ny teny tsirairay. Mibaribary eo koa ilay tsy fahafenoan'ny fahalalana ny teny tsirairay nefa entiny ireharehana sy isongadinana ilay fomba fiteny ka mampitombina ilay fitenenana hoe : “*ny tapany ihany no mikobana*”. Ny tena mahafehy teny roa mantsy dia tsy mampifangaro azy roa satria samy manana ny hanitra ho azy ireo, fa mampiasa ny teny tsirairay amin'ny ilana azy avy, manaja ny hevitra raketiny araka ny kolontsain'ny tompon-teny, mahafolaka ny fahazoana sy ny fitenenana, mahavoaka hevitra na am-bava na an-tsoratra, ary afaka miserasera tsy amim-pihambahambana amin'ireo teny roa ireo.

Noporofoinay tamin'ny alalan'ny fandalinana ny fanadihadiana nataonay, tao amin'ny fizarana faharoa, fa sady tsy mahafehy ny teny malagasy ny mpianatra no tsy mahafehy ny teny frantsay. Miainga any amin'ny fototra izany lesoka izany ary hita taratra any amin'ny ambaratonga manaraka, indrindra any amin'ny ambaratonga faharoa manokana, izay anasongadinan'ny tanora miala sakana ny tenany, amin'ny alalan'ny fomba fiteny heveriny fa maha-ambony azy, dia ny teny *bemiray*.

Ary tao amin'ny fizarana fahatelo no nanoloranay ny vahaolana hanampiana ny mpianatra hiala amin'ny teny *bemiray*. Notohininay manokana tamin'izany ny fampianarana izay andraisan'ny mpampianatra ny andraikiny. Ka teo amin'ny lafiny voambolana no tena nohalalininay sy nanomezanay ny paika handraiketana azy ao an-tsaina sy hahavantana ny vavan'ny mpianatra. Zava-dehibe amin'io paika io ny fandalinana ny fanabeazam-boho dieny mbola any amin'ny fototra, ny fandentehana ny fahalalana voambolana manokana amin'ny alalan'ny fifanohanan'ny taranja samy hafa, araka ny fandrindrana hitan'ny mpampianatra fa mety amin'izany, ary any amin'ny ambaratonga rehetra, na dia nasongadinay manokana aza ny ambaratonga voalohany izay fototra. Atao mifanampy sy mifanohana ny taranja samy hafa eo amin'ny fampiasana ireny voambolana manokana ireny mba hiverimberenany eo am-bava, eo an-tsofina ary ao an-tsain'ny mpianatra, na eo amin'ny lafiny ny hevitra izany, na eo amin'ny lafiny teny. Ka indraindray dia mety ho hevitra tokana no asehon'ny teny samy hafa, indraindray mety ho teny tokana no maneho hevitra samy hafa.

Ary anisan'ny paika manamora ny fahazoan'ny mpianatra ny voambolana manokana sy mahazatra azy ihany koa ny fampiarahana amin'ny voambolana tiana hiraikitra an-dohany ny teny iray fototra, mahazatra, fampiasa andavanandro mifandray amin'io voambolana io.

Nomarihinay tamin'izany fa mora kokoa ho an'ny mpianatra ny mahazo ny tenin-dreny, teny ibeazany ka tsara raha hitany amin'ny teny malagasy aloha ireny voambolana manokana ireny mba hahamora ny fandraisany izany amin'ny teny vahiny. Voamarika mantsy fa miverina amin'ny teny hainy toy ny teny ibeazany foana ny ankizy mitaratra hevitra manoloana ny teny vahiny izay sarotra aminy.

Fetran'ny asa

Nisedra olana samihafa izay tsy noraisinay ho sakana izahay teo ampanatontosana ny asa ka tsapanay fa tsy feno ny fahalalana narosonay. Voafetra ihany koa ny fotoana teo anatrehanay ka ampahany amin'ny lafin-javatra azo dinihina ihany no vitanay, ny lafiny an-tsoratra no tena voatsindry betsaka kokoa na dia nasehonay ihany aza ny sahanasa am-bava amin'ny fanazarana hiteny sy ny expression orale, ary tsy voavahanay daholo ny endrika maro isehoan'ny teny *bemiray* fa ny famahana ny olana mikasika ny voambolana manokana ihany no tena nifotoranay.

Fanampin'izany, fantatray ny fahosana sy ny fetra anananay eo amin'ny fahalalana amam-pahafehezana ny teny ka ialanay tsiny etoana izany. Vonona kosa anefa izahay handray ny torohevitra sy ny fanitsiana avy aminareo. Raisinay an-tanan-droa ny tolo-kevitrareo ary tsy halain-katoro izahay fa vonona hameno ny banga, hanitsy ny diso ary hanarina ny tsy mety. Koa isaoranay mialoha ny tsy fisoronana ataonareo satria inoanay fa entina hanatsarana ny asa daholo izany.

Conclusion

D'après nos recherches durant ces cinq années, l'expérience près des adolescents pendant trois ans, nous avons essayé, dans ce modeste mémoire de joindre nos découvertes pédagogiques pour améliorer la didactique de la langue à celles de nos prédécesseurs.

Les élèves mélangent facilement les deux langues (fran-gasy) dans leur conversation et sont fiers de parler ainsi. Cette manière d'expression appauvrit peu à peu la langue malgache.

Notre objectif est d'aider professeurs et éducateurs à acquérir une méthode pour conduire les élèves à devenir bilingue, dans le respect des deux langues.

Selon notre recherche, la pauvreté du vocabulaire est une des causes de ce mélange, voici pourquoi nous osons préconiser quelques solutions :

- une stratégie de fixation.

Dès le primaire, les élèves enrichissent leur vocabulaire et apprennent à s'exprimer clairement dans leur langue maternelle ;

- un enseignement bilingue ;

- une approche de la pluridisciplinarité.

Celle-ci habitue progressivement les élèves à employer les mots spécialisés appris. Pour atteindre cet objectif, la coordination des différentes matières facilite leur effort si les élèves remarquent l'usage de temps à autre des mots étudiés. Il est nécessaire d'établir une répartition cohérente entre thème, objectif, contenue dans les cours.

Dès le début, nous avons montré que les élèves ne maîtrisent pas une langue et font effort dans leur élocution, ils sont plus tôt fiers d'utiliser quelques mots français, cela donc, à leur point de vue, un certain prestige,

d'où l'importance du bilinguisme dans notre pays. Cela aide les élèves à s'ouvrir au monde, à suivre l'évolution actuelle.

Nous appuyons ces énoncés sur des enquêtes faites en différentes écoles de la ville et de son banlieu prouvant la faiblesse des jeunes tant en malgache qu'en français du primaire jusqu'au Lycée.

L'enseignement national doit se sentir responsable de cette lacune. C'est pourquoi, après nos recherches, nous avançons une des solutions pour y remédier serait la stratégie de la pluridisciplinarité dès le primaire. A notre humble point de vue, il est préférable d'approfondir au commencement, la langue maternelle de l'élève, pour faciliter la compréhension du vocabulaire étranger.

TAHIRIN-KEVITRA

ANDRIAMBOLONA (R.). *Utilisation du calcul metrical en arithmétique et recherché sur la malgachisation des termes scientifiques et techniques. Mémoire de l'Académie Nationale des Arts, des Lettres et des Sciences.* Antananarivo. 2003. 149 p.

AVANZINI (G.). *La pédagogie Aujourd'hui.* Dunod. Paris. 1996. 255 p.

B .E.P.- O.T.E.P. *Lexique guide – géographie : 9^è / 8* 1976. 5 p.

BABAULT (S.). *Langues, Ecole et société à Madagascar. Normes scolaires, pratiques Langagières, enjeux sociaux.* L'Harmattan. Paris. 2006. 320 p;

BABAULT (S.) et RANDRIAMAROTSIMBA (V.). “Anciens et nouveaux plurilinguismes” in Actes de la 6^{ème} table ronde du Moufia. Edition Gudrun Ledegen. EME. Réunion. 2003. 257 p.

BABLON (F.). *Enseigner une Langue étrangère à l'école.* Hachette Education. 2004. 158 p.

BACHMANN. *Langage et communications sociales.* Hatier. Paris. 1981. 223 p.

BATTISTINI (R.) et HOERNER (J.M.). *Géographie de Madagascar.* EDICEF. Paris V^e 1986. 187 p.

BOUCHARD (M.J.). *Apprendre à lire comme on apprend à parler.* 2^{ème} édition. Hachette . Paris. 1991. 174 p.

CLOUZOT (O.). *Former autrement. Apprentissages intellectuels, langage et structuration des connaissances.* Les éditions d'organisation. Paris. 1990. 180 p.

CUQ (J.P.). *Dictionnaire de didactique du français – Langue étrangère et seconde.* Clé International. S.E.J.E.R. Paris. 2003. 303 p.

DEVERCHIN-RAKOTOZAFY (M.). *Dictionnaire d'éducation bilingue – Malgache – Français.* EDICEF. 2000. 77p.

DICTIONNAIRE LAROUSSE. 2003. 1818 p.

DODILE (N.). « Métissages linguistiques dans l'Océan Indien » in *Notre Librairie-Revue des littératures du Sud : langues, Langages, Inventions*. n° 159 Juillet-Septembre. L'Harmattan. Paris. 2005 . 160 p.

DUBOIS (J.), GIACOMO (M.), GUESPIN (L.) les MARCELLEST (C.) et (J. B.), MELVEL (J.P.)

1994 *Dictionnaire de linguistique et des sciences du langage*. 514 p.

2002 *Dictionnaire de Linguistique*. Larousse. 514 p.

FIOUX (P.). *Des langues de la maison aux langues de l'école en milieu plurilingue*. KARTHALA. Université de la Réunion. 2001. 248 p.

FLORIN (A.) et MORAIS (J.). *La maîtrise du langage*. PUR. (Presses Universitaires de Rennes. 2002. 133p.

Foiben-Taosarintanin'i Madagasikara. *Voambolana frantsay-malagasy fampiasa amin'ny sarintany sy jeografia*. Antananarivo. 1988. 11 p.

GIAMBRONE (N.). *Ny Nosintsika*. (Fianarana tsotsotra – cours élémentaire). Ambozontany. Fianarantsoa. Natontany fanimpitony. 1975. 60 p.

HAGEGE (C.). *L'enfant aux deux langues*. Odile Jacob. Poches. 2005. 298 p.

HYMES (D.H.). 1982 *Vers la compétence de communication. Langues et apprentissage des langues*. Hachette. 2005. 218 p.

JAFFRE (JP.). *Didactiques de l'orthographe*. Hachette éducation. 5^{ème} édition. 2002. 176 p.

JUDET de la Combe (P.) et WISMANN (H.). *L'avenir des langues*. Les éditions du C.E.R.F. Paris. 2004. 242 p.

LENOIR (Y) sous la direction de SACHOT. *Les enseignants du primaire entre disciplinarité et interdisciplinarité : quelle formation didactique?* Les Presses de l'Université Laval. Québec. 2004. 360 p.

[http : // www. Ulaval. ca / pul](http://www.ulaval.ca/pul)

MACAIRE. *Notre beau métier* Les classiques africains. Paris. 1993. 448 p.

MENRS

2006 *Cahier de Situation – Matière géographie - Classe de 9^{ème}*. D.E.F. Antananarivo. 18 p.

Kahier Sehatra olana - Taranja Malagasy - Kilasy fahasivy. D.E.F. Antananarivo. 48 p.

Curriculums : malagasy, mathématiques, français, géographie, tantara sy fahaiza-miaina, sciences de la vie et de la terre, classe de 9^{ème} (cours élémentaire). 110 p.

MENRS / PASEC VII. Coopération France-madagascar/Projet MA.D.E.R.E.-A.B.M. *Cahier de l'élève de 5^{ème} année (CM₂) : opérations de début et de fin d'année scolaire*. Imprimerie SIMAPRESS. Antananarivo. 2004-2005. 31 p et 36p.

MINESEB DE MADAGASCAR Par une équipe d'auteurs malgaches

2003 *Géographie en classe de 9^{ème}* .Hatier International 64 p.

Français en classe de 9^{ème} EDICEF. Paris 127 p.

2000 *Rosovola : Boky famakian-teny sy fanazaran-tsaina, kilasy faha 9*. Natonta fanindroany. Turin 128 p.

Ministère de l'Education Nationale. Ministère de la Recherche Scientifique

1998 *Programme scolaire Classe de 9^{ème} à partir de l'année scolaire 1998-1999* UERP.CNAPMAD. 188 p.

2002 « Programmes d'enseignement de l'école primaire » in *Bulletin Officiel*. Hors série n°1 de Février 2002

[http : // www.education.gouv.fr /bo/2002/hs1/som.htm](http://www.education.gouv.fr/bo/2002/hs1/som.htm)

MORTIER (R.). *Dictionnaire Quillet de la langue française : Dictionnaire Méthodique et Pratique*. Paris. 3 tomes. 1956. 585 p.& 1342 p.& 1210 p.

P.N.U.D. *Région et Développement. Programmes régionaux et projets locaux.* Projet PNUD/OPS MAG/89/018. DIRASSET. Mai 1991. 331 p.

PETIT (J.). *De l'enseignement des langues seconde à l'apprentissage des langues maternelles.* Champion. Paris. 1985. 693 p.

PUREN. *Histoire des méthodologies de l'enseignement des langues.* Collection Clé International. 1995. 447 p.

RABENORO (I). *Cahier de RIFAL n° 35.* A.I.F. Communauté française de Belgique. Décembre. 2005. pp17-28

RAHARISOA (T.F.). *Fampianarana teny ibeazana sy fampivelarana amina kolontsaina samihafa : ny taranja malagasy.* Mémoire de C.A.P.E.N. 2004. 165 p.

RAJEMISA – RAOLISON (R.)

1972 *Fomba amam-pahendrena malagasy, kilasy faha 6 sy faha 5.* Librairie Mixte. Antananarivo. 161 p.

1985 *Rakibolana malagasy.* Fianarantsoa 1061 p.

RAKOTOFIRINGA ANDRIATSIFERANA (C.). *L'enseignement du français à Madagascar de 1955 à 1985.* Thèse de Doctorat. Université des Sciences humaines. Strasbourg. 1995. 283 p.

RAKOTOZANANY (V.S.). *Fampianarana teny ibeazana sy kolontsaina malagasy mifototra amin'ny mahaliana.* Mémoire de C.A.P.E.N. Antananarivo. 2004. 160 p.

RAMANAMBELINA (H.). *Préalables à l'élaboration d'un vocabulaire bilingue de géographie pour un usage à l'école primaire.* Antananarivo. Formation Doctorale sciences de l'éducation et didactique des disciplines. D.E.A. Education et multilinguisme. 2006. 114p.

RANAIVO (V.) et RANDRIAMAROTSIMBA (V.). « Des langues-cultures aux pratiques de classe en contexte diglossique : quelle cohérence ? L'exemple de Madagascar ». Colloque de Nanterre. Février. Paris X^è. 2005. 16 p.

RANDRIAMAROSIMBA (V.)

2000 «Relation du malgache et du français à Antananarivo : de la relation de diglossie au fran-gasy ». Actes du XXII^{ème} Congrès International de linguistique et de philologie romane. Niemeyer. Tübingen

2005 « La malgachisation de l'enseignement » in Du plurilinguisme à l'école. Editions Lambert Félix Prudent, Frédéric Tupin et Sylvie Wharton. 217 p.

Info @ peterlang.com, www.peterlang.com, www.peterlang.net

RAOELINARIVO (J.V.). *Ny fomba fampianarana ny ohabolana eo anivon'ny taranja Malagasy*. Mémoire de C.A.P.E.N. 1995. 191 p.

RATIRAY (S.M.). *L'univers conceptuel de l'enfant malgache d'après son vocabulaire disponible : Le malgache et le français en contact interculturel*. Tome I. Thèse doctorale. Faculté des Lettres. Université Laval. Québec. 1997. 479 p.

REBOUL. *Le langage de l'éducation*. P.U.F. 1984. 167 p.

REICHLER (M.J.) & GEGUELIN & DENERUAUD (M.) & JESPERSEN (J.). *Ecrire en français : Techniques et methods pédagogiques*. Delachaux et Niestlé. Paris. 1988. 223 p.

RICHTERICH (R.) et SCHERER (N.). *Communication orale et apprentissage des langues*. Hachette. 1983.132 p.

RIEBEN (L.) & FAYOL (M.) & PERFETTI (C.A.). *Des orthographes et leur acquisition*. Delachaux et Niestlé. Genève. 1997. 504 p.

ROBERT (P.). *Dictionnaire*. Paris. 1967. 1965 p.

RONDEAU (G.). *Introduction à la terminologie*. 2^{ème} édition. Gaëtan MORIN Québec. 1984. 238 p.

SIGUAN (M) et MACKEY (W.F.). *Education et bilinguisme*. Unesco. Delachaux et Niestlé. Paris. 1986. 147 p.

TISSET (C.) et LEON (R.) & TUPIN (F.) et WHARTON (S). *Un état des Savoirs à la Réunion*. L.C.F. Université de la Réunion. 2002. 327 p.

UNESCO. *L'éducation dans un monde multilingue*. Document cadre de l'UNESCO. Paris. 2003. 36 p.

VECCHI (G.). *Aider les élèves à apprendre*. 2ème Edition. Hachette Education. 2004. 237 p.

VERDELHAN (M.) et BOURGADE. *Le français de scolarisation pour une didactique réaliste*. P.U.F. 2002. 257 p.

Glottopd n°1 : //www. Univ. rouen. Fr / dyalang / g lottopol

[http : // fr. Wikipédia. org / wiki / Bilinguisme](http://fr.wikipedia.org/wiki/Bilinguisme)

[http : // averman. Free / aplu / num 54 – bilinguisme. Htm](http://averman.free/aplu/num54-bilinguisme.htm)

[http / www. Enfants bilingues. Com / info. Html](http://www.enfantsbilingues.com/info.html)

[http : // fr. wikipédia. Org / wiki / Image : Noam Chomsky](http://fr.wikipedia.org/wiki/Image:Noam_Chomsky)

[http : // www. Language-lizard. Com / Default. Asp ? click = 675](http://www.language-lizard.com/default.asp?click=675)

TOVANA

TOVANA I FANADIHADIANA

Ny lahateny fifamaliana nasaina novakin'ny mpianatra roa tany amin'ny ambaratonga faharoa manokana sy tany amin'ny ambaratonga faharoa fototra, nanentanana azy ireo talohan'ny nanamarihany ny fanontaniana fanadihadiana :

Fandrosoana

Tafahaona i Volazara sy i Soafeno, tanora roa izay samy manana ny fomba fijeriny momba ny atao hoe : *fandrosoana*.

- Manao ahoana, akia ry Volazara !

- Salut !

- Ary teny niova be mihitsy anie indry izany e ! Na ny fiteny izany, na ny fitafy ! He anie ity fitafiandry e !

- Izao akia no lamaody fa izay mijery no kaody a !

Mamindra tsy taitra kanefa tena raitra !

- Dia izao fitafy izao ve dia mendrika ny maha-malagasy ? Jereo ny pataloha mifinjifinjy manara-batana, ny fihetsika mivatambatana ; ny akanjo ambony mampiseho foitra, fa dia nahoana loatra ?

- Oadray ! raha izany no mampihambakavaka, miverena amin'ny salaka !

- Eny e ! misy tokony hilaozana tokoa ny taloha saingy aza dia miraparapa loatra koa amin'izay rehetra arosen'ny Vazaha, sao dia mitsambiki-mikimpy e ! Sao dia mihinana am-bolony fotsiny ka ho kofina ! "*Toy ny olona matin'ny hanoanana mahita akondro ka hohanina hatramin'ny hodiny, sao matin'ny hetaheta mahita fary ka hatelina hatramin'ny faikany !*"

-Eny ! Izao no hitako fa mety ! Efa nojereko tamin'ny *internet* ; hay akanjon'ireo *vedette* !

- Aza dia atao valalan'amboa re ny maha-malagasy ka ny tompony aza tsy tia e ! Indry tokoa no tonga amin'ilay nolazain'i Jean Narivony hoe "*rajakom-bavaha*", "*fa niofo ka tonga vazaha lehibe, fa efa mandroso na Sivilize*".

- Ianareo ho aho no efa *dépassée par l'événement* ka variana manindrahindra ny fahiny fotsiny e, dia manaratsy be fahatany ny ankehitriny.

-Tsy manaratsy akory aho fa gaga ihany : eto an-tanindrazana ity indry nefa tenin'olon-kafa no ipetsapetsanana sy imantsamantsanana.

- Izao anie ranona e, ny orinasa rehetra anie, mitaky fahaizana *français* ary koa *anglais*, mba tsy ho very mandeha e !

- Mananatra andry ihany aho fa *“ny nenina anie, hono, tsy eo aloha horoahina toy ny omby, fa ao aoriana hanaraka toy ny alika e !”* Tantaraiko andry fa efa nisy nanao fitafiana tsy maotina toa andry io, narahin’ny jiolahim-boto tany an’elakelan-trano tany, satria nihantsy azy loatra.

- Hum hum hum ! Angaha tsy henon-dry koa, ilay tovovavy nantsoina hoe : Ikalaso ? Mba nirefarefa tamin’ny zipo lava, kanjo nenjehin’ny alika ka nivazavaza. Nidaraboka vao tonga saina tsy sazoka.

- Izao fiheveran-dry izao indrindra no tena mampivarina an-kady !

- Ny andry koa : am-bava tsy mila, nefa am-po taralila :

- Sanatria ny ho taralila amin’izay fihetsika mivaralila : *“toy ny voarabe an-dembalemba ihany, jerena mahafolaka hatoka, tazanina manapa-bozona ; fa mba midoroboka ihany saingy manakona ny anjara masoandron’ny hafa ; mba tsara voa ihany saingy feno vitsika ; ary mba maka tahaka ny aviavy nefa tsy nahazo teorany Andrina toa azy akory”*. Eisy e ! Indry tokoa no tena Malagasy fa tsy ireny Ntaolo ireny !

- Koa raha tanora hihanahana, mbay tany fa sanàna !

- Ho hita eo tokoa, ranona a ! tsy ho very ny tsy ho Malagasy anie indry e !

- Iee, Malagasy *made in French* !

- Ah ! Ah ! Tonga amin’ilay hira hoe *“Ikala Dauphine”* ! Ka tandremo sao voadona any ka miantso vonjy an ! Fa *“mitsako tsy re ka kenda vao dony aho Ranaotra”* !

- Sss ! Mora foana raha izay mihaotra !

- Eny àry koh !

Dia nisaraka teo izy roa.

Ry tanora, ilaina ny fandrosoana fa ilàna fandanjalandana daholo izay atao rehetra. Tsarovy koa ilay filamatra hoe : *“Andrianiko ny teniko, ny an’ny hafa koa feheziko.”*

SALOHY SY VARATRAZA

06 – 07 - 05

TOVANA II

FANADIHADIANA

Ny fanontaniana nasaina nofenoin'ny mpianatra tany amin'ny ambaratonga faharoa fototra sy tany amin'ny ambaratonga faharoa manokana :

1. Inona amin'ireto no mahavantana ny vavanao kokoa rehefa mifamaly na miady hevitra ?

Ny mampiasa :

- ohabolana
- oha-pitenenana
- teny frantsay ombieny ombieny
- fanoharana
- ady rima

0	1	2

Fanamarihana.

0 = no marihana raha tsy mahavantana mihitsy

1 = ampiasaina kely ihany (mahalana)

2 = tena ampiasaina betsaka sy mahavantana ny vava

2. Rehefa mampita hafatra ianao, inona amin'ireto ny tena fampiasanao ?

-
- teny mivantana
- teny an-kolaka
- teny tsy tonga volana
- teny malagasy ranoray
- teny malagasy miharo teny frantsay

0	1	2

3. Amin'ny andavanandrom-piaiananao, inona no tena matetika renao amin'ireto :

- teny malagasy voakaly
- teny variaminanana
- teny frantsay

0	1	2

4. Teny manao ahoana no mahaliana anao kokoa ?

- teny bemiray
- tenin-jatovo
- teny malagasy ranoray
- teny frantsay tanteraka

0	1	2

5. Aiza amin'ireto no sehatra tena aheny tena teny bemiray

- kabary
- dokam-barotra
- filazam-baovao
- fampianarana
- fanehoan-kevitra
- fampielezan-kevitra
- resaka andavanandro

[illegible]

TOVANA III

TENY FRANTSAY NOGASIANA

Ny fomba fanoratra ireo teny vahiny nogasiana, natolotry ny Akademia tamin'ny volana jona 2005 :

Amin'ny teny vahiny	Ny tandrifiny amin'ny teny malagasy	Ohatra
Ny teny manomboka amin'ny <u>in-</u>	Tazonina ihany fa gasiana ny fomba famaky azy	indostria
<u>-in-</u> eo anivon'ny teny	<u>-en-</u> <u>-in-</u>	Sendika printsy
Ny anarana olom-pirenena na iombanana na mpamari-toetra miafara amin'ny : <u>- ain</u> , <u>-aine</u> , na <u>-en</u> , <u>-enne</u>	<u>- anina</u>	Afrikanina, Indonezianina, Kristianina
Ny anaran-javatra miafara amin'ny <u>-ne</u>	<u>- nina</u>	Lafarinina, telefoanina
Na anarana miafara amin'ny <u>-tre</u>	<u>-tatra</u> <u>- tra</u> <u>-ra</u>	Metatra Pretra Litera
Ny teny miafara amin'ny <u>-ent</u>	<u>- enta</u>	talenta
Ny teny miafara amin'ny <u>- eur</u>	<u>- era</u> <u>- ora</u>	Faktera Profesora
Ny feo [ô]	asiana	môtô
Ny teny miafara amin'ny <u>- ie</u>	<u>- ia</u>	filôzôfia
Ny teny miafara amin'ny <u>- ie</u>	<u>- ia</u>	filôzôfia
Ny <u>tr-</u> manomboka ny teny na eo anivony : <u>- tr -</u>	Tazonina ary gasiana ny fomba famaky azy	Tribonaly, astrônômia
Ny teny miafara amin'ny <u>- tre</u>	Tazonina ary gasiana ny famaky azy	Metatra
Ny teny miafara amin'ny <u>- ture</u>	<u>-tiora</u>	literariora
Ny teny mampiasa renifeo roa mifanarakaraka	Tsy asiana zanapeo intsony	Administera

Titre : Haifampianarana mifototra amin'ny fifanohanan'ny taranja jeografia, malagasy, frantsay –
Ady amin'ny teny bemiray na safiotra.

Mots-clés :

- o Mandretsika ny saina, ny fitadidiana (ce qui stimule l'esprit, la mémoire)
- o Teny mahavantana ny vava (mots disponibles)
- o Fifanohanan'ny taranja samy hafa (interdisciplinarité)
- o Teny iray fototra mifamatotra (mots associés)
- o Fifamatoran'ny hevitra (association des idées et des mots)
- o Tetika amam-paika (stratégies)

Nombre de tableaux : 20

Nombre de pages :

Annexe : I, II, III.

Résumé :

L'interdisciplinarité est une des solutions pour lutter contre le mélange des langues (frangasy) utilisé par les élèves. Il faut les (les élèves) habituer à utiliser les mots spéciaux qui existent en malgache afin qu'ils aient des mots disponibles à employer et que l'emprunt soit évité. Cela facilite aussi la compréhension et l'emploi de ces mots spéciaux en français.

Mahatonga ny mpianatra ho zatra miteny bemiray ny tsy fahazarany mampiasa ireo voambolana manokana ananan'ny teny malagasy. Koa anisan'ny vahaolana ialana amin'izany ny fanazarana ny mpianatra hampiasa voambolana manokana amin'ny alalan'ny fampifanohanana ny taranja samihafa ka ampiasaina amin'izany izay paika rehetra hahazoan'ny ankizy azy mora foana.

Directeur de mémoire : Suzette M. RATIARAY

Mémoire présenté par : M. Mélanie RAMANGAHARIVELO

